

# **Ny FANDROANA**

## **heviny sy tantarany (1)**

*nosoratan'i*

*Suzanne RAHARIJAONA*

---

(1) Fanitarana vistoatim-pampianarana natao tamin'ny taona 1973-1977.

## NY FANDROANA

Tato anatin'ny telo na efa-taona izao dia nisy zava-nitranga teo amin'ny faritra maromaro eto amin'ny Nosy izay nampieritreritra ny olona bebe ihany ary nanaitra ny sasany mihitsy aza. Ho an'ny 85 isan-jaton'ny mponina eto amin'ny Nosy izay mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana ary mamokatra ny hanin-kohanin'ny rehetra dia zava-dehibe loatra ny fiantraikan'ny toetr'andro eo amin'ny tany sy rano, biby fiompy sy voly samihafa. Tsy takona afenina fa tao ho ao dia nianjady ny hain-tany ary namely mafy ny rivo-doza tsy nampoizina, izany hoe tsy niseho araka ny tokony ho izy ny fahavaratra ary nizotra any amin'ny tsy falehany ny rivo-doza mpisy isan-taona.

Izany toe-javatra izany no nanindry ny olona mpitahiry fomban-drazana satria noheverina fa matoa mihatratra amin'ny tontolo iainana sy ny olombelona ny ankason'ny Natiora dia misy antony, ary izay no nanosika azy ireny mba hanetsika indray ny fomban-drazana : ny niely laza avy hatrany tamin'izany dia ny FITAMPOHA (= Fandroan'ny Mpanjaka Razana) izay nankalazaina tamin'ny fomba manetriketrika tany Menabe, foibe niandohan'ny fanjakana sakalava tao afovoan'ny morontsika andrefan'ny Nosy. Tanteraka soa amantsara tamin'ny volana Sepitambra 1978 ny FITAMPOHA ary nahavitana sarimihetsika (1) izay naseho vahoaka tany Belo amoron'i Tsiribihina sy Antananarivo tamin'ity taona 1980 ity.

Ny ohatra faharoa omena eto dia momba ny tanànan'i Tolinary : efa nahazatra sy nitokisan'ny mponina hatramin'ny ela fa rehefa misy ny rivo-doza any atsimo andrefan'ny Nosy dia mizotra amin'ny ranomasina any andrefany na mamakivaky an-tanety aty atsina-nana no fanaony mandrakariva. Izany no izy dia satria misy miaro ny tanànan'i Tolinary : araka ny filazan'ny fianakavian'ny mpanjaka masikoro azy dia ao Marohazo, avaratr'i Tolinary no misy ny toerana izay natokana anaovana ny Fandroan'ny Mpanjaka, ka io no misakana ny rivo-doza mba tsy hanitsy ka hikendry ny renivohi-paritany.

---

(1) Sarimihetsika maharitra adiny iray sy fahefany izay niantohan'ny trano fitahirizana ny vako-pirenena, ao amin'ny Oniversiten'i Madagasikara sy ny « Foibem-pirenena ho an'ny sarimihetsika » ao amin'ny Ministeran'ny Filazam-baovao ary nahazoana fanampiana ara-pitaovana avy amin'ny C.N.R.S (Foibem-pikarohana siantifika) frantsay.

Tamin'ny lana Desambra 1978 anefa dia namely mivantana ny «cyclone Agnès» ka sady tratran'ny tondra-drano avy amin'i Fiherenana no voan'ny tafio-drivotra mahery i Toliary tamin'izany. Nana-pa-kevitra ary ny mpanjaka, dia narahin'ny vahoakany izy tamin'izany fa atao ny FAMPANDROANA ny DADY ka ny volana Septembre 1979 no tontosa tany Benetsy (Ranozaza-Manombo) ny fombafomba amam-panao rehetra momba izany.

Niaraha-nahita tamin'ity fahavaratra 1979-80 ity fa nirotsaka tokoa ny orana ary tsy nolalovan-drivo-doza i Toliary. Araka ny mpino azy izany, dia azo lazaina fa lavorary satria nankasitrahany Razana ny natao rehetra, na tany Menabe na tany Fiherenana. Ho antsika mpikaroka sy mpandinika kosa ny azontsika ambara dia ny hoe — araka ny fantatra sy re amin'izao fotoana izao — dia misy izany faritra sasantsasany eto amin'ny Nosy izay mbola manana karazana Fandroana ho fomba velona mandraka androany ary tena mbola iainan'ny mpandàla azy araka ny filazan'ny nahita sy nantrika. Raha izany no mbola misy amin'izao faramparan'ny taonjato faha-XX izao dia tonga ho azy ao an-tsaina ny fanontaniana toy ireto : fa inona marina aloha no natao hoe na ny atao hoe Fandroana ? inona no tena votoatiny ? ary ahoana no dikany mazava ?

Mitsingerina amin'ny vanim-potoana fohifohy na lavalava ihany ny fankalazana ny Fandroana resahina eto ary ilay fomba amampao mahavory olona marobe koa no izy fa tsy ny fandroana izay ampanaovin'ny mpimasy ho an'ny olona iray tsy salama na nianiry hanana zanaka (mandro hazary sns...) Ary ny valin'ny fanontaniana napetraka momba ny Fandroana dia arakaraka izay fomba ijerena azy io sy izay lafin-javatra tiana ho marihina momba azy ihany. Amin'ny maha mpikaroka dia fanadihadiana siantifika no natao vain-dohan-draharaha tamin'ity indray mitoraka ity ka ny manazava ny votoatiny eo amin'ny lafin'ny finoana sy fivavahana nentin-drazana no nimasoana tamin'izany. Amin'ny maha mpandinika dia ny fahatsapana sy fiheveran'ny sarambabem-bahoaka ny Fandroana no taterina eto ka eo amin'ny lafiny fiaraha-monina no ametrahana ny fandalinana mikasika izay endri-javatra izay.

Araka ny drafitra izay kasaina harahina dia hialoha lalana ny famelabelarana ny fomba nitondrana ny fanadihadiana natao koa haseho amin'izany ny lovantsofina sy lahatsoratra ary fitantarananofantenina ka niaingana. Hanohy izany ny filazalazana ny amin'ny fomba fiasa (fanatsikerana sy fanakaran-kevitra) izay nahitana vokatra holazaina amin'ny ankapobe. Ny fizarana manaraka indray no hiditra amiñ'ny antsipirany ary hisesy eo ny Fandroan'ny Vahoaka, ny Fandroan'ny Mpanjaka velona sy ny Fandroan'ny Mpanjaka Razana miaraka amin'ny heviny sy tantarany hatrany. Mamarana ny fandinihana kosa ny bango tokan'ny hevi-dalina ijoroan'

ny Fandroana ka manazava ny tena anjara toerany eo amin'ny fiaraha-monin'ny VELONA.

Marihina fa ny teto anivon'ny Nosy no nifotorana tamin'ity indray mitoraka ity ary niniana tsy nidirana ny fampitahana amin' ny any ivelan'i Madagasikara : famakafakana hafa indray azo atao ihany koa any aoriana any izany.

Rehefa izany dia nidiitra amin'ny fanazavana ny fomba nahazoana izay nolazaina sy nalahatra tamin'ity fandinihana ity aloha isika.

## FIZARANA I :

### **FOMBA NITONDRANA NY FANADIHADIANA**

Lafin-javatra roa no nizezahana tamin'ny fandavorariana ny asam-pandinihana :

- ny famoriana ny akoran-javatra niasàna no voalohany ary
- ny fomba fiasa eo am-panatanterahana ny fanadihadiana no faharoa.

a) **Koa ahoana ny amin'ny akoran-javatra niasàna ?**

Voalohany indrindra dianofantenina izy ireo, izany hoe nokarohina ary avy eo nolanjalanjaina ny zava-misy tao aminy ka azo niaingana. Mizara telo ireo akoran-javatra niaingana :

- ny lovantsofina voarakitra an-tsoratra ;
- ny lahatsoratra tamin'ny taon-jato itsy sy ito, dia ireo filazalazana na famisavisana natolotry ny mpanoratra vitsivitsy izany ;
- ny fitantarana am-bava natao taminay ka avy amin'ireo mpahalala amin'ny andro ankehitriny sy ireo vavolombe-lona nanatri-maso.

1) *ny Lovantsofina* tranainy indrindra azo nodinihina dia tsy inona fa ilay noraketin'ny iray tamin'ireo ombiasin-dRanavalona reniny an-tsoratra nony «nazava» kelikely «ny tany». Hita ao fa araka ny maha ombiasin'Andriana azy no nanamarihany ny fomba tonga raikitra rehefa nampanaojin'ny Mpanjaka ka nankatoavin'ny rehetra. Ny fizarana mikasika ny Fandroana dia voasoratra tamin'ny taona 1865, araka ny ahitana azy ao amin'ny «*Documents historiques de Madagascar*» (1) ary ny lohateny dia manao hoe : «Ny nihaviany fandroana voalohany» (= Ny niavian'ny Fandroana voalohany).

---

(1) *Le manuscrit de l'Ombiasy de Ranavalona na Sombin-tantaran'i Madagascar* kara nosoratan'ny Ombiasin-dRanavalona I : izay kosa no lohateny nomen'ny Centre de Formation Pédagogique ao Ambozontany, Fianarantsoa io lovantsofina voarakitra an-tsoratra io. Marihina fa amin'ny teny malagasy no nanoratan'ny ombiasy azy sady araka ny fari-pahalalana nananany teo amin'ny tsipelin-teny tamin'izany fotoana izany.

Kanefa, na misy filazana fohy ny amin'ny fanaovan'ny vahoaka tamin'ny andron'Andrianampoinimerina aza io lovantsofina io, dia ny fampijoroana ny *Fandroan'ny Andriana* araka ny nanefen'ny Mpanjaka samihafa azy no tena azo notsoahana avy aminy.

2) *ny labatsoratra* indray dia nisy valo (8) ka nampiarahina araka izay karazana Fandroana resahiny izy ireo.

Lahatsoratra roa fototra nonofakafakaina sy nampifamenoina ka nahafahana nandahatra ny amin'ny ASARAMANTRY ny VA-HOAKA izay tsy inona fa ny *Fandroan'ny vahoaka*. Misionera vaza-ha roa lahy anisan'ireo tafaverina voalohany nony «nazava ny tany» no mpanoratra azy ireo ary marihina manokana fa tamin'ny *teny Malagasy* no nanaovany azy :

— Cousins William Edward (Kaozina zokiny) izay nanoratra «Ny Fomba ny Fandroana» (= Ny fomban'ny Fandroana) (1) dia namoaka izany tao amin'ny boky «*Malagasy Customs*» vita printy tamin'ny taona 1876. Hita taratra fa nanontany olon-tsotra sy namotopototra tamin'ny olona mpanotrona andriana i Cousins ary dia ny valin-teny azony tamin'izany no nosoratany avy hatrany araka ny nandrenesany azy. Azo avahana mazava tsara koa ny fanehoan'i Cousins ny heviny rehefa avy nandinika ny fomba malagasy izy. Ary farany, vavolombelona nahita maso izy satria vahiny manan-kaja nasaina tany Anatirova ihany koa i Cousins rehefa nankalazaina tao Manjakamiadana ny *Fandroan'ny Andriana* (Ranavalona II sy III). Ireo antonantony voalaza teo ireo no mahatonga antsika hihevitra fa loharonom-pilazana azo ianteherana ny lahatsotr'i Cousins.

— Tsy misy valaka amin'izany ny momba ny nangonin'ny R.P. Callet ao amin'ny bokiny «*Tantara ny Andriana eto Madagascar*» vita printy tamin'ny taona 1878. Sady nametraka an-tsotra ny valin-teny azony tamin'ny ray aman-dreny maro nifanereresa taminy ny R.P. Callet no nandika ny lovan-tsosifina voarakitra an-tsorátra izay nampindramina na nomena azy. Azo anaovana fandinihana tokoa ny «*Fomba fanao amy ny Fandroana*» araka ny nanoratan'i R.P. Callet azy satria sady betsaka ny zavatra voalazany no misimisy ny fizarana efa nataony :

- «fomba ny fandroana fanao ny mpanjaka sy ny hava'ny».
- «fomba ny fandroana fanao ny vahoaka»
- «fanampy, ny amy ny *fandroana* (filaza ny vaventy)»

(1) Tao amin'ny bokin'ny R.P. Callet *Tantara ny Andriana* no nahitanay ny lahatsotr'i Cousins. Nadikan'ny R.P. Callet amin'ny maha loharano na-novozany azy io lahatsoratra io koa dia izay no nazaoanay azy satria boky tsy mety ho hita intsony ilay *Malagasy Customs* voalohany.

Nony efa azo an-tsaina ny fandehan'ny Fandroan'ny vahoaka teto afovoan-tany dia nahitana ohatra iray sady manamafy no mamatevina ny Asaramaniry ny vahoaka ny boky nosoratan'i Jacques Philippe ROMBAKA «*Fomban-drazana antemoro*» vita printy tamin'ny taona 1970. Notsongaina tao ny lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe «NY FANDROANA AN-DRIAKA» (= Fandroana an-drano masina). Fohifohy sady tsotra ny fitanisana nataon'i Rombaka koa dia tsy nanano sarotra loatra ny fampiasana io lahatsoratra io.

Mpanangona fomban-drazana kalazalahy roa indray no tompon'ny lahatsoratra nameno ilay lovantsofina avy amin'ny Ombiasy ka nahazoana nandamina izay naseho momba ny Fandroan'ny Andriana. Zovy moa izy ireo ? Ny voalohany dia tsy iza fa RAINANDRIA-MAMPANDRY izay nahitana ny lahatsorany manao hoe : «Ny Fandroana» tao amin'ny bokiny «*Tantara sy Fomban-drazana*» navoaka tamin'ny taona 1896. Ny Fandroan'ny Andriana araka ny nanatsaran-dRanavalona II azy no ambentin'io lahatsoratra io. Ary ny faharoa dia RANDZAVOLA izay nanampy sy nanamboatra ny «*Malagasy Customs*» an'i Cousins ho «*Fomba Malagasy*», boky navoakany voalohany tamin'ny taona 1931. Ny fizarana nomen-dRandzavola ny lohateny hoe «Ny amin'ny Fandroana» no mamerina ny zavatra sasantsasany momba ny tantaran'ny Fandroana nefy tena votoatiny dia ny fampisehoana ny Fandroan'ny Andriana tamin'ny andron-dRanavalona III.

Ny lahatsoratra roa manaraka kosa izay notrandrahina mba hahalalana ny amin'ny *Fampandroana Razana Mpanjaka* dia azo lazaina fa vokatry ny asan'ireo mpikaroka malagasy tamin'ny vanim-potoana nantsoina hoe «mitady ny very» ; ny iray dia RABESIHANAKA izay nanoratra «*Tantarana Sakalava*» tao amin'ny Gazety-boky «*Ny Mpanolo-tsaina*» (1927-28) ary ny faharoa dia RAKOTO Alexis izay namoaka ny «*Fomba amam-panaon'ny Sakalava : ny Fanompoan-tsampy*» tao amin'ny Gazety «*Ny Mpandinika*» (1932).

Fa talohan'ny nampiasàna ireto lahatsoratra roa farany ireto dia ny fitantarana ny FITAMPOHA araka ny nahitanay azy maso tany Belò amoron'i Tsiribihina tamin'ny taona 1958 no nifotoranay (1).

3) *ny fitantarana am-bava*, izany hoe tsy nanaovana fandaharana raikitra na maty paika an-tsoratra, no zava-misy farany niaingana ka nanampy betsaka tokoa na teo amin'ny fanazavana amin'ny antispiriany na teo amin'ny filazana ankapobe.

---

(1) Satria ny «*Bulletin de Madagascar*» no namoaka io lahatsoratra io dia tam'in'ny teny frantsay no nanoratana azy tamin'izay fotoana izay.

Ireo mpahalala sy vavolombelona nanatri-maso nohatonina moa dia tsy iza fa ireo mpiara-miasa na mpianatra ao amin'ny *Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy* izay vy nahitana sy angady nananana araka ny asany na fahalalany sy fikarohana nataony raha-teo :

- voalohany indrindra Andriamatoa RAJAONARISON Jean-Baptiste izay nanao tatifra momba ny FITAMPOHA 1978 tany Menabe ary TAMPOKE 1979 tany Benetsy (Ranozaza-Manombo) ;

- manaraka dia Andriamatoa Jobily RAKOTOSON izay nameno ny banga teo amin'ny filazan-dROMBAKA momba ny fatrira antemoro (*Fandroan'ny Mpanjaka velona*)

- farany Andriamatoa isany ANDRIANIARINARIVO Franklin sy DAVID Lucien, samy mpianatra any Toliary, izay nilazalaza ny amin'ny *Fandroan'ny Mpanjaka Velona masikoro* sy ny TAMPOKE 1979.

Voalaza teo ny momba ny akoran-javatra niasàna, afaka miroso mankamin'ny fomba nitondrana ny fanadihadiana isika rehefa matraka ny fanontaniana toy izao :

### b) Amin'ny fomba ahoana no niasàna ny akoran-javatra ?

Raha ny fomba fiasa indray no asian-teny dia ambara fa mifanao ambaratonga roa ny fandavorariana azy io. Eo aloha ny famakivakiana ny akoran-javatra ho hasinkasiny azo arafitra ary eo manaraka izay ny fananganan-java-miorina izay mitombina marina sy mijoro tsara.

Eo amin'ny lafiny asa saina, ny tiana holazaina eto dia ny *fanatsikerana lahatsoratra* izay imasoana voalohany mba hampisehoana ny fitsitokotokoany anaty. Ny ezaka faharoa kosa dia eo amin'ny *fanakaran-kevitra* izay fanatsoahana ny ventin-kevitra raketin'ireny hasinkasina nasehon'ny tsikera ireny ary dia tohizana amin'ny fandravonana ireo ventin-kevitra samihafa mba ho fonjan-kevitra maneho na ianteheran'ny foto-pisainana sy foto-pinoana malagasy.

Iverenantsika ireo ambaratonga roa ireo satria misy dingana maromaro handalovana vao tontosa izy ireo ka hoezahina ny hamahavaha ny amin'izay asa saina ilaina hatrany hatrany raha hanatante-raka azy ireo. Soritana fa tsy maintsy atao isaky ny mändray lahatsoratra na lovantsofina na fitantarana iray ny fanatsikerana sy ny fanakaran-kevitra azy io. Ary rehefa mampiasa lahatsoratra, lovantsofina sy fitantarana vitsivitsy nefy mitovy lohahevitra ka tiana hatao indray mijery ireo, dia ny fanatsikerana natao tamin'ny tsirairay no raisina daholo ary andramana hakapoka ho iray. Manaraka avy eo ny ezaka mba hambango tokana ny vokatra samihafa avy amin'ny fanakaran-kevitry ny tsirairay tamin'izy ireo. Izay moa dia ilaina indrindra rehefa be ankolafiny sy maro fizara-

zarana ilay zavatra iray loha dinihina — ary toy izay mihitsy no nahitana ny Fandroana tamin'ny fanadihadiana azy io.

### Ny amin'ny fanatsikerana.

Rehefa te hirotsaka amin'ny fanatsikerana, ny ilaina alohan'ny zava-drehetra dia ny fitaovana enti-mitrandraka ka ny maha izy azy ny fitaovana misy, ny fomba fampiasa azy io sy ny zava-kendrena amin'ny tsikera no mametra ny safidy eo am-pitadiavana io fitaovana anatsikerana io.

Tamin'ity fanadihadiana ity, ny *tsikera ara-drafitra* no nandrian'ny sainay ary tsy maintsy nampifanarahina hatrany tamin'ny fahamihafan'ny niasàna izy io :

- na araka ny tsitokotokon-javatra misy, izay samy manana ny anjara asany ,
- na araka ny vanim-potoana ifandimbiasan'ny zava-mitranga voalaza ;
- na araka ny zana-kevitra vitsivitsy na maromaro aposaky ny lahatsoratra, lovantsofina, fitantarana. Mazava ho azy fa nanaraka ny fahasamihafan'ny niasàna ny yokatra nabaribarin'ny fanatsikerana ; hasin-javatra na hasim-potoana na hasin-kevitra no teo ambarany maso nony nifarana ny tsikera.

Mbola tsy vita anefa ny fanatsikerana raha tsy alahatra sy am-pifandraisina, zohina ary aravona ireo hasinkasina ireo, izany hoe jerena akaiky tsirairay avy izy ireny aloha, avy eo zahana izay ifampitohizany na ifampiankinany na koa ifanoherany, ka dia alamina araka izay izy ireny. Raha toa ka sendra ny lahatsoratra maromaro dia ampitahaina ireo hasinkasiny avy izay efa nalamina ary eo indray no miseho ny fifandraisana misy eo amin'izy ireo : na ho fifanamafisana na ho fifamenoana na ho fifamonoana.

Farany, eritreretina izay mety ho yokatry ny fitambarany ary dia akambana ho vondrona iray manana endriny misy dikany ireny hasinkasina ireny. Izay no azo atao dia satria mipoitra tsikelikely ao an-tsaina eo am-panatsikerana ny RAFITRA ANATY ijoroan'ny zavatra dinihina — dia ny Rafitra anaty ijoroan'ny Fandroana no ohatra eto — ary tohin'izay dia misongadina ny DRAFITRA manazava ny ENDRIKA IVELANY isehoan'io zavatra dinihina io — dia ny Drafity ny fankalazana ny Fandroana izany eto. Ilay endriny misy dikany ivondronan'ny hasinkasina dia mety ho ity drafitra resahina farany eto ity, indrindra rehefa hasin-javatra na hasin-kevitra no niharihary.

### Ny amin'ny fanakaran-kevitra.

Ny tiana hambara amin'ny atao hoe fanakaran-kevitra eto dia ny asa saina milofo amin'ny fitadiavana ny dikany lalina ara-kevin'y raketin'ireny hasinkasina ireny ary manatsoaka miaraka amin' izay ny fonjan-kevitra ifotoran'izy ireny.

Ny fitaovana manampy indrindra amin'ny fahitana ny dikany lalina eo amin'ny ara-keviny dia tsy inona fa ny Fahalalana ankapobe momba ny Olombelona ka mikasika ny Finoany, ny Fivavahany, ny Fahendreny.

Ny fari-pahalalana misy ankehitrio sady mifanandrify amin'ny fisehon'ny zava-mitranga eto amintsika no raisina amin'izany ka ampiharina.

Ny fomba ahazoam-bokatra tsotra indrindra dia ny miainga avy amin'ny hasina tsirairay nasehon'ny tsikera ka takarina ny hevit'r' ireo hasina tsirairay avy ireo ary aorian'izay dia aravona indray ny vokatra samihafa azo teo. Mazava ho azy fa ny fandravonana dia mifarana amin'ny fanehoan-kevitra misy dikany. Etsy an-danin'izay anefa dia azo atao tsara koa ny mifototra amin'ilay vondron-kasina na amin'ilay Drafitra : mianina fotsiny amin'ny fanakaran-kevitra amin'ny ankapobeny no tena atao amin'izay fotoana izay. Fa raha iny ankapobe iny indray no tiana ho fakafakaina hatrany amin'ny andinidininy dia ny fara-lalina amin'ny hevitra fototra ao anaty ao izany no kendrena.

Eto angamba dia ilaina ny fanampim-panazavana mikasika ny antony tokony hirosoana amin'ny fanakaran-kevitra.

Toraka ny ankamaroan'ny olombelona manko ny Malagasy : na-hatsapa izy fa nilaina ny fahitana ny antonantony mahatonga ny zava-mitranga sasantsasany saro-pantarina eo amin'ny fiainana. Ekena fa misy ny anton-javatra hita maso, mazava fiaviana, ampoizina avy hatrany, nefo tsy lavina ihany koa fa misy ny fisehoan-javatra tsy ahitana fiandohany miharihary, tsy takatry ny saina avy hatrany eo amin'ny fandehany, tsy azo anomezana porofo mivaingana. Izany dia toa manosika hitady ny antony any ivelan'izao Tontolo izao ary toa manery hino fa misy Tontolo hafa noho izao ambany maso izao ka any ambadibadika any ary any an-koatra any no ivelarany.

Mitovy amin'ny mponina maro eto an-tany ny Malagasy ka efa nodinihin'ny zokiolona ela sy efa nosaintsainin'ny taranany nifandimby nandritra ny taon-jato maromaro ny Tontolo nianany. Noho izany dia sady manana ny fisainany momba ny tany ama-monina akaiky azy sy ny voaàry manontolo manodidina azy lavidavitra ny Malagasy no manana ihany koa ny fiheviny ny Tontolo tsy hita maso, tsy àry tsapain-tanana saingy azony antoka fa misy tokoa any am-badika tsy takatra jerena any (anahabakabaka na ambany

tany, sns...) sy ny an-koatra tsy hita polopolorina any (fiaianana amin' ny endriny manokana ananan'ny Tontolon'ny Fahafatesana, Hery avy any ivelany mihatra eto an-tany, sns...).

Manaraka izany, ny fiantraikan'ny Tontolo tsy hita maso eo amin'ny fiaianan'ny Velona no tsy maintsy niteraka ny fihevitra ny fomba ifandraisian'ny Tontolo iainana sy io Tontolo tsy hita maso io. Ary raha heverina fa misy ny fifandraisian'izy ireo dia tsy maintsy alaina an'eritreritra miaraka amin'izay ny mombamomba io Tontolo tsy hita maso io : ny fandehany, ny fihetsiny, ny didiny, sns...

Ny tiana hambara amin'izany rehetra izany dia tsy inona fa ireo FINOANA NENTIN-DRAZANA toy ny VINTANA (amin'ny maha HERY maha àry azy), ny HASINA, ny TODY, ny ZAVATRA, ny RAZANA sy ny Fahefany (amin'ny fomba fitsidihany ny velona, ny fitakiany, ny zavatra ataony), sns,sns... Ka ny Malagasy no namolavola ireo FINOANA ireo, dia satria tsy afa-po ny sainy fa tsy maintsy misy toniany ny zava-drehetra. Noho izany ireo Finoana ireo ihany koa no ianteheran'ny Fisainany sy Fiheviny izao rehetra izao – indrindra fa ny tsy hita maso sy izay fiantraikany eo amin'ny fiaianana. Rehefa zohina hatrany amin'ny fiaianana andavanandro ny vokatra nateraky ny fihevitra ny fomba ifandraisian'ny Tontolo iainana hita maso ary tsy hita maso dia mazava eo koa ny antony namoronana ny Lalàna maro karazany mamepetra ny fiaraha-monin' ny velona sy ny fitsipika samihafa mibaiko ny fitondrantenan'ny tsirairay mba hahafantarany be sy ny maro tsara izay fanao sy izay tsy fanao na amin'ny fotoana inona na amin'ny toe-javatra ahoana. Ireny lalàna sy fitsipika ireny kosa dia tsy inona fa ny famborahana ny foto-kevitra ijoroan'ny FAHENDRENA andrindrana mandrakariva ny fiaianan'ny mpiara-belona eo amin'ny lafiny sy sehatra samihafa na eo anivon'ny Tontolo iainana hita maso na tsia izany.

Azontsika hamafisina amin'izay izany fa *ny fomba amam-panao no nanambaran'ny olona tany aloha tany ny tokony hatao eo amin' ny fifandraisana amin'ny Tontolo manodidina hita maso na tsia* ka amin'ny alalan'ny fihetsika hita maso sy fampiasana zavatra azo tsapain-tanana no anehoana izany. Ny fomba amam-panao efaina araka ny toe-javatra ilàna azy no mampahafantatra ny fandavorariana ny fifandraisana miavana — raha tsy hoe manarina ny fahatapaham-pihavanana ka mampitohy azy indray — eo amin'ny olona sy ny Tontolo manodidina iainany na hita maso izy io na tsia. *Izany no mahatonga ny fomba amam-panao ahitana taratra indrindra izay Finoan'olona sy izay Fiheviny ny Tontolo manodidina azy.*

Amin'izay lafin-javatra izay ihany koa dia azo lazaina fa mitovy torosy amin'ny fomba amam-panao ny ohabolana sy ny an-

gano ary ny fombam-pitenenana samihafa satria izy ireny no ahitana taratra ny Fahendrena lalain'ny olona eo amin'ny mponina iray. Soritana fa mety hifamadika toerana ny fomba ary ny ohabolana rehefa ny fomba no endrika ampiharana foto-kevi-pahendrena ary ny ohabolana no miresaka Tonteo hita maso na tsia.

Rehefa mampiseho ny maha izy azy ny mponina iray dia ny fomba amam-panaony no hita miharihary aty ivelany ary ny «vakomanitra» eo amin'ny «Lovantsainany» rø fandre voalohany. Koa raha tiana ho fantarina an-tsakany sy a'i-davany ny tena maha izy azy io mponina io dia tsy maintsy voasana tanteraka ireny vakodrazana samihafa ireny, izany hoe tsikeraina ary anaovana fana-karana an-kevitra. *Ny fikatsahana fahalalana lalindalina kokoa izany no mitaky ny anaovana fanatsikeran*, arahin'ny *fanakaran-kevitra*.

Raha ny ohatra nalaina tamin'ity indray maka ity no imasoana dia inona no azo marihina teo am panadihadiana azy io ? Maromaro tokoa ary isan-karazany sy atao amin'ny fotoana samihafa ny fombafomba eo amin'ny Fandroana. Mitory sombiny amin'ny fihevitra ny Malagasy ny Tontolo iainany na hita maso na tsia izy ireny tsirairay avy. Manambara koa ny anjara toeran'ny velona isankarazany eo amin'ny voaàry manontolo sy ny anjara toeran'ny Razana antsoina hampiasa ny heriny eo amin'ny Tontolo hita maso ireny fomba amam-panao tsirairay avy ireny. Ary ny fitambarany ao amin'ny Fandroana kosa dia mamosaka lafiny vitsivitsy eo amin'ny foto-pisainana sy foto-pinoana malagasy. Ny tsangan-kevitra, ny hevitra tafatsangana taorian'ny fanatsikerana sy fanakaran-kevitra ka novelabelarina any am-pamaranana ny fanadihadiana dia anisan'ny mavesa-danja indrindra eo amin'ny fahazoana mamaritra ny maha malagasy ny Malagasy. Rehefa dinihina akaiky manko izy ireny dia maneho ny fihevitra sy finoana ny amin'ny FAHARIANA sy AINA izany hoe mipaka hatrany amin'ny FISIAN'ny OLOMBE-LONA mihitsy izany.

Koa dia vokatry ny fanadihadiana no aseho eto izao, amin'ny ankapobeny aloha satria ny tena votoatin'ny fanadihadiana no hanao izany amin'ny antsipiriany.

d) **Raha izany, inona no vokatra nakarina ary ahoana ny amin' izy io ?**

Amin'ny ambangovangony, ny vokatry ny fanadihadiana momba ny Fandroana dia mizara roa :

- an-daniny, ny fisian'ny Fandroana eo anivon'ny Nosy manontolo sy ny Fisehony amin'ny endriny samihafa ;
- an-kilany, ny famaritana ankapobe ny atao hoe Fandroana ary ny fiantsoana azy io araka ny karazany.

## 1. FISIAN NY FANDROANA EO ANIVON'NY NOSY MANON-TOLO SY NY FISEHONY AMIN'NY ENDRINY SAMIHAFA

Ny filazana ny fisiana moa dia mety ho teny indraim-bava na mety ho famisavisana lavalava ihany na tena lava aza ho an'ny sasany. Araka ny fitantarana sy lahatsoratra hita amin'ny gazety, gazety-boky sy boky na vahiny (1) na vitan'ny tera-tany dia nandrenesana fa nisy, raha tsy hoe mbola misy ny Fandroana, amin'ny fari-tany atsimo toy ny any amin'ny Antanosy ka hatrany avaratra toy ny any amin'ny Tsimihety ; any atsinanana toy ny any amin'ny Betsimisaraka sy Antemoro ka hatrany andrefana manontolo iny any amin'ny Masikoro ary Sakalava sy ireo nandray ny fomba sakalava. Ny eto afovoan-tany moa dia fantatra fa nanana Fandroana ny Merina sy ny Betsileo izay nitsahatra tamin'ny nahatongavan'ny Vaza-ha. Nefa izany tsy nisakana ny mbola isian'ny sisa tavela any ho any.

Ny tsy fananana filazana na am-bava na an-tsoratra avy amin'ny faritra hafa noho ireo voatanisa ireo dia tsy midika avy hatrany ho tsy fisian'ny Fandroana, fa mitaky kosa Fikarohana tsy maintsy ataontsika hahitana lovantsofina mbola azo raisina na koa hitadivana sy hanatonana zokiolona, ray aman-dreny, mpahalala mbola afaka mitantara, raha tsy izany dia hizahana izay fankalazana karazana Fandroana mbola misy ankehitrio ka azo atrehina.

Momba ny fisehon'ny Fandroana, ny azo lazaina hatramin'izao dia eo amin'ny olona ampiasàna fandroana sy eo amin'ny fotoana anaovana fandroana no mampiavaka ny endrika samihafa ahitana azy io. Avahantsika avy hatrany ny fandroana ho an'olon-tokana izany hoe ny fanatanterahana ny fombafomba androana ho an'olona iray ihany izay otronin'ny fianakaviany akaiky. Amin'ny fotoana izay anondroan'ny ombiasy azy no tontosaina ireny fandroana mangina ireny ka miovaova endrika no ahitana azy ireny arakaraka ny zava-mitranga anton'ny tsy maintsy androana toy ny :

- fisantarana (fampandroana Mpanjaka vao nahazo fanjakana)
- fanomezana tso-drano (fampandroana zanaka mpanjaka handeha hanorina fanjakana)
- fitsaboana (mandro hazary ho an'ny vehivavy tsy miteraka na ho an'ny zaza tsy salama, fampandroana salamanga ho an'ny marary voan'ny aretin-dolo).

---

(1) Molet (L) *Le bain royal à Madagascar*. Io boky io no mampiseho loharano nanovozana maro karazana indrindra momba ny Fandroana.

- ala faditra (fampandroana amin'ny riana misy ranobe ho an'ny reny manana zanaka farofy) (1). sns...

Ny tena imasoantsika anefa dia ny Fandroana izay lanonambe mahavory olona maro tokoa ary ankalazaina amin'ny vanim-potoana voatokana ho amin'izany ka mitsingerina hatrany hatrany : mandro daholo ny olona amin'izany ary androm-pahasoavana no ihevérana azy io. Any amin'ny faritany samihafa dia eo amin'ny fomba androana sy faharetan'ny koràna ary ny fanao mikasika ny Fandroana no miovaova ary dia miovaova araka izay koa ny endrika iseho-an'ny Fandroana aty ivelany.

## 2. FAMARITANA ANKAPOBE NY FANDROANA SY FIANTSO AZY ARAKA NY KARAZANY

Raha hofaritana amin'ny ankapobeny ny atao hoe Fandroana dia azo tsipihina ny misongadina amin'izy io :

- fitambarana fombafomba amam-panao ny Fandroana ka ny fanao mavesa-danja indrindra eto dia ny mandro, izany hoe miroboka anaty *rano* ary mipoitra avy ao aorian'izay ka atao ara-bakiteny tanteraka tokoa izany na atao sarintsariny toy ny fafy rano na saforano na tatao rano nefä dia misy koa ny fomba ara-keviny ka asolo zavatra hafa-ny *rano* ;
- efaina amin'ny vanim-potoana mitsingerina (isan-taona na isaky ny roa, dimy, folo taona, sns...) izay voatokana mihtsy ho amin'izany ny Fandroana ary izany dia hatramin'ny fahagolan-tany na fara farahatsiny raha vao tafajoro ny fia-rahamonin'ny mponina iray na mponina samihafa nifanolo-body rindrina ;

Ankalazain'ny olon-drehetra tsy misy an-kanavaka ny Fandroana sady amim-piravoravoana feno satria fotoam-piatoana, fotoam-pihaonana ary fotoam-pihavaozana izy io.

Mikasika ny anarana hoe Fandroana dia marihina fa tsy hoe io avy hatrany na io foana koa no fiantso azy, raha ny tantarany no zohina. Araka ny fombafomba noheverina fa loha laharana tao aminy no mahavery anarana azy na araka ny onjan'ny tantarany koa no nahatonga azy nahazo fameno. Mizara karazany telo izany ny fiantso ny Fandroana :

- 1) Fandroan'ny vahoaka tsy vakivolo ka ny ohatra roa haseho amin'ity karazana ity dia ny *Asaramaniry ny vahoaka* sy ny *Fandroana an-driaka* ;

---

(1) Rainihifina (J.) — Tantara betsileo Lovantsaina I — t. 24, 49  
— Fomba betsileo Lovantsaina II — t. 41-43, t. 145, t. 155.  
156.

- 2) Fandroan'ny Mpanjaka velona ka ny *Fandroan'ny Andriana* no voasana eto ,
- 3) Fandroan'ny Mpanjaka Razana raha marimarina kokoa, Fampandroana Razana Mpanjaka — araka ny nanaranana azy nandritra ny FITAMPOHA sy tao anatin'ny FANOMPANA tamin'ity indray mitoraka ity.

Soritana ihany koa fa misy ny mponina toy ny Antemoro izay sady manana ny Fandroan'ny Vahoaka no mbola mankalaza ny Fandroan'ny Mpanjaka velona ihany koa. Ary ao koa ny mponina toy ny Masikoro izay manana ny Fandroan'ny Mpanjaka velona sy ny Fampandroana Razana Mpanjaka. Ny Sakalava any Menabe moa dia mankalaza ny Fampandroan'ny Mpanjaka Razana iotsiny.

Rehefa notononina teo ny santonanay samihafa amin ny Fandroana dia hiditra amin'ny antsipiriany amin'izay isika, koa hisesy ao ny fanadihadiana ny Asaramaniry ny vahoaka, Fandroana andriaka, Fandroan'ny Andriana, Fitampoha ary Fanomipoana.

## FIZARANA II :

# **RAFITRA SY DRAFITRA ARY HEVITRY NY FANDROANA ARAKA NY KARAZANY**

Ny horesahintsika voalohany dia ny Fandroan'ny Vahoaka tsy vakivolo, izay trrainainy indrindra ary azo antoka fa nisy talohan'ny na ha tafajoro ny Andriana manjaka satria io Fandroan'ny Vahoaka io moa no niaingan'ny Mpanjaka mba hanorenany ny azy. Noho izy io loha laharana, izany hoe tany am-piandohana, dia nilozohana tokoa ny fanadihadiana mba hahafahana mampiseho ny Rafitra sy ny Drafitra ary ny Hevitry ny Fandroana.

Iray lasitra ary tsy niova Rafitra mihitsy ny Fandroana teo amin' ny karazany telo izay nifampitohy dia ny Fandroan'ny Vahoaka, ny Fandroan'ny Andriana ary ny Fandroan'ny Mpanjaka Razana izany. Fa ny fampiharana io Rafitra io na hoe koa ny fanehoana azy io aty ivelany amin'ny alalan'ny Drafitra mandahatra ny fomba amam-panao anefana azy no niovaova kely ihany araka ny tantaran' ny mponina sy ny toetoetry ny fari-tany. Ary ny Hevitry ny Fandroana kosa dia nanaraka ny onjan'ny Drafitra izay sady mirakitra no mitondra azy.

### **1. FANDROAN'NY VAHOAKA**

#### **1) Asaramaniry ny Vahoaka :**

Eo amin'ny teny ifampiarahaban'ny olon-tsotra rehefa tonga ny Fandroana izay lazaina ihany koa ho «tonon-taom-bahoaka» na «taom-pahatsiarovana» no andresena ny fiantso «ASARAMANTRY NY VAHOAKA».

Asaramanitra dia anaram-bolana malagasy talohan'ny nandraisana ny anaram-bolana arabo (ny hoe Asara no avy amin'ny teny sanskrita). Sady amin'ny fotoana fisian'ny vokatra no amin'ny toetr'andro mahalavorary ny lanonana atao no misy io volana Asaramanitra io : fanamarihana vanim-potoana ahazoan'ny rehetra ivoriana sy ifalia-na ary indrindra iarahana «mandro» izany ny Asaramanitra.

### **RAFITRA FOTOTRA IJOROAN'NY ASARAMANTRY NY VAHOAKA**

Raha notsikeraina ireny lahatsoratra nifotorana efa volaza tany aloha ireny dia hita soritra tao fa nanana Rafitra Fototra nibaiko

ny fandaharana ny fomba amam-panao samihafa tokony hoefaina amin'ny Fandroana ny Asaramaniry ny Vahoaka.

Tsy inona io Rafitra Fototra io fa ny toko telo mahamasa-nahandro :

- a) *Fanomanana sy Fiomanana*
- b) *Fanatanterabana*
- c) *Famaranana*.

a) Ao anatin'ny dingana voalohany — *Fanomanana* ny zavatra sy kojakoja sy fiomanan'ny olona isan-tsokajiny tsy misy avakavaka — no iheverana mialoha ny antsipirian-javatra izay tokony hatao sy izay mety hilaina dieny mbola fotoam-panomanana ka hatrany amin'ny fotoam-pamaranana. Efa azo ~~atomboka~~ ela na elaela mialoha ny fanomanana izay mikasika ny fananana eo ~~qm~~-pelatanana ny zavatra rehetra hampiasaina amin'ny fomba amam-panao toy ny fanefena vilany tany vao, sns... Karakaraina amin'izany koa ny hatkona mandritra ny roatokom-bolana anaovana sakafobe ary miaraka amin'izay ny fandraisam-bahiny — indrindra ireo havana tonga avy lavitra.

Anisan'ny *Fiomanan*'ny olona dia marihina ny haingo ho an'ny rehetra — na ankizy (fampitaha) na olon-dehibe, na vehivavy na lehilahy satria tsy maitsy miraratra araka izay azony atao ny tsirairay mandritra ny tena Fandroana. Zava-dehibe eo amin'ny fiomanan'ny olona ny ho fanomezana hatolotra ny mpamangy sy haterina any amin'ny havana sy namana ary sakaiza, ary tsy azo atao ambanin-javatra mihitsy ny hira ifanaterana sy ny dihy ifaninanana.

Ny fanomanana mivantana izay mampiditra amin'ny tena votoatin'ny Fandroana dia amin'ny alalan'ny fanao samihafa efaina mandritra ny «dimy andro ambony» izany hoe mandritra ny dimy andro mialoha ny andro androana.

- b) Ny *Fanatanterabana* no dingana faharoa ary maharitra «roa andro anaovana» izy io izay mizara ho «andro androan-dRANO» arahin'ny «andro amonoana OMBY». Feno ny fandaharam-potoana mandritra ireo roa andro ireo, na amin'ny tontolo andro raha mbola mazava ny andro na amin'ny hariva sy alina manontolo tsy ahitana masoandro izany.
- d) Mitohy eo avy hatrany ny dingana farany ka ny «dimy andro ambony» no andavorariana ny *Famaranana* : sady atao izay hitsaharana amin'ny Fandroana vao nodiavina no apetraka sahady ny antoka mba hahatratarana ny fitsingerenan'ny Asaramaniry ny Vahoaka mbola ho avy indray.

Ho tanisaintsika amin'izay ny fifandimbiasan'ireo fombafomba mavesa-danja maha-izy azy ny Asaramaniry ny Vahoaka ka hase-hontsika amin'izany ireo fanao fototra misesy araka ny ilaharany rehefa mankalaza ny Fandroana.

Raha teto afovoan-tany izany no jerena akaiky dia toy izao ny Drafitra fototra teo amin'ny Asaramaniry ny Vahoaka hatramin'ny taon-jato iaha-XVI no mankany :

### DRAFITRA FOTOTRA ANKALAZANA NY ASARAMANIRY NY VAHOAKA

FANOMANANA	5 andro ambony	andro androan-dRANO = andro farany amin'ny taona nodiavina	hariva alina	- Tsy mandatsa-drà - Mody daholo - Harendrina - Famoirzana - Alin-dratsy
FANATAN-TERAHANA	2 andro anaovana	andro amonoana OMBY = andro voalohany amin'ny taom-baovao	maraina andro tontolo alina	- Safo-Rano = Tatao Rano = votoatin'ny Fandroana  - Lapabe - Valabe = andro tsy maty
FAMARANANA	5 andro ambony	maraina andro tontolo hariva alina	dia-yolana	- Mifoha - Mamono omby  - Jaka - nofon-kena mitam-pihavanana  - Tsy mandatsa-drà - Mitora-bolana

Ho an'ny mpandinika sy ny mpahalala dia niharihary avy hattrany fa maro lavitra noho ireo voatanisa ireo ny fombafomba nisy na misy ao amin'ny Fandroana. Marina loatra tokoa izany fa ny antitranterina eto dia ny *fomba amam-panao fototra* ireo izany hoe nisy hatramin'ny taloha indrindra, ka ny sisa rehetra izany dia noforonina tato aoriana ary tonga nanatevina tsikelikely ny teo aloha arakaraka izay nanamboaran'ny vahoaka azy na nandidian'ny mpanjaka azy amin'ny vahoaka tamin'ny vanim-potoana samihafa teo amin'ny Tantara.

Ohatra azontsika alaina amin'izany ny :

- Harendrin'andriana  
(nialoha ny harendrim-bahoaka)
- Fotsiaritra
- Mamoaka omby
- Tatao vary
- Jaka mialin-taona
- Varanga, kitoza, sns, sns...

Ho an'ny ankizy manokana dia ny Tsikonina no natao nifanindrana ~~rin'ny~~ Jaka ho an'ny olon-dehibe ary ny Fampitaha amin'ny Nofon-kena-mitam-pihavanana.

Rehefa azo an-tsaina tsara ny filaharan'ireo fomba amam-panao fototra ireo ary tonga ao an'eritreritra ny fitambaramben'izy ireo dia afaka miroso amin'ny ezaka manaraka isika ka manakatra ny hevitra raketin'izy ireny.

### ***HEVITRY NY ASARAMANITRY NY VAHOAKA***

Inona àry no dikany lalina ara-pinoana na antony voalohany mampijoro ireny fomba fototra ireny eo amin'ny sehatry ny Fivavahana ? Hovelabelarina tsirairay avy ny momba ireo fomba fototra ireo.

1. *Tsy mandatsa-drà* : «tsy mamono zava-mandeha rà» no tokony hilazana azy ary ny heviny amin'izay dia ny hoe tsy tokony hisy fahafatesan'ny zavamananaina hiharihary eo anivon'ny zavaboaàry na tontolo iainana na fiaraha-monin'ny Velona. Ny dikany lalina kosa dia manambara fa ny AINA izany dia tokony tsy hisy hafoy, ny AINA dia tokony ho velona miriaria. Ny havesa-danjan'ny AINA sy Fahavelomana no mazava avy hatrany raha vao hian-doha ny Fandroana.

2. *Harendrina* : avy ao anatin'ny haizina sy hatsiaka (= alina) no iny hita mipoitra ny hazavana sy hafanana (= afo) izay mihodidina ny tanàna (= tontolo iainana) ary entin'ny ankizy (= fara mandimby).

Ny haizina tsy ahitana na inona na inona dia sarin'ny tsy fisiana.

Ny hatsiaka mamirifiry dia sarin'ny tsy fisian'ny hetsika — indrindra ny tsy fihetsehan'ny zavamananaina izay matory na mitampify amin'io fotoana io.

Mifanohitra amin'izay kosa ny hazavana ateraky ny Afo. Ny hazavana sy hafanana no antoky ny fahalavorarian'ny fietsiky ny zavamananaina. Raha izany, ny Afo izay mipoitra ao anatin'ny alina eto dia sarin'ny Masoandro izay mampisy ny fisehoan'ny fahavelomana ary itrangan'ny AINA tena velombelona rehefa avy tsy hita maso ny fisiany.

Ny ankizy mitondra ny harendrina ary mandehandeha eny moa dia mitory ny fahaveloman'ny fara mañdimby ka izany dia sarin' ny AINA azo antoka eo amin'ny fisiany hatrany hatrany noho ny taranaka hifandimbidimby tsy misy fiafarana.

Ny Harendrina izany dia milaza fa avy ao amin'ny tsy misy -- ary io tsy misy io dia mety ho tsy fisiana marina nefá mety ihany koa ho ny efa nisy saingy levona tanteraka — no iny mipongatra ny fandresena ny fahalevonana sy tsy fisiana. Amin'izay ny Harendrina, dia sarin'ny FAHARIANA, izany hoe famerenana ny Famoronana, indrindra ny Famoronana AINA vaovao.

Ny horakoraky ny olona sy ny hirahiran'ny ankizy mandritra ny Harendrina dia fanehoana ny hafaliana satria mitsingerina ny fotoana natokana hanatanterahana ny faniriam-panavaozana eo amin'ny fiainany. Rehefa navadibadiky ny andro sy volana teo manko izy dia tsapa fa mihatonta sy ela nanaovana ka ilàna fanavaozana. Ny Harendrina dia mampibaribary izany fanavaozana izany eo am-pamerenana an-tsary ny FAHARIANA amin'ny alalan' ny afo izay mipoitra avy ao anatin'ny haizina ka mamakivaky ny alina.

3. *Famoizana* : Fanamarihana farany, mandritra iny alina iny ihany ary tsy maintsy atsañatra raha manakaiky ny maraina, fa tsy ho hita velonaina intsony doria doria ireo havana nindaosin'ny fahafatesana tamin'ny taona nodiavina teo iny : lasa tanteraka any amin'ny Tontolon'ny Fahafatesana izy ireny ka any no iainany araka ny fomba manokana iainana any. Afoy ny hava-maty, izany hoe atao toy ny tsy misy intsony ny maty satria miomana hiatrika fotoana anjakan'ny FAHARIANA ary anandratana ny AINA ny velona.

4. *Alin-dratsy* : ity fanao ity dia mikasika ny fiaraha-monin'ny Velona eo amin'ny lafiny fanambadiana — indrindra fa momba ny mpivady tsy nifanaraka intsony. Terena aloha izy ireo hameno ny fahabangana izay misy noho izy ireo tafasaraka : «tsy misy tsy mody an-trano», «tsy azo iadiana ny Fandroana», «izao no heloka mahadiso... manary fandroan'olona». Ny vady nisintaka izany dia mody ary tsy mahazo manosika azy ny tompom-bady fa tsy maintsy mandray azy ary mampiantrano azý mandra-maraina. Levona ao anatin'ny alin-dratsy iny ny fiainan'izy mivady tsy nahomby teo ka rehefa tonga ny maraina ary miara-manao safo rano na tatao rano izy ireo dia miara-maneho araka izany izy mivady fa àry vao-vao indray ny fanambadiany. Raha tsy nety ny famitranana, na avy amin'ny lahy na avy amin'ny vavy no nahatonga izany, dia aroso ny fisaoram-bady.

Saingy raha tsy nody kosa ravehivavy ka tsy niditra ny trano misy ny vadiny dia atao ny fombafomba ametrahana io vehivavy

io ho « Vadin'ny Lanitra sy ny Tany », izany hoe tonga zava-boaary, zavamananaina, olombelona lavin'ny fiaraha-monin'ny velona izy, ka tsy neverina ho anisan'ny olona intsony. Ny sazy henjana miatra amin-dravehivavy eto dia ahitana taratra ny lanja omen'ny Malagasy ny fanambadiana eo amin'ny lafiny maha loharano taranaka ny vehivavy.

*5. Safo RANO na Tatao RANO* : ity fanaovana Safo RANO na Tatao RANO ity no azo neverina ho maha fandroana ny Fandroana, io no vato fehizoro, io no tena votoatin'ny Fandroana.

Ny endrika ivelany nisehoan'ny « mandro » teto moa dia tsy arabakiteny, izany hoe miroboka anaty rano ary dia miala avy ao, fa am-pahany amin'ny ara-bakiteny : ny tanana maka rano kely ao anaty vilany tany vao no misafo ny ambonin'ny rano ary avy eo dia atataovina, akarina hatreо ambonin'ny loha iny rano kely anaty tanana iny.

Ny hevitra raketin'izay fanao izay dia voalohany indrindra mian-tehitra amin'ny hevitra fototra ara-pinoana mikasika ny RANO :

- ny RANO no fototra nisiany ary niavin'izao zava-drehetra izao ;
- ny RANO no mirakitra ny voan-java-drehetra na mananaina na tsy mananaina ;
- ny RANO no mirakitra ny mason-javatra rehetra na maniry na mipoitra ho azy ;
- ary farany, satria ny RANO, iny izy tsy misy saratsaraka, tsy misy avakavaka iny — fa bambaray be izao, mahazo mirona amin'izay tiany hatao — dia afaka izy, noho izany, hamoaka ny endrika rehetra isehoan'ny zava-drehetra manerana izao Tontolo iainana izao.

Marihina eto fa tsy ny Fandroana irery ihany no miankina amin'ny hevitra fototra momba ny RANO, fa ao dia ao koa ireo fomba hafa toy ny Fafy Rano, ao ihany koa ny angano toy ny an'Ibonia ary tsy hadinoina ny fombam-pitenenana toy ny hoe : mitondra rano, zazarano, rano velona, sns...

Ny hevitra raketin'ny Safo RANO na Tatao RANO dia tsy vitan'ny hoe miainga amin'ny hevitra fototra momba ny RANO voalaza teo, fa mbola miampy hevitra hafa koa izay tarafin'ny teny firarian-tsoa tononina rehefa iny eo ambonin'ny loha iny ny Rano. Telo karazana ny faniriana ambara amin'izany :

- 1) « Ho arivo tratry ny taona ! », « Tsy hisara-mianakavy », sns... ka ny dikan'izany dia fisian'ny velona AINA maro tafavory, tsy isehoan'ny AINA maty na afoy (vokatry ny fahafatesana izay mampisaraka ny velona ary ny lasan-ko razana). Ary ireo teny ireo no ahalalana fa an-tomotra ny taombaoavo, raha ny tena izy dia omalin'ny taom-baovao io andro io.

- 2) «Hahaleo ! Hahalasa !», «Hahazo vola ! Hahazo harena !», sns... izany hoe firarian AINA lavorary no tian-ko lazaina eto.
- 3) «Ho tratrantitra», sns... izay teny mamboraka faniriana AINA lava.

Ary rehefa tapitra ny teny rehetra firarian-tsoa lazaina rehefa Safo RANO na Tatao RANO dia atehika ao an-tampon-doha amin' izay ilay rano kely tao an-tanana. An-tsary izany no anatanterahaha ny «mandro» ara-bakiteny eto : rehefa nakarina ho ambonin'ny Loha ny RANO dia midika izay fa ny tena manontolo izay eo ambaniny dia anaty RANO no misy azy, difotra tanteraka ao, ary rehefa atehika amin'ny tampon'ny loha ny RANO dia manambara fa nifampikasoka marina tamin'ny RANO ny tena ka nidiran'izay avy ao anaty RANO ao (tsaroana etoana ny finoana mikasika ny lohamalemy izay nidiran'ny AINA tao amin'ny zaza).

Raha avondrona ny voalaza rehetra teo dia azo fintinina toy 1zao ny hevi-dalina raketin'ny safo RANO na tatao RANO izay hevitra ijoroan'ny Fandroana manontolo :

- a) Roboka anaty RANO = Lentika ka levona tanteraka ao anaty RANO, Verina amin'ny tsy izy, amin'ny tsy misy, Verina amin' ny talohan'ny haha-ARY ;
- b) Poitra avy ao = ARY manana AINA tanteraka, OLOMBELONA vaovao manontolo.
- c) io AINA vao io dia antenaina ho AINA maro, AINA lavorary, AINA lava.

Tsetsatsetsa tsy aritra ihany no ilazana eto fa izay sy izay koa angamba no azo anazavana ny hiakan'ireo mpitan-defona sy mpitam-basy an'ady manao hoe : «RANO ! RANO ! RANO !» (ny lefona atoraka azy, ny bala atifitra azy anie hiverina amin'ny talohan' ny fisiandy izany hoe tsy ho âry fa levona tanteraka).

Ny hoe fidiovana na Fisasana na Fanadiovana no hevity ny Fandroana dia fampiharana tsotra ny maha izy azy ny rano eo amin'ny fampiasàna azy amin'ny fiainana an-davanandro.

6. *Lapabe* : ny fiaraha-monin'ny velona eo amin'ny firaikanam-pianakaviana no voakasika amin'ity fomba ity. Amin'ny alina manaraka ny safo RANO na Tatao RANO dia miray trano ny mpianakavy ka miara-matory ao izy rehetra : tonga manampy ny ankohonana nampiantrano ny lafin-kavana akaiky ary ao koa ny zafy nantsoin'ny raibeny sy renibeny manokana, ao ny havana nody avy any an-fany lavitra, ao ny fofombady nantsoin'ny ray amandrenin-drazazalahy, sns... Manao lapabe ny mpianakavy tsirairay avy mba ho fanafoanana ny fisaratsarahana na ara-bakiteny izany (sarahin'ny elanelan-tany) na ara-keviny izany (adiady, tsy fifanarahana, fifandirana, sns...)

Ny hevity ny Lapabe dia azo lazaina toy izao : mandritra ny torimaso, rehefa samy avy nahazo AINA vao ny tsirairay, dia to-mombana ny fivondronana eo anivon'ny mianakavy ary manjaka ny fiombonana. Hany ka raha avy ny maraina dia tonga lafatra ny fiavanana ary vonona hiatrika izay hitranga sy afaka mandroso amin'izay raharaha na sehatra tiany hivelarana ny mpianakavy.

7. *Valabe* : Ny lafiny tsy fanavakavahana olona eo amin'ny fiaraha-monin'ny Velona kosa no ametrahana ity fanao «takona» ity izay antsoina koa hoe «Andro-tsi-maty».

Ny manao Valabe mandritra iny alina iny ihany dia midika ho fanafoanana ny karazana efitrefittra rehetra na toetra manokana mampisaraka na mampiavaka ny olona. Rehefa izany dia manaraka ho azy ny hevity ny Valabe :

- miverina amin'ny talohan'ny fiforongan'ny maha olona — ny olona moa dia Olombelona nahazo anjara toerana sy anjara asanofaritan'ny fiaraha-monin'izay nipoirany ;

- miverina amin'ny talohan'ny fisehoan'ny fahasamihafana : lahy/vavy, andriana/tsy andriana, lehibe/madinika, zoky/zandry, sns... Talohan'ny fahasamihafana manko dia mitovy lenta tanteraka sy manontolo ny olombelona mananaina rehetra ;

- izay fomba fanafoanana fahasamihafana izay indrindra no ahafahana mampisy fahariana vaovao izay manolo tanteraka ny taloha. Hany ka rehefa mazava ny andro, ilay faharian'olombelona vaovao tamin'ny Safo RANO dia arahin'ny fiforongan'ny OLONA vaovao indray eto ary izany dia eo amin'ny anjara toerana misy ny tsirairay.

8. *Mifoha* : rehefa maraina ny andro ka avy nanao Lapabe ny mpianakavy dia iny izy rehetra indray miarina, izany hoe «miara-mifoha» ary raha vao tafatsangana dia «mifampiarahaba daholo fa samy tratry ny taona». Ny teny fanao dia, ohatra : «Arahaba tratry ny taona soa amantsara, Tompoko e !» ka valiana hoe : «E ! dia samy tra'ny, arahaba Tompoko e !» (eto koa no ahalalana fa tonga eo amin'ny andro voalohany amin'ny taom-baovao ny rehetra).

Ny hevity ny «miara-mifoha» na indray niarina dia fiarahan'ny mpianakavy maneho fa IRAY AINA ireo tafavory iray trano ireo. Efa ARY vao sy efa nankalaza ny fahazoana AINA vaovao ny omalin'io tamin'ny Safo Rano na Tatao Rano ny tsirairay nefasny hoe samy maka ho azy na samy mahavita tena ireny aorian'izay fa samy miaina ao anaty fiaraha-monina ka ny voalohany sady akaiky indrindra amin'izany dia tsy inona fa ny fianakaviana. Velona iray trano sy iray Aina tokoa ny mpianakavy ka ny Lapabe sy ny Miara-mifoha no nampiharihary sy nanamafy izay indray.

*9. Mamono OMBY* : ankoatra ny ao amin'ny fianakaviana tsirairay dia ny fiaraha-monin'ny iray vohitra, iray tanàna, iray fari-tany kosa no voakasika amin'ity fomba amam-panao ity.

Ny OMBY aloha, dia zavamananaina aman-dRA izay eken'ny finoana malagasy fa mahalavorary indrindra ny fanao rehetra arapivavahana. Tany am-boalohany dia ny HENA ihany no nalaina tamin'ny OMBY — raha ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA no resahina. Ary nampiasaina tamin'ny fomba roa izany hena izany :

1) rehefa masaka izy dia natao potipotiny madinika ka tonga sombiny kely izay ihananana sy ifanoloran'ny tsirairay ka atao miala-komana, tsy inona fa ny JAKA izay ;

2) rehefa nosilahina lavalava na nanaovana tohizany lehibebe ary nohamainina tamin'ny masoandro na tamin'ny setrok'afy ny hena ka ampanaterana ny havana tratran'ny sampona sy tsy afaka nody avy any an-tany lavitra dia ny NOFON-KENA MITAM-PIHAVANANA indray izay.

Ny fanao amin'ny JAKA dia, na manasa ny havana aman-tsakai-za manodidina ao an-tanàna sy amin'ny vohitra tsy lavitra mba ho tonga «hijaka» ao an-trano, na koa ny tena no lasa manatitra JAKA any amin'ny havana aman-tsakaiza akaiky fonenana, raha tsy hoe ny ankizy no irahina hanatitra ilay JAKA. Rehefa niantrano moa ny nasaina na ny mpamangy dia misy teny ataon'ny tompon-trano rehefa manolotra JAKA amin'io «andro amonoana OMBY» io, toy ny hoe : «Tsy izay hanin-kahavoky, fa avy ny taona mitsingererina, sns... sns...». Misy anefa fombam-pitenenana homarihintsika manokana dia ilay milaza (1) «..., fa avy ny taom-pahatsiarovana : zara fa trtry ny taona». Antérina eto ny teny hoe ZARA izay mitory fa heverina ho «fahasoavan-dehibe» ny ahafahana mankalaza io «andro amonoana OMBY io». Ary sombiny amin'io ZARA io izany ny ANJARA izay nahatonga ny tsirairay manatrika eo hatra tra ny «andro amonoana OMBY» amin'ny ASARAMANITRY NY VAHOAKA, izany hoe velona AINA amin'ny andro voalohan'ny Taom-baovao.

Ny fifanolorana JAKA dia mitory ny fifanamafisana ny AINA vaovao azo ny omaly ary ny fiarahan-komana ny JAKA dia midika ho fiaraha-mamelona ilay AINA vao samy nahazo ny omaly. Raha bangoina dia fanehoan'ny VELONA ny fifampsimbina ny AINY no hevity ny fanao momba ny JAKA ary avy eo amin'ny ara-batana dia azo tohizana eo amin'ny ara-piaraha-monina sy ara-keviny amin'ny lafiny rehetra izay. Ny hevity ny NOFON-KENA MITAM-PIHAVANANA kosa dia fonosin'ny filaza manao hoe : «tsy mana-

---

(1) Callet (R.P.) — Tantara ny Andriana — Boky I, t.163.

ry taon-kavana» — indrindra raha tsy nifankahita tava taminy — ka «ny hena no dia foto-pitiavana indrindra» ary noho izany «mifanatitra hena noho ny halavity ny tany». Izany hoe andefasana amin'ilay omby nandroana ny havana an-tany lavitra mba ho marika ho azy any fa nankalaza ny Fandroana teo anivon'ny fianakaviany ihany izy ireny ary nandray anjara tanteraka tamin'ny fihavaozam-piainana sy fihavanana tao anatin'ny fianakaviany ; manaraka izay, irina koa mba ho velomin'ny «nofon-kena mitam-pihavana» AINA ka ho tratry ny Asaramanitra mitsingerina indray izy ireny.

Arakaraka ny habetsahan'ny OMBY nandroana novonoina no aharetan'ny fankalazana ny Fandroana. Hoy mantsy ny fitantarana notaterin'ny R.P. Callet : «ary dia mifanasana sy mifankatia ny vahoka mandra-pahalany ny hena ; tsy manao zavatra na inona na inona, fa mihiro sy mandihy no atao sy mihaingo sy mifamangy sy mifanati-kira, izany no fomba nentin-drazana».

10. *Mitora-bolana* : fomba ara-bakiteny mihitsy izy ity ka fitorahana zavatra mikendry ny volana an-danitra no atao Famaranana ny ASARAMANTRY NY VAHOAKA. Soritana fa aorian'ny «dimy andro ambany» tsy andatsahan-drà vao atao izy io ka iandrasana ny indray hariva sy alina diavolana ahitana mazava tsara ny Volana. Tany aloha tany tsy nisy anerena ho tsinana na ho fenomanana, fa rehefa hita maso ny Volana dia mety izay.

Ny zavatra atoraka ny Volana moa dia «singan-dandy... aharo amy ny vongan-tain-droroha». Ny landy eto dia tsaikan-dandy na kofehy landy nalaina tamin'izay nanenomana ny lamba mihaja, fitafy rehefa Fandroana na fotoan-dehibe hafa. Avorimborina mba handraisana ary hiraiketan'ilay tain-droroha izy io. Ny tain-droroha dia avy tamin'ny omby nandroana.

Ny hevitra ambadiky ny fitodihana amin'ny Volana an-danitra dia satria ampitahaina amin'ny Volana ny Olona velona AINA : teraka, manana ny ho aviny, mivelatra, mihalefy, maty. Nefa ho an'ny Volana, rehefa maty izy dia teteza-mita ny azy, satria mbola ho velona indray izy rehefa avy eo ka dimbiasan'ny tsinam-bolana ny maizim-bolana hatramin'izay ka hatramin'izao. Mihavao na koa hoe ARY vaovao isam-bolana izany ny Volana ary mitsingerina tsy misy fiafarany izany. Izay fiainan'ny Volana misy fihavaozana tanteraka sy fitsingerenana tsy an-kiato izay no tiana hisy koa eo amin'ny AIN'olombelona.

Rehefa mitoraka ny Volana ny tsirairay dia mikiaka hoe : «Ataoko voa !» Ny hevity ny toraka eto dia fanomezana hery ny Volana mba hanohizany tsy misy fitsaharana ny fanaony : tsinana, miakatra, fenomanana, miràtra, maizina, tsinana indray, sns...

izany hoe ny mba hahafahan'ny Volana miaina sy mitsingerina hatrany hatrany no kendrena amin'ny itorahana azy. Ny momba ny tain-kloroha kosa dia mifandray amin'ny fihevitra ny OMBY — indrindra fa ny OMBY nandroana. Misy fanazavana nangonin'i Callet ka notateriny (1) ary milaza fa «ary torahan-taikomby : ... torahan-taikarena, fa ny taikomby taikarena». Eo amin'ny ara-keviny izany dia saro-bidy ihany koa ny vokatry ny vavonin'ny OMBY nandroana ary iny no hanome tanjaka ny Volana satria karazana zezika hampiroborobo hatrany ny fitsiriny, izany hoe, ny fitrangan'ny Volana.

Inona no holazaina raha aravona izay rehetra izay ? Matoa mian-drandra ny Volana ny Olona dia satria maka toky amin'ny voaary iray manana ny maha izy azy manokana ary hita amin'ny habakabaka. Ary izany dia alohan'ny hiatrehan'ny tsirairay ny fiainana andavanandro. Raha mitoraka ny Volana ny Olona dia manolotra ny hany anjara fanampiana azony omena izy mba hahafahan'ny Volana hitsingerina sy hisandratra hatrany hatrany. Ho setrin'izay kosa, dia mino ny Olona fa afindran'ny Volana amin'ny tsirairay izay nitoraka azy, ny fivelarany rehefaavy nihena sy tsy hita maso nefo niseho indray izy. Mino ihany koa ny Olona fa homen'ny Volana amin'ny Heriny sy Tanjany izy rehetra ambara-pahatongavan'ny Asaramanitra manaraka indray ka noho izany dia ho tratry ny ASARAMANTRY ny VAHOAKA vaovao indray izay nitora-bolana tamin'ny fiafaran'ny Fandroana teo.

AINA vaovao haharitra hatramin'ny fanavaozana ho avy rahatrizay ary AINA antenaina fa hisandratra sy ho fenomanana ambara-pitsingerenan'ny ASARAMANTRY ny VAHOAKA manaraka : izay no azo amintinana ny hevity ny Mitora-bolana.

Raha zohina ny hevity ny fomba rehetra mitambatra ho ASARAMANTRY NY VAHOAKA, ka akapoka izy ireny ary atao indray mijery dia misongadina fa misy sahan-kevitra izay iombongan' izy rehetra. Ary ampahany samihafa ao amin'io sahan-kevitra io no faritan'ny hevity ny fomba tsirairay avy.

Ny sahan-kevitry ny FAHARIANA no iraisan'ny hevity ny fomba amam-panaon'ny Asaramanitry ny Vahoaka ary ireo ampanahany samihafa dia azo alahatra toy izao :

- 1) Fanehoana na Filazana mialoha ny FAHARIANA : Harendrina.
- 2) Fampiomanana amin'ny FAHARIANA, izany hoe fanafoana ny misy na koa fiverenana amin'ny talohan'ny Fahariana ary izany dia mba hisian'ny Fahariana indray : Alin-

---

(1) ao amin'ny filazalazana ny anjara asan'ny Volana ao amin'ny Fanandroana no natsidik'i Callet izay : in-Tantara ny Andriana boky I, t.37.

dratsy, Safo Rano na Tatao Rano eo amin'ny dingana fi-lentehana tanteraka anaty Rano (rehefa ambanin'ny Rano na voatondraky ny Rano), Valabe eo amin'ny fanafoanana ny saranga samihafa eo amin'ny Olona.

- 3) Fanatanterahana FAHARIANA : Safo Rano na Tatao Rano rehefa ao anaty Rano ao, Valabe.
- 4) Fiaraha-maneho ny Vokatry ny FAHARIANA, indrindra ny AINA izay ao amin'ny Olombelona ary vavolombelon'izany tokoa ny Velona rehetra : Lapabe, Mifoha.
- 5) Fiaraha-mamelombelona sy fiaraha-mankahery io vokatry ny FAHARIANA io : Jaka, Nofon-kena mitam-pihavanana.
- 6) Ary farany, Fakana antoka amin'ny fisian'ny FAHARIANA indray ao aoriana ao ka hahatratarana izany indray : Mitora-bolana.

Ny Fampiomanana aminy sy ny Fanatanterahana FAHARIANA dia azo aravona ho *Fanandratana ny FAHARIANA*, ary ny Fiaraha-maneho, fiaraha-mamelombelona sy fiaraha-mankahery dia *Fankalazana ny FAHARIANA* amin'ny alalan'ny fampiasana sy fisedrana ny Vokatra (= AINA) izay nasehony.

Fanandratana sy Fankalazana ny FAHARIANA izany no Hevitra Fototra, Hevitra fara lalina, ijoroan'ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA ka azo raisina ho Reniben-kevitra iavian'ny sisa rehetra.

Hitantsika teo manko fa ny Fankalazana ny Fahariana dia miankina amin'ny vokatry ny Fahariana. Ary satria Olona — sy ny finoany ary fombany — no neverina dia ny AINA no vokatry ny Fahariana mavesa-danja indrindra eto. Noho izany, ao anatin'ny ampahany Fankalazana ny Fahariana izay ao amin'ny sahan-kevitry ny Fahariana dia ny lafin-kevitra mikasika ny AINA indray no azo amenoana ny fanakaran-kevitra anatsoahana ny hevi-dalina raketin'ny ASA-RAMANITRY ny VAHOAKA. Ambaratongan-kevitra mifampitohy no miharihary amin'izay fotoana izay :

- 1) Fiarovana ny AINA misy, izany hoe, tsy fahafoizana izay AINA misy ka izay dia midika ho fisian'ny Velona : Tsy mandatsa-drà.
- 2) Fanaovana toy ny tsy misy ny AINA efa lasa nandritra ny taona vao nodiavina, izany hoe fampihatahana ny tsy velona sy fibanjinana ny VELONA ary ny velona ihany : Famoizana.
- 3) Fipoirana, Fisehoana AINA vaovao tanteraka amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka	}
tsy hahaka	
tsy paritaka	

 amin'ny alalan'ny fiverenana amin'ny tsy fisiana
 

tsy avaka</
-------------

sy amin'ny alalan'ny Famoronana AINA vao izay feno hery sy tanjaka ao anaty RANO ao ihany : Safo Rano na Tatao Rano

- 4) Fiaraha-manaporofo, Fiaraha-mamelombelona, Fiaraha-mamafy ny AINA voaàry teo : Lapabe, Mifoha, Jaka, Nofonkena mitam-pihavanana.
- 5) Fakana aントoka amin'ny Fanavaozana AINA indray rehefa avy nandia taona iray izay fantatra fa hahatonta io AINA io ary mba hahatratrarana izany amin'ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA manaraka : Mitora-bolana.

Amin'izay lafiny izay, raha fintinina dia midika ho *Fanomezan-danja lehibe ny AINA* sy *Fanavaozana mitsingeringerina ny AINA* izany ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA. Marihina fa ny Fanavaozana mitsingeringerina ny AINA dia mitory miaraka amin'izay ny Fandevonana sy fanafoanana ny Lasa (na izay tsara fa indrindra izay ratsy tamin'izy io) hatrany hatrany ka miatrika AINA vaovao tanteraka feno fanantenana isaky ny avy «nandro».

Betsaka amin'izay voalaza momba ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA no manana ny akony tokoa ao amin'ny FANDROANA AN-DRIAKA raha io fanao any amin'ny faritany antemoro io indray no dinihina.

## 2) Fandroana an-driaka :

Araka ny fantatra ny atao hoe «riaka» dia tsy inona fa ny ranomasina. Koa dia ara-bakiteny be izao no fomba androana raha izany, satria miroboka'tanteraka sady miverimberina anaty ranomasina ny tsirairay araka ny tena izy.

Talohan'ny naha tongavan'ny Vazaha dia naharitra herinandro ny FANDROANA AN-DRIAKA izany hoe fohy kokoa ny fotoana laniana amin'ny dingana samihafa raha ampitahaina amin'ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA izy io.

### RAFITRA FOTOTRA

Toko telo maha-masa nahandro ihany koa no maha feno ny FANDROANA AN-DRIAKA :

- Efatra andro ho an'ny *Fanomanana* ;
- Andro iray manontolo ho an'ny *Fanatanterahana* ;
- Roa andro ho an'ny *Famaranana*.

Hatramin'ny andron'ny fanjanahan-tany dia noteren'ny Manampahefana ho vita ao anatin'ny iray andro fotsiny ny Fanomanana sy Fanatanterahana ary Famaranana satria tsy tiandy ny ivorivorian'ny Vahoaka elaela, indrindra fa lavity ny tanàna.

Raha ny fanao fahiny no ifotorana dia azo aseho toy izao ny fandaharana ny fomba amam-panao ao amin'ny FANDROANA AN-DRIAKA :

### DRAFITRA FOTOTRA

Fanomanana sy Fiomanana	A-4	Mamboatra lasy
	(1)	Manangana kitranotrano
	A-3	Mitoby an-dasy
	A-2	Manomana sakafy
	A-1	Mamboatra haingo
Fanatante rahana = A		Mianatra hira sy dihy
	maraina	Mihaingo
		Milahatra tsiroaroa
		Mamonjy moron-driaka tarihin'ny zava-maneno
		Miarahaba ranomasina
		Mamonjy ny lasy
		Mametraka ny haingo
		Mitafy lamba tonta
		Mandro an-driaka
		«Mifanjevo ao ny lahy sy vavy»
	antoandro	Miakatra am-pasika hamana-tena rehefa mahatsiaro ho mangatsiaka
		Miverina mandro indray.
		Mifanaraka ny mpifankatia
tolak' andro	hariva	Mirebika mandeha amin'ny torapasika
		Miravaka zava-boaàry.
		Manangona zava-maniry : voan-javatra misy amoron-driaka
		Mifanaraka ny mpifankatia
		Misakafo an-dasy tsy mifampiandry

(1) Ny hoe A-4 dia manondro ny andro fahefatra alohan'ny Andro anaovana = A, sns... ary ny hoe A + 1 kosa dia milaza ny ampitson'ny Andro anaovana, sns...

Famaranana	A +1	— Mitodi-doha mody an-tanàna
		— Fampitaha, Fifaninanana
	A + 2	— Lalao
		— Hira sy Dihy

Ny mavesa-danja indrindra amin'ireo fombafomba amam-panao voatanisa teo no hotsongaina mba hahitana ny dikan'ny FANDROANA AN-DRIAKA.

### *HEVITRY NY FANDROANA AN-DRIAKA*

1. *Miarahaba ranomasina* satria «tratry ny taona mitsingerina» : ny miarahaba no zava-dehibe eto ary mampiseho fihetsika sady feno haravoana (zava-maneno) ho mari-pankasitrahana no feno fanajana (filaharana, haingo) ho mari-panantenana. Ny fankasi-trahana dia noho ny ranomasina nahavelona AINA soa amantsara tamin'ny Fandroana farany teo ka hatramin'ny Fandroana izay atrehina. Ny fanantenana kosa dia noho ny fitokisana fa mbola ho velona AINA soa amn-tsara indray rehefa mandro ao sy avy nandro tao. Izany hoe manatona Ranomasina aloha ary miseho aminy ireo voaARY tamin'ny Fandroana farany teo ka mahatratra izao Fandroana izao. Ary matoky izy ireo fa ho voa-ARY indray, fa ho vaovao tanteraka indray rehefa nitsoboka tao an-dranomasina ka navadibadiky ny onja ary navelany hanana ny ANJARA ho Olombelona nomen'ny FAHARIANA AINA vao indray (tsy «nataon'ny antsantsa ombikena»).

2. *Mitady lamba tonta* : manamarika fa maka farany ny endriky ny AINA izay ela niasana sy ela nanaovana rehefa nananana nandritra ny taona nodiavina ka efa lany andro ka tokony havalona.

3. *Mandro an-driaka* izany hoe miroboka tanteraka anaty ranomasina izay RANO manana HASINA. Ara-bakiteny moa ny hasina dia izay zavatra ao anaty manome tsiro masirasira ny ranomasina. Ary ara-keviny kosa ny HASINA dia ilay HERY voarakitra anaty mason-javatra na voan-javatra ao anaty ranomasina ao ka mahatonga azy ireny ho fototry ny fanomezana AINA, ho fiandohan'ny tsirin'ny AINA.

Ny Olombelona mandro an-driaka eto dia mandetika sy mandevona tanteraka ilay AINA ananany ao anaty ranomasina ary avy eo misampikasoka amin'ny mason-javatra na voan-javatra izay mahatonga ny fanomezana AINA vaovao indray.

Ambonin'izay ny lehilahy dia manao ady am-parimbona amin'ny ranomasina mahery vaika sy antsantsa vonona hanao azy ireny ho «ombikena» ary ny vehivavy dia «akodidian'ny onja» ety amorony ihany. Ny tena dikan'izany fanao izany dia ny fankaherezana

miampy ny fisedrana ilay AINA nohavaozina tamin'ny fitsobohana anaty ranomasina.

4. *Miverimberina mandro* : izany dia mba hahatonga lafatra ny fanavaozana AINA sy hahatontosa an-tsakany sy an-davany ny fisedrana ny AINA vaovao.

5. *Mifanaraka ny mpifankatia* : ireo teny ireo moa dia fomba ilazantsika fa mandritra ny Fandroana an-driaka dia misy foana ny fo-toana sy ny toerana ahafahan'ny zatovolahy sy zatovovavy hihaona-ka hanapahany hevitra fa' hivady. Fanao eken'ny ny mpiara-belona amin'ny Fandroana an-driaka ary ekeny amin'io andro manokana io ihany. Ny hevitra azo takarina eto dia Fanehoana FAHARIANA (olona) izay fanao izay amin'ny fametrahana ny antoka eo amin'ny fitohizan'ny fisiana AINA ao amin'ny fiarahamoinin'ny mpiara-belona rehefa avy nahazo AINA vaovao ny tsirairay.

6. *Miravaka amin'ny zava-boaary, Manangona voan-javamaniry* : zava-droa loha no marihina eto ; ny voalohany dia izay atao, izany hoe mampiasa sy mamory eo am-pelatanana zava-boaàry hita eny amoron-drano masina ary faharoa ny anjara toerana omena ny zava-boaàry (akoran-driaka, zavamaniry mbola hamoa). Ny azo tsoahana avy amin'izany dia ny Fanandratana ny AINA azo vao teo, amin'ny fanomezana azy endrika sy tarehy mahafinaritra ny maso ary ny Fifandraisan'ny Olombelona amin'ny voaàry izany hoe ny firaikanina amin'ny Tontolo ka mitory miaraka amin'izay ny FAHARIANA eo amin'ny zava-boaàry rehetra.

7. *Misakafo tsy mifampiandry* : somary mifanohitra amin'ny fanao andavanandro ny «samys mamango ny azy izao» nefo koa maneho lanja omena ny olona tsirairay io fombafomba io eto. Ny AINA dia samy manana ny azy ny tsirairay. Koa dia samy mame-lona sy mankahery ny azy aorian'ny fihavaozana niaraha-nanefa.

8. *Hira, dihy* : eto dia fanehoana ny fihetseham-po sy fisainana vokatry ny finoana ara-pivavahana ny hira sy ny dihy, fa tsy hoe mirebika fe mirebika na mihirahira tsy amin'antony fotsiny ny olona amin'izany. Porcofo mahafinaritra ny sofina ny hira sy fifampiadian-kira ary porofo mahafaly ny maso kosa ny dihy sy fifaninanana dihy : miara-misantatra sady mifampidera ilay AINA vaovao samy nahazo izany ny mpiara-belona eto. Koa dia Fankalazana sy Fanandratana AINA vaovao no azo andraisana ny hira sy dihy eo amin'ny Fandroana an-driaka. Ary ny fifaliana sy haravoana dia ateraky ny fombafomba amam-panao mifampitohy ao amin'ny Fandroana an-driaka noho ny hevitra voarakitra ao amin'izy ireny. Izany fifaliana

sy haravoana izany rahateo no entina ho Famaranana ny Fandroana an-driaka.

Hofintinintsika amin'izay ny fanakaran-kevitry ny Fandroana an-driaka ka ny sahan-kevitry ny FAHARIANA sy ny lafin-kevitra momba ny AINA indrindra ny AINA vaovao no itondrana izany :

Fanomanana ny FAHARIANA	<ul style="list-style-type: none"> <li>— milahatra tsiroaroa</li> <li>— mamonjy moron-driaka</li> <li>— miarahaba ranomasina</li> <li>— mitafy lamba tonta</li> <li>— mandro an-driaka</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>miomana amin'ny fanavaozana ny AINA</li> <li>manafoana ny AINA nahavelomana hatreо</li> </ul>
Fanatanerahana ny FAHARIANA	<ul style="list-style-type: none"> <li>— mandro an-driaka</li> <li>— mifanjevo ao ny lahy sy ny vavy</li> <li>— manafana tena</li> <li>— miverimberina mandro</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>matrika, mandray, manamafy ny AINA vaovao</li> </ul>
Fiderana ny FAHARIANA	<ul style="list-style-type: none"> <li>— mifanaraka ny mpifankatia</li> <li>— miravaka zava-boaàry</li> <li>— manangona voan-javamaniry</li> <li>— misakafo</li> <li>— hira, dihy</li> <li>— lalao</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>mankasitraka sy mamelona ny AINA vaovao</li> <li>mankalaza ny nazoana AINA vaovao, izany hoe raha atao teny indraimbava dia Fankalazana Fanavaozana AINA sy Fanandratana AINA vaovao ny Fandroana an-driaka.</li> </ul>

Ambara izany fa sady *Fanomanana* sy *Fanatanerahana* ary *Fiderana* FAHARIANA izany ny FANDROANA AN-DRIAKA no *Fankalazana fanavaozana* AINA sy *Fanandratana* AINA vaovao ihan-y koa izy.

Tonga eo amin'ny fotoana azo anaovana bango tokana ny Hevitry ny ASARAMANTRY ny VAHOAKA sy ny FANDROANA AN-DRIAKA isika izao. Efa hitantsika fa ny fanao fototra amin'izy ireo dia ny miroboka tanteraka anaty RANO ary ny mipoitra avy ao na amin'ny fomba ara-bakiteny izany na amin'ny fomba ara-ke-

viny : ny FANDROANA no tena votoatin'ny ASARAMANITRY ny VAHOAKA sy FANDROANA AN-DRIAKA. Raha izany dia ny tsara sy marimarina kokoa hilazantsika azy dia ny hoe :

**BANGO TOKANA NY HEVITRY NY FANDROANA.**

Ny fanadihadiana natao no nampiseho fa ny hevitra fototra ijoroan'ny FANDROANA manontolo na koa hoe ny dikany farany lalina, raha ny FANDROANA no ifotorana, dia azo faritana toy izao manaraka izao :

*Fanatanterahana sy Fankalazana FAHARIANA ka tsindriana amin'izany ny Fanomezan-danja ny AINA, ny Fanavaozana AINA mitsingeringerina ary ny Fanandratana AINA vaovao hatrany.*

Hamafisina eto fa ny sahan-kevitra mikasika ny FAHARIANA sy ny lafiny momba ny AINA no nahafahana nanao indray mijery ny fomba amam-panao maro karazana izay efaina ka mahatafita ny FANDROANA eo amin'ny fitambarany.

Ny fanatontosana ny Fandroana izany hoe fanaovana ny MANDRO ara-bakiteny angaha no tokony hasiana fanampin-teny :

— miovaova arakaraka izay RANO azon'ny Olona ampiasaina noho ny toe-taniny sy ny fiaraha-monina onenany manko ny MANDRO (moron-dranomasina, afovoan-tany tsy mahita afa-tsý rano mamy, rano mamy anaty farihy, an-doharano, mandeha amin'ny renirano, sns... sns...)

— miovaova arakaraka izay fomba ampiasàna ilay RANO koa ny MANDRO : ao ny mitsoboka tanteraka anaty ranomasina na ranomamy, ao ny manondraka ny tena avy any an-tampon-doha, ao koa ny mamafy rano amin'ny tanana ka ny loha no kendrena voalohany amin'izany, sns... sns...

Azo tohizana avy hatrany amin'ny fanatanterahana ny fandroana eo amin'ny ara-keviny ny resaka, indrindra rehefa soloina zavatra hafa ny RANO ka Toaka no atondraka, Tantely no araraka, Menaka no ahosotra, Ranomanitra no afafy, sns... sns... Tsy inona ireny fa endrika ivelany samihafa isehoan'ny FANDROANA, izany hoe fomba hafa anatanterahana ny MANDRO.

Ny fampitahana ny ASARAMANITRY NY VAHOAKA sy ny FANDROANA AN-DRIAKA dia santatra amin'izay mbola tokony hatao rehefa eo am-pelatanana daholo ny fitantarana na filazalazana izay Fandroan'ny Vahoaka nisy taloha na mbola misy ankehitriny any amin'ny faritra hafa eto amin'ny Nosintsika. Hanamafy na hanitatra nyefa voalaza tamin'ity fanadihadiana ity ny voka-pikarohana hiseho amin'izany nefo tsy raisina ho mahagaga kosa raha toa ka hanohitra no hanova tanteraka ny famotopotorana novelabilarina teto ny ezaka ho vita any aoriana any. Rehefa mandroso ny fikarohana sy fahalalana dia arahabaina amim-pankasitrahana izay

voka-baovao hiakatra eo satria moa ny antsika dia ny «lanja miakatra» ihany !

Rehefa fantatra mazava ny amin'ny Hevitry ny FANDROANA dia zava droa loha no tsy azo sarahina amin'izany : ny tiana holazaina dia, voalohany, ny Foto-pinoana ary, faharoa, ny Foto-pisainana izay samy hita taratra ao amin'ny FANDROANA.

#### — Foto-pinoana hita taratra ao amin'ny Fandroana.

Rehefa zohina hatramin'ny fiandohany ka hatramin'ny fiafarany ny foimbafomba amam-paiao mitambatra ho Fandroana, rehefa saintsainina elaela ny amin'ny Hevitra Fototra ijoroan'ny Fandroana manontolo. dia mety ho azo an'eritreritra ny Fihevity ny Ntaolo Malagasy ny Tontolo manodidina, akaiky sy lavitra azy, ary koa ny falan-tsaina nahatongavany tamin'izany fihevitra izany.

Avy amin'izaynofakafakain'ny sainy sy nofotopotorany dia mety ho hita mazava izay fototry ny fihevity ny Ntaolo Malagasy ny momba izao Tontolo izao, izany hoe, mety ahafantarana ny foto-pisainany. Fa rehefa voamarika tsara izay, dia eo vao misongadina ny tsy azon'ny sainy nihoarana ka tsy nahitany fanazavana na anjara toerana mahafa-po ny sainy : noho izany dia noraisiny amin'izao sy nekeny avy hatrany, izany hoe, ninoany. Ka ny mombamomba ny finoana sy ny azo lazaina fa anisan'ny foto-pinoana ntaolo malagasy, izany indray no asiantsika teny aloha, fa amin'ny fizarana manaraka no alahatra ny mikasika ny foto-pisainana.

Soritana fa ao amin'ny Fandroan'ny Vahoaka — araka ny ahafantarana ny na ha izy azy tany aloha elabe tany — dia tsy misy fiantandràna manokana na mivantana mba hiangavy an'i Zanahary, ary tsy misy fangatahana amin'Andriananahary mba hampiasa avy hatrany ny fahefany na hampiseho eo no ho eo ny mety ho vitany na omeny. Tsy misy ihany koa ny soroná na ny vavaka manana ny lanjany manokana ka atodika amin'i Zanahary na Andriananahary. Fa ny hita sy misy dia ny ranomasina, ohatra, no aharabain'ny olona raha vao manomboka : ny ranomasina izay fantatra fa mahery sy manonja be amin'iny morontsiraka atsinanana iny. Ny azo antoka — raha mbola ny Fandroan'ny Vahoaka tany aloha elabe tany no tarafina dia tsy mba loha laharana velively ny finoana an'i Zanahary na Andriananahary ary tsy hita miseho miharihary mihitsy ny finoana an'i Zanahary na Andriananahary na haforona izao Tontolo izao. Tsy lavina kosa fa nisy ny teny firarian-tsoa iantsoana an'i Zanahary na Andriananahary izay voarakitra amin'ny lovantsofina na lahatsoratra nifotorana, nefo azo heverina fa ela taty aorianana vao nisy fano-nonana Zanahary na Andriananahary amin'ny vavaka, izany hoe, re-

hefa nazava sy nandroso tsara ny Fivavahana amin'ny Razana, ka ninoana fa misy karazana Razana Avo indrindra (Zanahary) na Ambony any amin'ny tsy takatry ny saina any ary mandidy sy manjaka amin'izao rehetra izao (Andriananahary) satria afaka nifehy ny hery namoronany izao Tontolo izao.

Manaraka izany, mandritra ny Fandroan'ny Vahoaka dia ny aina — indraindray ny tsirairay, indraindray ny sasany na izy rehetra miaraka koa no mirotsaka an-tsehatra ka ny tenany mihitsy no manefa ny fombafomba ka maneho an-tsary izay inoany fa hahalavora; izay tadiaviny ho an'ny fiainany. Ohatra amin'izany : ny Olona no manao harendrina, ny Olona no mandro, ny Olona no mihinana sy mifanolotra Jaka, ny Olona no miravaka zava-boaàry, ny Olona no mitora-bolana, sns... fa tsy hoe mampiasa mpanelanelana (biby na zava-boaàry hafa) amin'ireny fanao rehetra ireny. Ny Olona mihitsy no maneho an-tsary izay tiany hambara amin'ny faunaovana harendrina, fandroana, fijakana, sns... Ny Olona ihany no mampiasa ny herim-batany, herin-tsainy sy herim-panahiny eo amin'ny fanatontosana ny fombafomban'ny Fandroana, izay efa nolazaantsika fa mitsingeringerina, izany hoe, averina na atao indray rehefa afaka fotoana elaela.

Raha alaina an'eritreritra ny voalaza rehetra teo dia inona no azo tsoahana ? Ny lalan-tsaina miseho eto dia avy amin'ny nahatsapan'ny Ntaolo malagasy fa ny maha izy azy ny Olombelona no nana-karany hevitra sy namolavòlany ny fiheviny ny amin'izao Tontolo izao. Eto amin'ity fiainana ity, raha ohatra misy Olona te hahita zavatra vita, dia tsy maintsy ny herin'ny tenany no hetsehiny voalo-hany indrindra — na dia hampanao olon-kafa aza izy amin'izany : izay no zava-misy sy fantatry ny Ntaolo fa misy eto an-tany. Raha notopazany maso kosa izao Tontolo iainana izao, dia hitany miharihary ny zavatra sasantsasany tsy vitan'ny herin'Olombelona kanefa misy. Noheveriny àry ireny fa nataon'ny HERY hafa, izay any ambadiky ny hita maso sy tsy takatry ny saina any. Araka izany, dia HERY tsy fanta-piaviana nefá mahaleo tena no nihetsika ka nahaftorona izao Tontolo izao ary anisan'ny noforonin'izany HERY avy any ivelany izany ny Olombelona.

HERY MAHA ARY no nanao izao Tontolo manodidina izao ary nahavita zava-boaàry be karazana sy maro sokajiny. Ny zava-boaàry izany no mety ahitana taratra ny maha izy azy io hery io, koa dia-sahalahala amin'ny Herin'ny Natiora no azo amaritana azy, ary VINTANA no anarana nomen'ny Ntaolo malagasy azy io. Sori-tana tsara fa Hery maha àry nahaftorona sy nandahatra izao Tontolo tsy vitan'Olombelona izao no hevitra raketin'ny hoe VINTANA tany am-boalohany. Taty aoriaña vao nisy fiovana teo amin'ny dikany — indrindra rehefa noraisin'ny Malagasy sy nampiasainy ny fanandroana «arabo». Ny finoan'ny Ntaolo malagasy Hery maha àry dia

mbola hita taratra amin'ny finoany fa misy sasantsasany amin'ny zava-boaàry no mirakitra karazana hery avy amin'izy io ihany : ohatra : ny HASINA izay inoana fa ananan'ny olona na toerana na zavatra manokana; ohatra koa ny HAZARY izay inoana fa ananan'ny olona voatokana na ananan'ny zava-maniry sasany ka apetraka amin'ny toerana voafantina amin'ny fomba misy lalàny. Ary farany momba io Hery maha àry io, ny antsoina hoe ZARA dia voalohany indrindra izay tsara inoana fa omen'ny VINTANA tamin'ny voaàry ka tsy fantatra na miseho raha tsy misy toe-javatra mampisongadina azy io.

Raha iverenana ny Fandroana dia ny herin'ny olona manefa antsary ny Fahariana no sarin'ny HERY inoana fa manefa ny FAHARIANA : ny finoana hita taratra voalohany ao amin'ny Fandroana, ka azo marihina ho *foto-pinoana*, dia momba ny *HERY MAHA ARY*. Finoana sady loha laharana izy io no tena raiki-tampisaka, satria taty aoriana rehefa navadibadika ny taon-jato maro, rehefa nandroso ny fiaraha-monina sy nifandimbindingby ny taranaka ary niavaka ny sarangan'olona sasany, dia nanjaka ny finoana ny herin'ny Razana — maha efa fitahiana — ary dia nazava ny finoana an'i Zanahary sy Andriananahary izay Tompon'ny Hery nahaforona sy mandidy izao Tontolo iainana izao : ny fandaminana natao taty aoriana izany, dia ny fanomezana anjara toerana io Hery maha àry io, rehefa nofaritana mazava ny asa ataony ka nahitana Tompo ihany koa izy io. Ary na dia ankehitriny aza, rehefa sendra tojo ny hery tsy hay tohaina, izay miseho indraindray eo anivon'ny Tontolo iainana ny Olona, dia hitantsika fa miharihary indray ny finoana io Hery maha àry io satria heverin'ny Olona fa amin'ireny fotoana ireny dia mifanena mivantana aminy izy ireo koa mba tsy ho torotorony dia antsoina haingana ny Razana ho mpanelanelana ary ivavahana Zanahary na Andriananahary mba hifehy azy io.

Ny andraisana ny fankalazana ny Fandroana mitsingeringerina no hodinihintsika manaraka izany : zava-misy eo amin'ny fiainan'ny Olona ary tsy azo lavina fa rehefa elaela niainana dia hita fà velivelezin'ny Ratsy sy ravaràvan'ny Loza ny AINA, ka amin'izay no ahatsapana fa tiana sy ilaina ny hialàna amin'izany toe-javatra izany mba hanohizana ny fiainanana amim-pahasambarana. Ny ala olana hitan'ny Ntaolo malagasy tamin'izany dia ny fanatanterahana fanovana tanteraka ny zava-drehetra sy fanoloana ny tonta sy konka ho vao sy be fanantenana ary feng hery sy tanjaka vaovao. Any amin'ny sehatry ny finoana sy fanamboarana ny toe-tsaina no nametrahan'ny Ntaolo malagasy ny fanatontosana izany zava-nokendreny izany : samy mahatoky ny tsirairay ary miara-mahatoky tanteraka ny rehetra fa zava-misy marimarina sy lavorary tokoa ka azo antoka mihtsy izany fanavaozana ilaina sy irina izany. Ary satria ny AINA dia anisan'ny zava-noforonin'ny HERY MAHA ARY teo amin'ny

FAHARIANA, dia ny FAHARIANA izany no tokony hisy indray, izany hoe, tokony haverina indray mba ho ARY miaraka amin'izay koa ny AINA vaovao. Noho izany, isaky ny atao ny famerenana (an-tsary) ny FAHARIANA dia ahazoana AINA vaovao (an-tsary) hatrany izany ka ny fankalazana mitsingeringerina ny FAHARIANA dia sarin'ny famerenana ny FAHARIANA mba ahazoana AINA vaovao hatrany.

Efa niarahantsika nahita fa, eo amin'ny Fandroana, ny Olona no manafoana ny AINA teo aloha sy miomana amin'ny fanavaozana AINA ; ny Olona no manefa fanavaozana amin'ny fomba-fomba ahazoany manantanteraka izany araka ny toe-taniny sy ny fiaraha-moniny ; ny Olona no miatrika ny vokatra rehetra ateraky ny FAHARIANA AINA VAOVAO. Izany rehetra izany, raha aka-poka eo amin'ny lafiny Finoana, dia mitory fa nahatsapa ny tokony hanovàna AINA isaky ny vanim-potoana elaela (herintaona na roa taona ka hatramin'ny dimy na folo taona) ny Ntaolo malagasy, koa amin'izany dia ny FAHARIANA no tsy maintsy atao izay isiany mba hahazoana io AINA vaovao io. Ary HERY MAHA ARY (izay soloin'ny herin'Olombelona an-tsary) no mahefa sy mahavita izany fanavaozana AINA izany amin'ny alalan'ny FAHARIANA.

'Ny Foto-pinoana — izany hoe iavian'ny finoana rehetra sis — nananan'ny Ntaolo malagasy ka hita taratra amin'ny Fandroana izany, dia izay voamarika farany indrindra teo : ny AINA sy ny voaàry tsy ankanavaka dia voaforona tamin'ny alalan'ny FAHARIANA izay nefain'ny HERY tsy taka-polopolorina, any ivelan'izao Tontolo izao, nefa MAHA ARY.

Araka izany, hatramin'izao aloha dia tsy mba re na fantatra fa nanana Tantara goavana tononina na fihetsika hafa mahasarika ny saina sy mahavory vahoaka mba anehoany amin'ny fomba mazava sy mivantana izay inoany ny Ntaolo malagasy, fa dia zavamisy toy ny Fandroana sy ny fombafombany hita maso, ren'ny sofina sy azo tsapain-tanana no fampisehoana an-tsary nahazoana nahafantatra izay tian'ny Ntaolo malagasy nambara teo amin'ny lafin'ny Finoana sy Fivavahana.

#### **— Foto-pisainana hita taratra amin'ny Fandroana.**

Ny Lalan-tsainan'ny Ntaolo malagasy nahatongavany tamin'ny finoana manazava ny tsy hita hohazavaina dia efa niseho tamintsika vao teo : ny fiainan'olombelona no alainy an'eritreritra anakarana izay tokony ho fandehan-javatra mba hanorenana ny arapinoana sy ara-pivavahana. Rehefa izany, dia itodihantsika kosa ny fiheveran'ny Ntaolo malagasy ny fiaianana eto an-tany ka, raha ny tena izy, dia ny Fihevity ny Ntaolo malagasy momba ny fizotran'

ny fiainan'Olombelona eo anivon'ny Tontolo iainany no horesahina. Nefa tsy izay ambaratonga na lafiny samihafa rehetra misy ao amin'ny fihevitra ny fiainana akory no hosahanintsika izao, fa izay fara-lalina ihany ka fiandohana na fiavian'ny andinidininy izay mitranga nony avy eo. Izany hoe, ny hifantohantsika izao indray, dia ny Foto-pisainana azo takarina avy amin'ny Fandroana ka ahitana mazava ny Hevitra Fototra roa nanorenan'ny Ntaolo malagasy ny fiheviny momba izay fomba tokony hitondrana ny fiainana eto an-tany ary koa nampijoroany ny foto-kevi-pahendrena mandidy ny fitondran-tenan'ny tsirairay sy ny lalàn'ny fiaraha-monina.

Raha zavatra telo loha, an-daniny, dia ny HERY MAHA ARY sy FIHARIANA ary AINA no foto-pinoana hita taratra amin'ny Fandroana, inona kosa, an-kilany, no mba navadibadiky ny sain'ny Ntaolo malagasy sy notsakotsakoony ary nolanjalanjainy ka noheveriny fa zava-dehibe indrindra eo amin'ny fiainana — raha mbola ny Fandroan'ny Vahoaka no dinihina ?

Azo lazaina fa hevitra roa no nivaingana sy masaka tao ant-sain'ny Ntaolo malagasy sady navesa-danja indrindra teo imaso ny :

- ny voalohany dia ny *HASARO-BIDIN'NY AINA* satria ny AINA dia zavatra azo tamin'izao : tsy novidina tsy norantovina tsy ny tsirairay no nisafidy ny amin'izy io na namolavola azy io fa ny mampiasa azy no ataon'ny tsirairay. Ny AINA no mametraka ny lanjan'ny tsirairay noho izy io manome ny fotony sy antony eo amin'ny fisian'ny tsirairay, sy ny maha izy azy avy ny olona tsirairay. Ary rehefa tofoka sy leon'izy io, dia tsy hoe vonoina izy, mba ho vahaolana : «ny aina tsy afaky ny tompony», «ny aina tsy ananana impiry» hoy ny ohabolan'ny Ntaolo ; fa eo amin'ny lafiny finoana sy fivavahana no atao ny fanavaozana tanteraka ny aina amin'ny alalan'ny fanafoanana marina ny lasa sy fitodihana amin'ny ho avy feno fanantenana.
- ny hevitra fototra faharoa dia ny *LANJAN'NY FIARAHAMONINA* izay manambara ny herin'ny daholobe ; araka ny Ntaolo malagasy, ny fiaraha-monina dia toe-javatra tsy tokony hidifiana, tsy azo ialàna («aleo miady toy izay mankany Ankaratra tsy misy olona» hoy ny Ohabolana) satria fantatra fa tsy mahavita tena eo amin'ny lafiny rehetra ny tsirairay ; ary na misy aza izany dia tsy azo heverina ho zavatra tsara izany : ny ahatsapana fiadanana ary ny ahatsiarovana fahasambarana eo amin'ny fiainana feno, dia tsy aiza fa eo anivon'ny fiaraha-monina — na inon-kitranga na inon-kidona amin'izany.

Ary satria manana AINA ny tsirairay no miaraka manana AINA avy ny rehetra ao anaty fiaraha-monina, dia azo heverina indray ho *IRAY AINA* ny mpiara-belona tsy an-kanavaka, izay ao anaty fiaraha-monina iray : manomboka eo amin'ny fianakaviana izany ka mitohy eo amin'ny firenena ary manenika izao Tontolo izao rehefa ny sarambaben'ny Olombelona no asian-teny. Mazava ho azy amin' izay fa ny maha Iray Aina no fototra iorenan'ny *FIHAVANANA* ary miteraka ny fitsipika sy fihetsika ary fombafomba mandidy antsakany sy an-davany ny rohim-pihavanana sy fifankatiavaña amim-pihavanana.

Nampiseho mazava ny Fandroana fa ao anatin'ny fiaraha-monina no misy vidiny sy dikany feno ny fiheverana ny maha olona sy ny fanajana izany maha ołona izany : na vady nisaorana na ny zanaka nariana, izany hoe nesorina tamin'ny fiaraha-monina iray, dia samy manana ny safidiny sy anjarany avy hiditra amin'ny fiaraha-monina hafa indray vonona handray azy, na aiza na aiza misy azy io. Teo amin'ny Fandroana koa no nahitana tsara fa tafiditra ao anatin'ny fiheverana ny maha olona sy fanajana tanteraka izany fiheverana ny maha olona izany, ny fanomezana fotoam-piravoravoana sy fifaliam-po ho an'ny mpiara-belona, toy ny fahafaham-po ho an'ny maso (haingo sy dihy), fahafinaretana ho an'ny sofina (hira sy zava-maneno), fahasambaran'ny fo (vangivangy sy fanolorana fanomezana).

Noho izany, raha tsorina ny fisainan'ny Ntaolo malagasy ny amin' ny tokony hitondrana ny fiaiananá eto an-tany dia ambaratonga roa mifameno ary mifampiankina no nizarany azy : voalohany, eo amin'ny olona tsirairay, ny fandavorariana ny AINY avy ary faharoa, eo amin'ny daholobe, dia ny fandaminana hahatomombana ny fiaraha-monina. Rehefa lavorary ny AINA eo amin'ny tsirairay ka tomombana ihany koa ny fiaraha-monina dia izay no manazava ny fihevity ny Ntaolo ambarany amin'ny hoe : «Mamy ny aina», sy ny sisà hafa toraka izany.

Ka ny foto-kevi-pahendrena izay mibaiko ny fanao tsara mahasambatra eo amin'ny fiaianana ary nateraky ny foto-pinoana sy ny foto-pisainana voalaza teo aloha, dia azo tanisaina toy izao :

- 1) fanafoanana ny lasa. izany hoe tsy mivesatra izay niseho tamin'ny vanim-potoana efa nodiavina, na inona na inona nitranga tamin'izany, ary indrindra tsy mivaky loha amin'ny simba sy lany andro ka efa navalona tamin'izany ;
- 2) fotoana fiatoana tanteraka izay ilaina tokoa mba hitsaharana, mba hilaminana, mba hiaingana amin'ny fanantenana feno rehefa avy eo. Ary ny fitsingerenan'io fotoana fiatoana io dia arakaraka izay ilàna azy na ahatsapana ny maha mety azy eo amin'ny fiaraha-monina iray ;

3) fihavanana, izay raisintsika eto amin'ny hevi-teny hoe : fifandraisana amin-kavana sy tapaka ary namana, fifaneraserana amin'ny olona manodidina, na akaiky na lavitra, na fantatra na tsy fantatra izy ireny. Fepetra roa no hitan'ny Ntaolo fa mahatontosa ny fihavanana sy ahafahana mampirindra ny momba azy io : tsy inona izany, fa andaniny, ny fiaraha-manao ary an-kilany, ny takalo. Izany hoe, ny indray mihetsika sy mientana no ahazoan'ny rehetra antoka ny amin'ny firaisan-kina sy fiombonan-kery ifatorany, ary, ny famenon'izay ka tsy azo avela mihitsy. dia ny fifanomezana porofo eo amin'ny fifankatiavana ary koa ny fifanolorona zavatra mba ho mariky ny fahafoizan-tena ho an'ny havana akaiky sy lavitra ary tetezina.

*Fiaraha-mamindra sy Takalo* izany no mampisy sy mampaharitra ny Fihavanana ary koa manazava ny fihetsika sy fihevitra rehetra nananan'ny Ntaolo malagasy momba ny Fihavanana ka hita taratratrao amin'ny Ohabolana izay nanehoany ny fahitany ny toe-javatra maro samihafa mitranga amin'izany, toy ny hoe «Aleo very tsikalakalan-karena toy izay very tsikalakalam-pihavanana», sns... sns... Raha vao tsy ao ny iray amin'ny fiaraha-mamindra sy takalo dia mandringa na misy fahabangana ny Fihavanana, ka raha tsy are-nina haingana fa avela hitohy dia mety haharava azy izany. Ary raha vao levona ny Fihavanana dia simba ary mety ho potika na fongana mihitsy aza ny fiaraha-monina teo amin'ny Ntaolo malagasy : velona tamin'izay ny ady saritaka, nanjaka ny samy maka ho azy, hahaka sy paritaka no vokatr'izay.

Noresahintsika teo ny foto-kevi-pahendrena niheveran'ny Ntaolo hitondrana ny fiainany amin'ny fomba mahafa-po azy, izao indray dia tsy azontsika odian-tsye hita ny fanao nisy teo amin'ny Fandroana izay sady mikasika ny ain'ny tsirairay sasantsasany no misy fiantraikany eo amin'ny fiaraha-monina izay nisehoany. Ny «andro androan-dRANO» manko dia azo nanaovana fombam-pianakaviana roa mifanohitra : amin'io andro io no azo nankalazana fampakaram-bady nef a kosa azo anatanterahana fisaoram-bady. Ny «andro amo-noana omby» kosa dia sady azo anaovana fananganan-jaza no azo anarian-jaza («sady fanarium-panalâna» no ilazana io fotoana io amin'izay toe-javatra izay). Ny fisaraham-panambadiana sy ny fana-rian-jaza dia mifandray amin'ny fanafoanana ny lasa izay nisehoan'ny korontana sy ratsy niainana ambara-pahatongavan'ny Fandroana. Ny fankalazana fanambadiana sy fananganan-jaza dia miditra ao amin'ny lafiny fiaraha-manamafy sy mamelona ny AINA vaovao voaâry indray tao amin'ny Fandroana. Dingana roa samy hafa ao anatin'ny Fandroana izany no ametrahana ny dikan'ireo fomba ireo.

Inona ary no holazaina eto am-pamintinana ny amin'ny fotopisainana hita taratra ao amin'ny Fandroana ? Mavesa-danja sy saro-bidy ny AINA ary famenon'izay, tandra vadin-koditra ny mpiara-belona eo amin'izy samy izy. Ny fiainana ao anaty fiaraha-monina izany no heverin'ny Ntaolo malagasy fa araka ny tokony ho izy, ka manome ny tsirairay ny lanjany eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy. Nefa alohan'izany rehetra izany, matoa miaina dia satria ao ny fahavelomana izay fototra mampisy azy io, koa ny fahasoavana voalohany indrindra izany dia ny fahavelomana izay manome vidiny ny ain' ny tsirairay sy mahatonga ny lanjan ny fiaraha-miainan'ny daholobe. Ny fikajiana ny fahavelomana sy ny fikarakarana izay mety hahasoa azy io no lafim-piheverana hafa azo andraisana ihany koa ny foto-kevi-pahendrena : fiatoana tanteraka amin'ny vanim-potoana mitsingerina, fanafoanana ny lasa, fanavaozana fiaina, fiaingana marisika ho amin'ny fihavanana.

Ireo foto-kevi-pahendrena ireo dia azo raisina ho maha izy azy tokoa ny Ntaolo malagasy. Nefa mbola mety hanana ny lanjany ho an'ny Malagasy ankehitriny na amin'ny ho avy ihany koa aza izy ireo satria, raha jerena, dia tsy mety ho tontan'ny ela na mety ho lo, na dia efa navadibadiky ny taon-jato maro sy ny Tantara avokoa aza izy ireo.

Ary farany, eo anivon'ny sarambabem-bahoaka izay manaraka am-bokony fotsiny ny fomba amam-panao, dia hazava tsara ho an-tsika amin'izay ny fisainany tsotsotra ny Fandroana : fifaliana sy firavoravoana lehibe no entin'ny Fandroana satria fotoana ialàna voly tanteraka tokoa rehefa ho avy sy tonga ny Fandroana, fahafinaretana amin'ny endrika sy eo amin'ny lafiny samihafa no omeny, rivo-baovao no mitsoka eo amin'ny fiainana sy fiaraha-monina, mafana sy manga ny fihavanana, tretrika ny tsirairay noho ny haingo sy sakafobe ary koràna ary rehefa mifarana ny Fandroana, dia be zotom-po sy feno hery vaovao mba hiatrehana indray izay hiseho isan'andro vaky, ary izany dia ambara-pitsingerenan'izany vanim-potoana izany indray, araka ny fombam-pitenenana manao hoe «antomo-dava toy ny Fandroana»...

Izay sy izay avy àry no voka-pikarohana azo nalahatra momba ny Fandroan'ny Vahoaka ka natolotra tamin'ity indray mitoraka ity. Izany akory tsy milaza fa vita hatreo ny amin'ny satria raha Fikarohana no horesahina dia tsy mba misy fiafarany mihitsy izy io. Taon-jato maromaro nisesy dia nankalaza ny Fandroany ny Vahoaka ; any amin'ny mponina sasany eto amin'ny Nosy dia mbola misy manaja azy io tsy tapaka mandraka androany. Nefa any amin'ireny mponina manefa ny Fandroan'ny Vahoaka ireny dia mety ho nanjary roa sosona ny fankalazana ny Fandroana : eo ny an'ny Vahoaka ary eo koa manko ny an'ny Mpanjakany. Mila fana-

zavane izay toe-javatra izay ka ny fizotran'ny Tantaran'ny mponina no imasoana amin'izay fotoana izay. Niseho ny vanim-potoana izay nitrangan'ny antony — toy ny ady nifarimbbonana mba hiarovantea amin'ny fahavalao avy any ivelany, toy ny fahatongavan'ny olo-na be fahaialana sy fahaizana kokoa na antony hafa koa — izay nanek'en'ny mponina iray karazan'olona na antokon'olona hitarika azy na handidy aminy mihitsy aza. Nipoitra niaraka tamin'izay ny fiavahan'ny sarangan'olona iray eo anivon'ny fiaraha-monin'io mponina io, dia tsy iza izany fa ny an'ny Mpanjakany sy ny fianakaviany arv ny mpanotrona azy amin'ny lafiny sy endriny samihafa. Ny Mpanjaka no *Andriana*, izany hoe, olona azo itokisana sy iant̄eherana ka ahafahana mandry fehizay sy mandry fahalemana : ny Mpanjaka no andriana fehizay, andriana fahalemana. Raha izany, dia ankasitrahā' ny vahoakany sy ekeny rehefa te hanokana Fandroana ho azy izy ka ny Fandroan'ny Andriana (izay Mpanjaka velona) indray izany no hojerentsika akaiky izao.

## 2. FANDROAN'NY MPANJAKA VELONA :

### Fandroan'ny Andriana

Tsy misaraka amin'ny mponina na vahoaka izay nankalaza azy sy niaina taminy ny Asaramaniry ny Vahoaka na ny Fandroana an-driaka ka ny onjan'ny Tantara iainan'io mponina na vahoaka io, indrindra eo amin'ny fandaminany ny fiaraha-monin. dia misy fiantraikany eo amin'ireo fomba amam-panao ireo. Noho izany, dia mba manaraka ny onjan'ny Tantaran'ny mponina, na eo amin'ny endrika ivelany isehoany na eo amin'ny foto-kevitra raketiny ihany koa, ny Asaramaniry ny Vahoaka na ny Fandroana an-driaka. Naharitra an-jato-taonany maromaro izany tantaran'ny mponina na vahoaka izany nefy mety koa nahatratra ny an'arivo taonany aza angamba. Fa ny azo antoka dia raha tsy nisy aloha ny Fandroan'ny Vahoaka dia tsy ho nisy mihitsy ny Fandroan'ny Mpanjaka velona.

Marihina manko fa mety ho naharitra fotoana elaela vao tafakatra, ho Mpanjaka, ny andriana izay neken'ny vahoaka hitarika sy hitondra azy, izany hoe, sady tonga mpanjaka tokana ka afaka manapaka irery, no tompom-pahefana ka afaka manapaka tanteraka sy mandidy tsy misy fanoherana ny vahoakany. Ary mety ho elaela koa vao mahatafajoro fombafomba amam-panao mikasika azy manokana ny Mpanjaka : ka raha ny Fandroana no asian-teny dia zava-droa loha no tsy maintsy nandalovany vao namorona sy nadamina Fandroana ho azy ny Mpanjaka Velona. Ny voalohany dia tsy maintsy efa nisy ny Fandroan'ny Vahoaka mba hiaingany ka hampidirany zava-baovao na hanamboarany fanovan-kevitra na fanoloam-panao. Ny faharoa dia tsy maintsy Mpanjaka tsy refesi-mandidy izy vao afaka mibaiko ka ankatoavina avy hatrany rehefa te hanavao ny Fandroana.

Ny vanim-potoana izay nisehoan'ny fiovana goavana teo amin' ny Fandroana dia fantatra mazava araka ny lovantsofina fa niaraka tamin'ny fisian'ny andriana, izay lasa Mpanjaka nanana finiavana hampiasa ny Fandroana ho fitaovana hanasoa ny tenany sy ny fanjakany.

Misy ohatra iray amin'ny lovantsofina voarakitra an-tsoratra izay ahitantsika tsara ny nandrafetan'ny Mpanjaka iray Fandroana natodiny ho amin'ny fanandrata ny tenany sy ny fanamafisana ny fanjakany. Tsy iza io lovantsofina io fa ilay fitantarana sy filazalazana navelan'ny iray tamin'ireo Ombiasin-dRanavalona I ka mamisavisa ny fomba nampijoroan-dRalambo ny Fandroan'ny Andriana ary ny nanohizan'ny Mpanjaka nandimby an-dRalambo hatramin'Andrianampoinimerina ny fanatsarana izay efa najoro teo aloha. Marihintsika dieny izao fa izy Mpanjaka velona no antony sy votoatin'ny Fandroan'ny Andriana ka noho izany dia azo fari-tana ho santionany iray amin'ny *Fandroan'ny Mpanjaka velona* ity Fandroan'ny Andriana ity.

Rehefa handinika ny amin'ny Fandroan'ny Andriana ihany isika dia tsy hianina fotsiny amin'ny *Manuscrit de l'Ombiasy*, ao amin'ny bokiny faha-8 izay mitondra ny lohateny hoe : «Ny niavian'ny Fandroana voalohany» ary voasoratra tamin'ny taona 1865. Mbola mitohy tokoa ny tantaran'ny Fandroan'ny Andriana araka ny ahitana azy ao amin'ny nangonin-dRainandriamampandry momba an-dRanavalona II sy ao amin'ny nosoratan'i Cousins sy Randzavola momba ny Fandroana tamin'ny andron-dRanavalona III. Raha nifarana ny Fandroan'ny Andriana teto Imerina tamin'ny 1896 dia azo lazaina fa naharitra taon-jato telo eo ho eo ny tantarany. Nandritra izany fotoana izany tsy àry nitovy akory ny anjara famorona na fanitarana nataon'ny Mpanjaka samihafa, ary tsy hoe izy rehetra akory no nanova na nanavao fa nisy tokoa ny nanaja fotsiny ny efa nataon'ny teo alohany.

Raha izay lazain'ny Ombiasy no ifotorana dia hita ao fa manamafy ny lovantsofina milaza fa ny Mpanjaka Ralambo no nipoiran' ny Fandroan'ny Andriana izy io — raha tsy hoe io no lovantsofina niandohan'ny filazana fa Ralambo no niavian'ny Fandroan'ny Andriana voalohany, Miharihary ao amin'ny fitantarany'ny Ombiasy ny nandraisan-dRalambo ny Asaramaniry ny vahoaka ary mitana toerana lehibe ao amin'ny lahatsorany ny nataon-dRalambo satria sady maro ny fanao notsongain'io Mpanjaka io ka nasandrany, no betsaka ny záva-baovao nampidiriny.

Ny azo marihina avy hatrany angaha dia toy izao :

1) Tsy teo am-piandohan'ny fanjakany no nihetsehan-dRalambo ka nanamboarany Fandroan'ny Andriana avy amin'ny Asaramaniry ny vahoaka, fa efa neken'ny vahoakany an-tsakany sy an-davany izy

ary tò teny taminy tanteraka io M'panjakany io, vao afaka nikasika ny Fandroana Ralambo ary afaka nandidy momba izay fiovana tiany hotanterahina ;

2) Inefatra miantoana no nanefen-dRalambo Fandroan'ny Andriana satria nilàna fanandramana ny zava-baovao naroso ary fandinhina izay vokatry ny fandidiana natao vao tafajoro ilay izy ;

3) Natodik'i Ralambo any aminy avokoa ny hevity ny fomba amam-panao novolavolainy tamin'izany :

- fanandratana ny *hasiny* izay tonga fototra tsy azo nohozongozonina intsony ho an'ny fanjakany,
- sy fanamasifana io fanjakany io amin'ny fampiasana finoana vaovao (vintana Alahamady ao amin'ny fandroana «arabo»)
- ary famatorana ny vahoaka amin'ny tenany (nasainy niakatra an-dapa hiaraka hijaka aminy amin'ny tonombilany ny vahoaka) ary izay koa dia niteraka fifatorana eo amin'ny vahoaka samy vahoaka.

F'a ahoana marina kosa ny amin'ny andinidininy na antsipiriany teo amin'ny fampijoroan-dRalambo ny Fandroan'ny Andriana ?

1) Ny fanatevenana ny fombaefa nisy dia nampiasain-dRalambo tokoa nefanya ho azy manokana no alefa mialoha izay vao mahazo manao ny azy ny vahoaka. Ohatra : mandro RANO aloha ny Andriana ary vita tanteraka ny andinidininy momba io, izay vao mba mandro ny vahoaka. Tamin'ny fanandramana voalohany aza, dia nokasain-dRalambo omena ny anarana hoe FANDROANA ny fansinana ny vintany ary tsy navelany nandro rano intsony ny vahoaka fa nasainy nanao fotsiaritra. Kanjo tsy nety raikitra izay fa dia samy nandro rano ihañy na ny Mpanjaka aloha na ny vahoaka aorian'izay. Rehefa mandro rano kosa ny Mpanjaka dia nanjary be fombafombany ny tena Fandroan'ny Andriana arabakiteny : niditra an-tsehatra ny Velondraiamandreny mpanao zavatr'Andriana, ka izy ireny no mandeha maka ny rano masina any amin'ny farihy voatokana ho amin'izany, izy ireny no mamana io rano masina io ary mampandro ny Mpanjaka.

2) Ny fanitarana ny fomba dia hita eo amin'ny mikasika ny OMBY : sady nampitomboin-dRalambo ho omby vavy volavita sy omby vositra malaza ny karazan'omby nampiasaina no nihabetsaka ny zavatra alaina amin'ny omby na anaovana ny omby. Tanisaina amin'izany :

- ny fanaovana saotra omby,
- ny filelefana ny tendron-trafon'omby sy fihinanana sombiny nandrahoina,

- ny fampanomanana jaka mialin-taona mba hohanina amin'ny Fandroana manaraka,
- ny fanaovana tonombilany ankoatra ny jaka tsotra.

3) Ny fampidirana fomba vaovao dia nisongadina teo amin'ny vanim-potoana tokony hankalazana ny Fandroan'ny Andriana : nodidiany hifanindry amin'ny fiandohan'ny volana Alahamady, izany hoe, tsy maintsy *tsinam-bolana Alahamady ny harivan'ny andro androan'ny Andriana rano*. Ny nahatonga izany dia satria noraisin-dRalambo ny fanandroana nentin'ny mpiavy «arabo» izay mifototra amin'ny finoana ny vintana 12 iantéheran'ny fahalalana sy fahaizana «arabo» momba ny asan'ny volana an-danitra eo amin'ny fiainan'olombelona. Ninoan-dRalambo ary nampiasainy avy hatrany ho azy ny reni-vintana mahery sy malaza indrindra ka mendrika azy mpanjaka irery ihany. Nolazaina fa teraka vava-Alahamady Ralambo koa dia *vintana Alahamady* izany izy, ary dia natokana ho vintan'andro maha mpanjaka sy andron'Andriana irery ihany koa ny Alahamady.

Ny vokatr'izany kosa dia ny famindrana ny Asaramaniry ny vahoaka mba hifanindran-dàlana amin'ny Fandroan'ny Andriana : raha ny tena izy dia voatsindry ka nialohavan'ny fombafomba rehetra ho an'ny Andriana ny Asaramaniry ny vahoaka. Lolohavina aloha ny an'ny Andriana satria azy ny Fandroana, izay vao mba vimbinina ny an'ny sarambaben'olona, izany hoe, efaina ny Asaramaniry ny vahoaka.

Nisy tokoa ny famoronan-dRalambo fanao vaovao tanteraka : mazava ho azy fa izy irery aloha no nahazo nanefa ilay fomba vaovao, nefy nony taty aoriana dia navelany nanao kosa ny vahoaka. Ny ohatra iray alaintsika amin'izany dia ny *Tatao vary* tamin'ny andro amonoana omby. Vao maraina tamin'io andro io dia efa mahandro vary ampangoro ny Velondraiamandreny ary iandrasana ny atao ho laokany, izany dia ny tendron-trafon'omby volavita sy omby malaza izay nolelafin'ny Mpanjaka tamin'ny nanaovany saotra omby ary nandrahoina rehefa avy eo. Rehefa masaka ny trafonkena dia mbola tondrahana tantely sy ronono ny vary ampangoro ary asiana voahazo ary dia entina eo amin'ny Mpanjaka daholo izany. Angalan-dRalambo kely ny vary ampangoro ka akariny antampon-dohany sy apetrary eo, izany hoe, itataovany aloha ny vary ampangoro. Vita izay vao tena homana ilay vary ampangoro sy ny trafon-kena ny Mpanjaka. Nony nahazo nanao Tatao vary kosa ny vahoaka dia jaka tsotra no nataony laoka tamin'izany.

Ataontsika indray mijery amin'izay ny najoron-dRalambo ho Fandroan'ny Andriana tamin'ny *faramparan'ny taon-jato faha-XVI*: notazonin-dRalambo tsy nisy nanovany ny rafitra sy ny drafity ny Asaramaniry ny vahoaka («dimy andro ambony ho Fiomanana»,

roa andro anaovana ho Fanatanterahana, «dimy andro ambany» ho Famaranana), fa teo amin'ny roa andro anaovana no nozarinay mazava tsara ka nosongadiny izay atao ho an'ny Andriana ary izay mijanona ho an'ny vahoaka.

Ny fanasinana ny vintana Alahamady, izay vintan-dRalambo, dia mandravona ny dingam-piovana teo amin'ny Asaramanitry ny vahoaka ka nahatonga ny Fandroan'ny Andriana. Izany no izy dia satria tao anatin'ny fanasinana no nanandratana ny *HASINA anan'ny Andriana velona sy manjaka* ka izay fanajana ny hasin'ny Andriamanjaka izay no nampiroborobo ny fanjakana, noho izy io anton'ny nampiaiky ny vahoaka hatrany. Ary ny *vintana Alahamady dia manondro vanim-potoana* araka ny fahalalana sy fanandroana «arabo» izay nankatoavin-dRalambo. Koa dia azo heverina fa tamin'ny andron-dRalambo no nielezan'ny fanandroana «arabo» teto am-povoantany ary nananany akony hatrany amin'ny fiainambahoaka.



## RAFITRA SY DRAFITRA FOTOTRA (Taon-jato faha-XVI)

FANOMANANA	<p>A - 5 A - 4 A - 3 A - 2 A - 1</p> <p><b>A<sub>I</sub> = andro androan- dRANO</b></p> <p><b>A<sub>II</sub> = andro amonoana OMBY</b></p> <p><b>A<sub>II</sub> + 1 + 2 + 3 + 4 + 5</b></p>	<p>FANDROAN'NY ANDRIANA</p> <p>5 andro ambony</p> <p>maina : — maka rano masina ny Velondraianan- dreny — mandro ny Andriana</p> <p>antandro : — mihinana jaka mia- lin-taona vary so soa + tantely ny Andriana.</p> <p>hariva - alina : — tsinam-bolana Ala- hamady</p> <p>maina : — saotra omby (= fa- nasinana ny vintan- Ralambro) — famonoana omby : 1) volavita 2) malaza — milelaka ny ten- drond-trafon' omby ny Andriana.</p> <p>antandro : — Tatao vary ataon' ny Andriana — mihinana tonombi- lany ny Andriana.</p> <p>5 andro ambony</p>	<p>ASARAMANTRY NY VAHOAKA</p> <p>miampy ny ataon' ny vahoaka noho ny Fan- droan'ny Andriana.</p> <p>A - 5 : tsy mamono bi- by A - 3 : manao fotsiari- tra (afa-tsy ny omby)</p> <p>— mandro ny vahoaka</p> <p>— mamono omby ny vahoaka</p> <p>— antsoin-dRalambro hi- hinana tonombilany ao an-dapa.</p> <p>— tsy misy teny mom- ba ny sisa rehetra ko dia tsy misy fio- vana izany ny Asara- mantry ny vahoaka.</p>
------------	---	--	--

***NY FANDROAN' NY ANDRIANA TAMIN' NY TAON-JATO FAHA-XVII***

Ireo Mpanjaka nolazain'ny Ombiasy fa nanatsara ny Fandroan' ny Andriana dia ny zanany nandimby fanjakana an-dRalambo, Andrianjaka izany, sy ny zafiny Andriantsitakatrandriana : izy ireo dia samy nonina teto an-tampon'Antananarivo.

Tamin'Andrianjaka, rehefa tonga ny andro amonoana omby, dia mankany Ambohitrabiby izy ary eo amin'ny kianja manoloana ny fasana ilevenan-drainy izy no manao ny saotra omby sy mile-laka ny trafon'omby volavita ary mitono sombiny amin'ny trafon-kena iny eo amin'ny fasana-dRalambo. Manaraka izany, tao Ambohitrabiby ihany Andrianjaka no nihinana ny jakan'Andriana avy amin' ny omby volavita sy omby malaza novonoina teo ihany. Talohan'ny nahafatesany no nanafatra ny zanany Andrianjaka mba hanisy trano kely eo ambony fasany. Ka io no nanjary *trano masina* voalohany teo amin'ny Tranofitomiandalana nilevenan'ny Mpanjakan'Antananarivo taty aoriana.

Ary io trano masina io no namoronan'Andriantsitakatrandriana, zanak'Andrianjaka nandimby azy, fomba fanampiny indray teo amin'ny Fandroan'ny Andriana. Rehefa tonga manko ny andro androan-drano dia alefan'Andriantsitakatrandriana mandro rano any Ambohitrabiby ny zanany (izay zana-jafin-dRalambo) ka inoana fa ànisan'izy ireny Andriantsimitoviamandriandehibe izay nandimby azy teto ihany. Izy Mpanjaka dia tsy mihetsika fa mijanona eto Antananarivo ihany ary vao marainan'ny andro androan-drano dia ny *trano masina* no asiana fikarakarana : vohana, diovina ary velarantsihy voakaly sy vao atao hoe tsihy masina. Rehefa avy eo dia mba mamboatra tsara ny tranony koa ny Andriana ary izay izy vao mandro rano. Mizara roa izany ny Velondraiamandreny ka ao ny manatitra sy mamana rano masina any Ambohitrabiby sy mampandro zanak'andriana any ary ao koa ireo manatanteraka ny fampandroana ny Mpanjaka ao Anatirova. Amin'ny andro amonoana omby kosa dia ny zanany efa any Ambohitrabiby no mitarika ny famonoana omby volavita sy malaza. Vita ny any vao manao. saotra omby sy famonoana omby ho azy aty Antananarivo indray Andriantsitakatrandriana.

Hatreo aloha dia efa azo marihina sahadys ny fisian'ny taranak' andriana izay nanjaka avy :

- RALAMBO, loha laharana tamin'ny famoronana ny Fandroan'ny Andriana ;
- ny taranany voalohany, ANDRIANJAKA, izay nanomboka ny fitodihana amin'ny fasana ilevenan'ny Razan'andriana nipoirana. Ary io taranaka voalohany io ihany koa no nampisy trano masina eo ambony fasana ilevenany ;

— ny taranany faharoa, ANDRIANTSITAKATRANDRIANA, izay nanohy sy nanatevina ny fomba anajana ireo razany nanjaka teo alohany sady nampiditra avy hatrany amin'izany ny taranaka fahatelo, ANDRIANTSIMITOVIAMINANDRIANDEHIBE.

Ohatra iray mazava amin'izay mety ho fiandohan'ny Fivavahana amin'ny Razana andriana nanjaka no hitantsika eto : ka ny fanatonana ny fasana no voalohan-javatra atao amin'izany, dia ny fampisehoana mari-panajana ireo nanjaka teo aloha efa lasan-ko razana no manaraka. Mibaribary eto avokoa ny fifandraisian'ny Fandroan'ny Andriana sy ny Fivavahana amin'ny Razana andriana nanjaka.

### ***NY FANDROAN' NY ANDRIANA TAMIN' NY TAON-JATO FAHA XVIII***

Efa tamin'ny fotoana nanjakan'Andriamasinavalona indray vao nisehoan'ny fomba vaovao ny Fandroan'ny Andriana. Zanaka lahi-aivon'Andriantsimitoviaminandriandehibe nandimby azy teto Antananarivo Andriamasinavalona, izay tsy iza fa zafin'ny zafin-dRalambo, izany hoe, taranany fahaefatra ihany koa raha izany.

Andriamasinavalona dia nanitatra ny toerana omena ny fandroana «arabo» satria nanaiky izay natoron'ny «mpanao andro tsara» izy : manao faditra akoholahy mena rehefa hilentika ny ma-soandro mialoha ny andro androan-drano, izany hoe, alohan'ny hidirana amin'ny vintana Alahamady, rehefa tsinana ny volana ny harivan'io andro androan-drano io, dia «mifaditra ny Andriamanjaka». Mandray roa moa eto ny hevitry ny mifaditra rà : sady manaoana ny ratsy rehetra nanjo ny Mpanjaka no miaro amin'izay zavamahery mety mitranga mandritra ny roa andro anaovana sy amin'ny fotoana aorian'izay koa. Nitombo tao anatin'ny taon-jato iray izany ny fahalalana sy fahaizana ny fanandroana «arabo» satria ankoatra ny mpanandro dia nisy koa ny mpanao andro tsara.

Mbola misy fanao iray izay nalain'Andriamasinavalona tao amin'ny Asaramaniry ny vahoaka ka nampiasainy mba ho anisan'ny ao amin'ny Fandroan'ny Andriana, dia ny fiarahany mijaka amin'ny zanany rehetra eto Antananarivo roa andro aorian'ny andro amonoana omby. Andriamasinavalona dia fantatra fa Mpanjaka nahay namory sy nanamafy fanjakana ka, taorian-dRalambo, dia izy indray no nolazaina fa teraka Alahamady ary nekena noho izany fa manana vintana Alahamady. Arakaraka ny namorianty fanjakana no nahamaro ny zanak'Andriamasinavalona amin'ny vadiny samihafa nenti-nanitatra fanjakana. Samy mbola mankalaza ny roa andro anaovana any amin'ny vodivona izay misy azy avy aloha ny

zanany ary vita izay vao samy miakatra mamonjy an'Antananarivo mba hiara-kijaka amin-drainy izy rehetra.

Nalaza koa teo amin'ny tantara fa io fitiavan-janaka io ihany no naharava ny efa nataon'Andriamasinavalona satria fony fahavelony dia efa nozarinay tamin'ny zanany lahy efatra ny fanjakany. Nangina niaraka tamin'izay koa ny mikasika ny Fandroan'ny Andriana ka efa any amin'ny zafin'ny zafin'Andriamasinavalona indray, izany hoe any amin'ny taranaka fahavalo nandimby an-dRalambo, vao nisy mpanjaka tokana afaka sy vonona hanatevina ihany indray ny Fandroan'ny Andriana. Tsy iza moa io Mpanjaka io fa Andrianampoinimerina.

#### ***NY FANDROAN' NY ANDRIANA TAMIN' NY TAON-JATO FAHA-XIX SY NY FIANTRAIKANY TEO AMIN'NY ASARAMANITRY NY VAHOAKA***

Fantatra fa ny nampalaza indrindra an'Andrianampoinimerina dia ny fandaminana samihafa nataony sy nampanao viny teo amin'ny fitondram-panjakana, teo amin'ny fampandrosoana ny ara-toekarena ary teo amin'ny filaminan'ny fiaraha-monina — indrindra momba ny Fokonolona. Efa tamin'ny faramparan'ny taon-jato faha-XVIII no natombony izany asany izany ary tsy ela taorian' izay dia nisy akony izany rehetra izany teo amin'ny fomba amampao nasain'Andrianampoinimerina noefaina rehefa avy ny Fandroan'ny Andriana satria niendrika ny fombam-panjakana izay nosantaryn izy ireny.

Ny nomarihin'ny Ombiasy manokana (satria io angamba no nanaitra mafy ny olon-drehetra) dia ny *fampandoavana vola* ny isam-batan'olona mba ho *hasin'Andriana* sy *vidin'aina*. Izany dia midika fa tsy ny Andriana sy ny olona ankasitrahany hanao izany irery intsony no afaka nanao varotra fa ny vahoaka manontolo no niala tamin'ny fihaonana sy takalo ka niditra tamin'ny fanaovana varotra ary namonjy tsena noho izany. Nanaraka ny onjan'izany zava-baovao izany ny fanao hafa teo amin'ny Fandroana koa dia azo vinaniana fa tamin'ny andron'Andrianampoinimerina ihany koa no nitrangan'ny famakiana *kabary* mampiomana amin'ny Fandroana sy ny *fara-tsena* ary ny *jaka vola*, izany hoe, azo nosoloina vola ny henomby.

Ny Ombiasy ihany no mitanisa ny fomba amarn-panao vaovao izay nataon'ny vahoaka raikitra tao amin'ny Asaramanitry ny Vahoaka rehefa niely teo amin'ny fiainam-bahoaka ny fanamboarana isan-karazany nataon'Andrianampoinimerina momba ny fiainam-panjakana. Amin'ny andro androan-drano, vao maraina, no samy

misoroka ny tokotanim-pasan-drazany ny olona ary avy eo dia samy mamboatra tsara ny tokan-tranony. Rehefa amin'ny andro amonoana omby kosa dia manao *tonombilany* hihinanana sy hifanolorana ho jaka.

Rehefa avahana, ao amin'ny filazalazana nataon-dRainandria-mampandry sy Cousins ary Randzavola, izay nataon'ireo mpanjaka ~~Andimby~~ taty aoriania, dia azo heverina fa tamin'ny andron'Andrianaampoinimerina ihany koa no lasa fanao raikitra teo amin'ny Asaramanitry ny vahoaka ny *jakam-behivavy* atolotry ny lehilahy ary ny *tsikomby* sy *fampitaha* ho an'ny ankizy.

Nandritra ny taon-jato faha-XIX, rehefa nahavita ny anjarany Andrianampoinimerina, dia mpanjaka iray no mbola nanohy ny fanatevenana ny Fandroan'ny Andriana — Ranavalona II izany —. Radama I dia tsy nanova na inona na inona tamin'ny nataon-drainy ary zava-tokana no nampian-dRanavalona I : nony efa lehibe Rakoton-dRadama dia nasainy nilelaka ny trafon'omby volavita sy malaza rehefa avy nanao izany Ranavalona reniny mba hampisehoana ampahibemaso izay handimby fanjakana.

Ny lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe : *Ny Fandroana* ka navoakan-dRainandriamampandry tao amin'ny bokiny *Tantara* sy *Fomban-drazana* no ahazoana mamantatra ny zava-baovao nampidirin-dRanavalona II (1868-1883) izay taranaka faha-iraikambini-folo nandimby an-dRalambo. Na dia mpanjaka nampiseho ny fandraisany an-kitsim-po tanteraka ny Fivavahana kristiana aza Ranavalona II, dia tsy nofoanana velively ny Fandroan'ny Andriana ary tsy vitan'izay fotsiny fa mbola nisy fanatsarana izay nataony.

— Voalohany tamjin'izany dia mandritra ny fotoana Fiomanana no «mitatana» omby izy, izany hoe, mizara sy mandefa omby hatramin'ny 400 ny Mpanjaka ho an'ny lolohany sy ho an'ny vahoakany eto amin'ny Nosy. Ao anatin'izany aloha ny tendrombohitra 12 ary tsy maintsy tody any amin'ny toerana vonjeny avy ny omby, alohan'ny andro androan-drano (1). Hijakan'ny olona amin'ny andro amonoana omby ireny omby ireny ka ny sombiny kely azon'ny tsirairay avy amin'ireny omby nozarain'ny Mpanjaka ireny no nataao hoe «*jaka avy amin'ny Andriana*».

— Faharoa indray, ny amin'ny fotoana nankalazana ny Fandroan'ny Andriana, dia rehefa tsinana 16 andro ny volana Alahamady no andro androan-drano, noho izany rehefa tsinana 17 andro

(1) i Callet no mitanisa ny toerana andefasana ireny omby ireny ao amin'ny bokiny *Tantara ny Andriana* I, t. 159-160. Ka ankoatra ny *Imerina Enintoko* dia Fianarantsoa, Toamasina, Mahavelona (= Foulpointe), Ambatondrazaka, Amparafaravola, Mahajanga, Hiarambazaha (= Vohémar), Mahabo (ao Menabe), Mananjara (= Mananjary), Mahamanina (= akaikin'i Farafangana), Vangaindrano, sns... sns...

ny volana Alahamady dia andro amonoana omby io. Ary ity andro faharoa anaovana ity no nolazaina fa Vintan-dRanavalona II, ka nandritra ny fotoana nanjakany dia toy izay ny vanim-potoana nanaovana ny Fandroan'ny Andriana.

— Fahatelo manaraka dia ny amin'ny toerana nanefana ny Fandroana ara-bakiteny : tsy aiza izany fa tao amin'ilay efi-trano jaky izay ao an-joro-firarazana ka mbola hita maso ankehitriny, tsy lavitry ny seza fiandrianan'ny Mpanjaka ao amin'ny efi-trano lehibe ao Manjakamiadana. Natao niaraka tamin'ny fanamboarana an'i Manjakamiadana ho trano vato io efi-trano jaky io ary mbola tsy niova mihitsy ny endriny araka ny mbola ahatratrantsika azy amin'izao fotoana izao. Ny rano nohafanaina ka nanondrahana ny Mpanjaka tao dia tena ranomasina izay nampanalaina tany amorontsiraka atsinanana. Rehefa avy nandro ny Mpanjaka dia niditra an-tsehatra ny mpiantsa sy ny mpanao zava-maneno ka alina tokoa vao nirava. Tsiahivina fa niantsoana olona marobe : havan'andriana, solontenan'ny vahoaka isan-tsokajiny sy vahiny vazaha, ny fanatrehana ny Fandroan'ny Andriana tao Anatirova tamin'io andro androan-drano io.

— Ary farany, teo koa vao natao roa sosona ny harendrina : ny hariva alohan'ny andro androan-drano dia manao « harendrin'Andriana » ny vahoaka ary ny ampitso harivan'io, izany hoe, harivan'ny andro androan-drano dia « harendrim-bahoaka » ho azy no ataon'ny olona isan-tanàna. Ambonin'izay ny fanao nateraky ny fandrosoana dia nekena ka nahatonga ny fisian'ny fanoratana taratasy sy fandefasana vola ho solon'ny nofon-kena mitam-pihavanana ho an'ny havana an-tany lavitra tsy afaka nody namonjy Fandroana.

Etsy an-danin'izany rehetra izany dia nisy fiantraikany teo amin'ny Asaramaniry ny vahoaka ny fombafombanoforoin-dRanavalona II : tamin'ny androny manko no nandrenesana voalohany ny fanaovana ny « *mamoaka omby* » tamin'ny andro androan-drano teo amin'ny vahoaka. Izany moa dia mifandray mivantana amin'ny fizarana omby an-jatony avy amin'ny Mpanjaka. Ny ankizilahy rehetra ao an-tanàna (nahazo omby avy amin'ny Andriana na manana ombim-pianakaviana hovonoina ny ampitso, andro amonoana omby) no « *mamoaka omby* ». Avoakany ny omby rehetra ary roahiny handehandeha eran'ny tanàna ka amin'izany, sady ilalaovany sy ihiràny no andihizany sy idobohany amponga : ny horakoraka sy tabataba, ny hetsiketsika sy hakingana dia tsy hita holazaina itsony amin'izany !

Nitombo ihany koa ny karazam-panomezana natolotra tamin'ny andro amonoana omby taorian'ny jaka (henomby na vola) : tao ny *jakan'anadahy* sy *jakan'anabavy* ary tao koa ny *hajan-drafozana* ary

ny *zara-fihinanana*. Ka ny vahoaka nahita fianarana dia nahazo nanoratra taratasy sy nandefa vola tamin'ireny fanomezana rehetra ireny. Fa ny tsy azo nialàna mihitsy, nanomboka teo, dia ny fanta-teran'ny zanaka manan-tokan-trano *solombodiakoho* ho an'ny ray aman-dreniny ary ny fanomezan'ny ray aman-dreny *solompenako* ho an'ny zanany ka mbola azo notohizana nandritra ny roa na telo andro ambany, izany hoe, aorian'ny andro amonoana omby ireny fanolorana ireny.

Ny amin-dRanavalona III (1883-1896), izay taranaka faha-irai-kambinifolo ihany koa nandimby an-dRalambo, dia zava-tokana ihany no novany tao amin'ny Fandroan'ny Andriana. NafindrandRanavalona III indray ny vanim-potoana ankalahazana azy io ka ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany — ny faha-22 Novambra — no nataony andro androan-drano, koa dia ny faha-23 Novambra izany no andro amonoana omby.

Ny azo marihina tamin'ny andron-dRanavalona III dia ny fomba manetriketrika nankalahazana ny fanao rehetra mikasika ny Mpanjaka — indrindra fa ny tao Anatirova : ny fihetsehana sy ny antsiopian-javatra no nanjary betsaka sy maro karazana. Tsy afaka nanao mihoatra izay angamba Ranavalona III satria tsy nahazo nandidy nanapaka irery intsony izy taorian'ny taona 1885 ary koa sady be lavitra rahateo no mavesa-danja kokoa ny raharaha nanahirana natrehin'ny Fanjakana malagasy tamin'izany fotoana izany. Ny Fandroan'ny Andriana nankalahaina farany moa dia tamin'ny 22 sy 23 Novambra 1896.

Tapitra teo moa ny tantaran'ny Fandroan'ny Andriana izay ohatra iray azo narahina hatrany am-piandohany ka hatrany amin'ny fiafarany. Mbola soritana eto koa fa tsy voaresaka daholo ny fomba rehetra nitambatra ho Fandroan'ny Andriana fa ny tena votoatiny na ny misongadina indrindra no nasiana teny tamin'ity fanadihadiana ity.

Hitantsika nandritra ny tantara manontolo fa ny tenan'izy Mpanjaka velona, nandimby Mpanjaka teo alohany ary mbola eo amin'ny seza fiandrianany no mitarika na manefa na mampanao ny fombafomba momba azy ihany ao amin'ny Fandroan'ny Andriana. Ny vahoakany kosa dia manaiky azy hatrany sy manoaray manatanteraka izay anjarany amin'izany hatrany hatrany. Ka raha *Fandroan'ny Mpanjaka velona* no azo ilazana ihany koa ny Fandroan'ny Andriana ary zohina sy akapoka ny hevitra raketin'ny fomba amam-panao tamin'izany dia inona indray no azo avohitra eto ?

## ***HEVITRY NY FANDROAN'NY ANDRIANA***

Hizara roa ny famotopotorana ny hevitry ny Fandroan'ny Andriana : aravona aloha ny tena dikan'ny Fandroan'ny Andriana araka izay asongadin'ny zava-bitia noefain'ireo izay nampijoro azy sy araka ny tovana izay nanitarana azy ka napetrak'ireo nandimby ny mpisantatra azy ; manaraka izany dia holazaina ny fahitana ny anjara toerana sy anjara asa nosahanin'ny Fandroan'ny Andriana noho ny fiantraikany sy vokany eo amin'ny mponina manontolo, izany hoe, Mpanjaka sy Vahoaka niaraka nankalaza azy.

Ho an'ireo mpamorona sy mpanatevina ny Fandroan'ny Andriana ary, inona no tena dikan'ny nataon'izy ireo ? Lafin-javatra roa ihany koa no entina hamaliana izany fanontaniana izany :

- 1) Fanandrataina ny maha mpanjaka ny Mpanjaka, ary
- 2) Fanamafisana ny Fanjakana.

### **1) Fanandrataina ny maha mpanjaka ny Mpanjaka.**

Zavatra telo loha samy mavesa-danja, toko telo maha masanahandro no manamarika ny maha izy azy ny Mpanjaka sy ny toerana ambony tokony hametrahana azy noho izany : HASINA, VINTANA, OMBY.

a) Ny HASINA no loha-laharana satria efa finoana raiki-tampisaka hatramin'ny fahagolan-tany ny amin'izy io, ary fantatry ny Mpanjaka tsara izany. Ilay karazana Hery inoana fa ananan'ny olona sasantsasany dia nataon'ny Mpanjaka izay hahatonga azy ho *hery tsy misy toa azy* ka ananan'ny *olona tena voatokana* ho amin'izany, dia mazava ho azy fa ny *HASIN'NY ANDRIAMANJAKA* no voafaritra amin'izay, ka nanjary HERY tsy hita sy tsy azo toherina satria ny ANDRIAMANJAKA irery no manana azy io, ary ny mahatonga ny Mpanjaka ANDRIAMANJAKA dia satria Hasina tsy mitovy amin'ny hasina hafa sisra rehetra no ao amin'ny tenany, izay manokana rahateo, noho ny VINTANY.

b) Ny VINTANA — izay efa ninoana sy fantatra hatramin'ny fahagolan-tany ihany koa — dia nomena hevi-teny vaovao izay nateraky ny fandraisana ny fanandroana « arabo ».

Io moa dia mampiasa ny fari-pahalalana asyriana sy kalideana ary persiana ka nolovàny sy nangonin'ny « Arabo » — fa tsy hoe ny Silamo, izay taty aoriania lavitra no nisehoany — momba ny fandehan'ny VOLANA an-danitra araka ny ahitan'ny mason'olombelona azy avy aty an-tany, ary notovanany koa ny finoana fa misy asany eo amin'ny fiainan'olombelona ny endriky ny volana sy ny toerana nisy azy teo amin'ny lanitra, tamin'ny fotoana nahaterahana. Hany

ka nanjary hoe : asan'ny herin'ny volana eo amin'ny fiainan'ny olo-na tsirairay avy ny VINTANA ananan'ny tsirairay. Soritana fa ny volana no nimasoan'ny «Arabo» indrindra fa tsy ny masoandro loatra izay ny Girika sy ny mpandimby azy no tena nandinika ny aminy.

Raha Mpanjaka no resahina, dia tsy maintsy teraka eo amin'ny fotoana izay azo antoka fa ananan'ny volana hery matanjaka sy mahasoa indrindra sy ampisehoan'ny volana endrika azo anantenna asa tsara indrindra izy Mpanjaka. Ka any amin'ny tapany avaratry ny tany, izay nisy ny «Arabo», dia eo amin'ny fiandonhan'ny toet'andro mafana no itrangan'izay vanim-potoana manambina izay : izany hoe, rehefa tsinana an-danitra eo amin'ny andian-kintana «El Hamal» ny volana, dia manomboka ny volana (vanim-potoana) Alahamady ary VINTANA ALAHAMADY no ananan'izay teraka amin'io fotoana io. Izany no nahatonga ny filazana ny Mpanjaka Ralambo, satria izy te hampijoro zava-baovao, ho teraka tamin'ny tsinam-bolan'Alahamady ka VINTANA ALAHAMADY izy ary manana, noho izany, HERY manokana ahafahany manorina zava-baovao, dia ny HASIN' NY ANDRIAMANJAKA izany. Ny VINTANA ALAHAMADY izay mampiavaka ny Mpanjaka'sy natokana ho azy ary koa ny HASIN'NY ANDRIAMANJAKA izay an'ny Mpanjaka manokana, dia tsy maintsy itadiavana fomba mba hampisehoana azy hahitan'ny vahoaka azy ireny maso : raha izay indray dia tamin'ny alalan'ny OMBY no nanatanterhana izay.

*d)* Ny OMBY dia biby efa nisy sy nampiasaina hatramin'ny faholan-tany, ka nandeha ho azy ny aminy ary tsy nilàna fanavahana manokana tao amin'ny fiainana andavanandro sy tao amin'ny famonoana azy : angalana hena ho amin'ny Asaramaniry ny vahoaka hatramin'izay izy io.

Nony tamin'ny andron-dRalambo anefa dia niova daholo izany. Efa hitantsika fa nandrara ny Vahoaka izy tsy handro Rano nony tonga ny Asaramaniry ny vahoaka, nefà tsy nety raikitra izay : tsapan-dRalambo tamin'izay fa tena zava-dehibe tsy azo hozongozonina ny mandro Rano koa dia notazoniny ny fian-tsoana hoe Fandroana. Rehefa izany dia tsy misy hafa azony kasihina sy atao intsony afa-tsy ny momba ny omby, koa any izany no nahitan-dRalambo izay hivelarany ary dia nivelaatra an-tsakany sy an-davany araka izay azony natao tamin'ny androny izy, raha ny fombafomba nampanaojin-dRalambo mikasika ny OMBY no jerena. Nanomboka teo dia nanjary biby fangalana zava-misy samihafa anehoana an-tsary hevitra sy finoana samihafa ny OMBY, ankoatra ny nahatonga azy io ho biby fanaovan-tsonona isan-karazany ihany koa.

Azo fintinina toy izao izany ny amin'ny fanandratana ny Mpanjaka : ny tenan'ny Mpanjaka no nasandratra teo imason'ny vahoakany ka hevitra fototra tsy azo itsivalanana mihitsy no nentina nananganana azy satria any amin'ny ara-pinoana no nametrahana izany. Mpanjaka ambonin'ny vahoakany izy satria manana ny hasin'ny Andriamanjaka noho ny vintany Alahamady. Ny vokatr'izany eo amin'ny vahoaka dia ny fanajana tsy misy fetra atolony ny Mpanjakany ary any amin'ny ara-pivavahana no isehoan'izany satria amin'ny andro amonoana omby no efaina ny fombafomba rehetra mikasika izany.

## 2) Fanamafisana ny Fanjakana.

Rehefa namory sy nandamina ny Fanjakany Ralambo dia notendreny mialoha izay handimby azy ary nankatoavin'ny be sy ny maro ny didiny tamin'izany : anjaran'Andrianjaka indray ny mampitombina ny Fanjakana sy manohy ny asan-drainy. Toraka izany hatrany ny addidin'izay nandimby toerana teo amin'ny Fanjakana. Ireo Mpanjaka vitsivitsy, izay nanatevina ny Fandroan'ny Andriana ao anatin'ny fiheverana izay hahasoa ny Fanjakana, dia samy nitsinjo :

a) *ny fakana antoka amin'ny fitohizan'ny Fanjakana* ka lafiny roa no tsy maintsy nimasoany tamin'izany. Ny voalohany dia ny mibanjina ny ho avy, izany hoe, ny fisian'ny taranaka izay afaka sy mahay mandimby no heverina amin'izany. Eto dia nampahafantarina tsara hatrany izay vadim-panjakana iterahan'ny Mpanjaka ny zanaka azo tolorana Fanjakana, ary ireo zanaka mahazo mandimby Fanjakana dia efa ampandraisana anjara amin'ny fanao mandritra ny Fandroan'ny Andriana. Ny lafiny faharoa dia ny mitodika ny lasa, izany hoe, fangatahana amin'ireo razana nialoha lalana teo amin'ny Fanjakana sy any an-koatra, ny fiarvana mandrakariva ireo taranany mifandimby toerana eo amin'ny Fanjakana eto amin'izao tontolo izao izay efa nandalovany, miampy ny fangatahana ny tso-dranony isaka ny ilàna izany. Izy Mpanjaka velona sy eo amin'ny Fanjakana mihitsy no mitarika sy manefa ny fangataham-pitahiana amin ny razany mpanjaka; noho izany, izy ihany koa no mandray mivantana izay vokatra tsara antenaina avy amin'izany. Samy nanana ny fomba noheveriny hanatanterahana izany fivavahana amin'ny razany, izay andriana ihany koa, ny Mpanjaka ka ny endrika manokana na manetriketrika nomen'ny Mpanjaka azy io no mampiavaka azy amin'ny fivavahana amin'ny razana ataon'ny sarambabeni-baoka.

Soritana fa nanana ny tantarany koa ny fivavahana amin ny razana andriana : nitohy sy nivelatra tsy an-kiato izy io ary

azo hazavaina ny antony nahatonga izany. Nony nitatra ny Fanjakana, raha tsy hoe nitombo ny mponina, dia tsy nianina amin'ny tenany ireny intsony na niaraka tamin'ny fianakaviany sy mpanotrona azy fotsiny ny Mpanjaka, fa rehefa nifampatoky tanteraka ny Mpanjaka sy ny vahoakany dia *nantsoiny ny vahoaka* — satria samy ao anaty Fanjakana iray — hiaraka aminy mba hiandrandra ny razany izay nampisy io Fanjakana io. Mbola izy Mpanjaka velona no miatarika amin'izany, raha tsy hoe nisy olon-kafa nomeny fahefana hanao izany ka nekeny hisolo tena azy amin'ny fiantsoana ny Razany Mpanjaka. Ny fiombonan'ny Vahoaka sy Mpanjaka amin'izay toe-javatra izay no nahatonga ny firosoana amin'ny fandalàna ny *fivavahana amin'ny Mpanjaka izay efa lasan-ko razana*, ary dia mifandray amin'izay indray ny *Fandroan'ny Mpanjaka Razana* ka hodinihintsika amin'ny fizarana manaraka ny amin'io.

Fa eto amin'ny Fandroan'ny Mpanjaka velona, izy Mpanjaka dia mbola mitsinjo :

b) *ny fifandraisana* kendrena mba ho *tsara hatrany eo amin'izy tenany sy ny vahoaka*. Mandritra ny Fandroan'ny Andriana no ahitana fotoana tsy manam-paharoa ao anatin'ny taona ifaneraseran'ny Mpanjaka invantana amin'ny vahoaka manontolo. Fony mbola tsy maro loatra ny olona, dia nasain-dRalambo nia-katra an-dapa daholo mba hiara-mijaka aminy ; tamin'Andriana-nampoinimerina dia nandalo tsirairay teo aminy hanolotra ny sady hasin'andriana no vidin'aina ; ary taty aorianana moa dia solontenan'ny vahoaka isam-paritra sy isan-tsokajiny no nanatri-maso tao Anatirova.

Ambonin'izay, io fihaonana amin'ny andro iray toa zato io no nasiana ny takalo maneho firaisan-kina ka ifanaovan'ny Mpanjaka sy vahoaka : raha vao avy nandro izy Mpanjaka dia «mitso-drano ny ambanilanitra», ary ny ampitso dia manome ny tsirairay «jaka avy amin'ny Andriana» izy. Setrin'izay kosa, dia manao teny fankasitrhana sy mampitondra tokim-panompoana ny Vahoaka.

Tany amin'ny faramparan'ny Tantara, raha nisy ny fifaneraserana sy fifandraisana amin'ny any ivelan'ny Nosy ka tonga teto ny vahiny sy ny solontenan'ny firenen-kafa, dia nohararaotin'ny Mpanjaka izay ka noheveriny

d) *Ny fampisehoana ny Fanjakana malagasy manoloana ny firenen-kafa* satria ny Fandroan'ny Andriana dia nanasàna ny vahiny manan-kaja nonina teto, ka ny fotoan-dehibe indrindra, izany hoe, tamin'ny andro androan-dRano no nisafidianana ny iantoan'azy ireny mba hahitany maso ny fanehoana ny fototry ny maha izy azy ny Fanjakana malagasy. Ny fanatsarana ny lapan'ny Mpanjaka sy ny fanamboarana ny toerana androan'ny andriana dia nifanindran-dala-

na tsara tamin'ny fisian'ny fifandraisam-pihavavana tamin'ireny vahiny ireny sy ny fampiasana ny fahaizan'izy ireny teto.

Raha fintinina izany, dia mifanao ambaratonga telo ny hevi-dalina raketin'ny Fandroan'ny Andriana, rehefa ny fikasan'ny Mpanjaka samihafa nane fy azy no jerena :

1) Fametrahana azy — Mpanjaka sy taranany ary razany — eo amin'ny toerana ambony tokony hisy azy eo anatrehan'ny vahoaka ;

2) Fikendrena ny hatezan'ny Fanjakana ;

3) Fisian'ny Fanjakana malagasy miolotra amin'ny firenen-kafa.

Etsy an-danin'izany, ho antsika mpandinika ankehitriny, izany hoe, 85 taona aty aorian'ny fiafaran'ny Fandroan'ny Andriana, dia tsy sarotra ny milaza izay *anjara toerana* notanany satria raha vao lasan'ny Vazaha ny tany dia io Fandroana io indrindra no nofoana-ny tanteraka avy hatrany ka nosoloiny ny Fetim-pireneny, ka ny 14 Jolay indray no nasainy hajain'ny Malagasy. Manaporofa izany fa ny Fandroan'ny Andriana dia *fototry ny rafitra mafy nijoroan'ny Fanjakana*. Fototra tsy hita sy tsy hay hozongozonina, fototra tsy sahy sy tsy azo kasihina satria miankina amin'ny tsy azo kasihina satria miankina amin'ny tsy azon'olombelona anoharana (finoana sy fivavahana) : noho izany ny Mpanjaka velona teo dia tsy navela ho lasan-ko razana, sao vao mainka mitombo ny heriny fa dia natao tsy ho hitan'ny maso intsony izy ka nalefa an-tsesitany.

Rehefa arahi-maso kosa ny fiantraikan'ny Fandroan'ny Andriana teo amin'ny fiainam-bahoaka, dia fantatra miaraka amin' izay ny *anjara asa* nataony : noteftena ho *fitaovana ara-politika* niainga avy tao amin'ny vahoaka, nandalo teo am-pelatanan'ny Mpanjaka ary niverina niantefa tany amin'ny vahoaka izy io. Ary fitaovana ara-paolitika mamory ny vahoaka sy mitana azy tsy hiala amin'ny Mpanjakany izy amin'izany : raha mitsivalana na mandositra ny Mpanjakany manko ny vahoaka, inona intsony izay Mpanjaka nilaozam-bahoaka ? Raha tsy misy Mpanjaka intsony ny vahoaka nozàrina hiandry sy hanaraka didy, inona koa no hanjò azy ?

Araka ny lafin-javatra hafa ihany koa dia *fitaovam-pandrosoana* ny Fandroan'ny Andriana. Ny fandrosoana resahina eto moa dia fisehoana sy fanitarana ary fielezan-java-baovao mitondra amin'ny fiovana — tsy hoe mba hanahaka ny vahiny, fa mba hanatsarana ny an'ny tena. Koa amin'izany, ny *fiovana voalohany* dia teo amin'ny fomba amam-panao izay tsy nianina intsony teo amin'ny sehatry ny mpirai-monina sy mpiara-belona fa nifindra teo amin'ny sehatry ny Fanjakana : raharaha-panjakana, fizotran'ny Fanjakana. Ny *fiovana faharoa* dia ny vokatry ny nandraisan'ny Mpanjaka izay fombafomba naelin'ny vahiny ka hitan'ny Mpanjaka sy reny ary ninoany fa hitondra soa : ny fampiasan'ny Mpanjaka ireny zavatra vahiny ireny dia sady fanaporofoana ny maha izy azy manokana no

fisedrana ny fahefany amin'ny vahoaka. Rehefa nogasiana ireny zavatra vahinv ireny, izany hoe, «natelin» ny Mpanjaka ary avy eo «natelin» ny vahoaka dia nisy foana ny fanamboarana azy ireny na eo amin'ny heviny na eo amin'ny fomba fanatanterahana azy, kane-fa dia notsinjovina hatrany ny maha ambonin'ny vahoaka ny Mpanjakany. Ny *fiovana fahate'o* dia ny fitaran-javatra hatrany araka ny firosoan'ny Tantara. Rehefa nihalehibe ny velaran-tanin'ny Fanjakana, rehefa niha-betsaka ny imponina dia tsy maantsy nanaraka izany koa ny fanaovan-javatra : ohatra teo amin'ny fanomanana dia tokony natomboka aloha ela ny fiheveran-javatra sy ny famoriana ny ilaina, teo amin'ny fanatanterahana indray dia niely ny fampiasana fitaovana vaovao, toy ny vola sy ny taratasy, satria manko vahoaka marobe no indray mihetsika, olona an'alikisa no mihaingo, no mihi-nana, no mivezivezy mifamangy, no manomana fanomezana, sns... koa dia tsy maantsy narahina araka izay ny onjany.

Efa navalon'ny Tantara ny Fandroan'ny Andriana ka izay no nahafahana nanadihady an-tsakany sy an-davany ny aminy. Nefa ny zava-dehibe mbola azo jerena akaiky hatramin'izao angamba dia ny hevitra raketiny araka izay nanaovan'ireo nampijoro azy io : fizoran'ny Fanjakana matanjaka hatrany hatrany, raha atao bango toka-na (Fanjakana, eto, dia raisina amin'ny hoe sady firaisan-kinan'ny Mpanjaka sy ny vahoaka no izay rehetra mety ho vokatr'izany). Mbola azo tazonina sy anohizana fandinihina angamba izany hevitra izany satria tena zava-misy amin izao taon-jato faha-XX izao ny fahamaroan'ny faritra eto Madagasikara izay manana Mpanjaka : ohatra amin'ny amorontsiraka atsimo atsinanana, hatreto Mananjary ka hatrany Taolaiaro, amin'ny amorontsiraka andrefana iny sy amin'ny toerana hafa tsy voatanisa toy ny atsimo amin'ny afovoan-tany, sns... Ary amin'ireny faritra misy Mpanjaka ireny dia nisy nahazoana filazana am-bava — fa tsy misy lahatsoratra vita na maty paika momba izany — ny amin'ny mbola maha fomba amampao velona hatramin'izao ny *Fandroan'ny Mpanjaka velona*. Ny fantatra hatramin'izao amin'ireny faritra ireny dia any amin'ny Antemoro izay misy mpanjakam-poko mandro ao anaty renirano Matitana amin'ny vanim-potoana tondroin'ny fanandroan-dry zareo ihany ; any amin'ny Sakalava Ambongo dia misy toerana (anelanelan'i Tambohorano sy Maintirano) izay amoron-dranomasina ka voatokana Androan'ny Mpanjaka ; any Marohazo, avaratr'i Tolinary, dia nisy koa toerana Fandroan'ny Mpanjaka masikoro ao anaty renirano Fiherenana taloha, any Benetsy (Ranozaza-Manombo) moa izy io izao.

**Mazava** ho azy fa tokony hotohizana ny fikarohana momba ireny mba hahazoana fitantarana na filazalazana azo anaovana fanadi-hadiana. Azo iaingana ho amin'izany fanitarana na fandalinana na fampitahana izany ny vokatra efa eo am-pelatanana momba ny Fandroan'ny Andriana ka ho hita eo, rehefa avy eo, ny fitovitoviana na,

raha tsy izaay, ny fahasainihafana na koa ny fifanoherana aza momba izay mikasika ny *Fandroan'ny Mpanjaka velona*. Ambonin'izay ny Masikoro izay monina amin'ny elanelan-tany voafaritry ny renirano Manombo any avaratra sy ny renirano Fiherenana aty Atsimo, dia tsy vitan'izay hoe manefa ny *Fandroan'ny Mpanjaka velona* fa mbola miaraka amin'ny Mpanjakany ihany koa izy ireo, rehefa mankalaza ny fampandroana ny JINY izay razana Mpanjaka. Ny Masikoro, raha izany, dia mbola manana ilay karazana fahatelo amin'ny Fandroana dia ny *Fandroan'ny Mpanjaka Razana*. Filazana am-bava ihany koa no nahalalana ny fisiandy sy fandehan'izany fomba amam-panao masikoro izany. Nefa momba ny fampandroana DADY kosa indray, dia abitana lahatsoratra mitantara sy milazalaza ny aminy, fa saingy any amin'ny faritra hafa : tsy aiza izany fa any Menabe sy Boina. Koa dia hamonjy any indray isika sady mame-traka ny fanontaniana manao hoe : ahoana indray ny amin'ny *Fampandroana Razana Mpanjaka*, izany hoe, *Fandroan'ny Mpanjaka Razana*? (JINY hoy ny Masikoro ary DADY hoy ny Sakalava).

### 3. FANDROAN' NY MPANJAKA RAZANA :

1) FITAMPOHA (Menabe) — 2) FANOMPOANA (Boina)

Ao anatin'ny fiheverana ny hatezàn'ny Fanjakana ary araka ny finoana izay niteraka ny fivavahana amin'ny razana, dia miditra ho addidin'ny Mpanjaka velona ny fikarakarana ny fanajany ny razany mpanjaka mba ahafahany mangata-pitahiana amin'izy ireny ary mba ahazoany antoka fa hitsimbina lalandava ny taranany manam-panjakana ireny razana mpanjaka ireny. Ny katsahin'ny Mpanjaka velona amin'ireny dia ny hampisy vahoaka hanotrona mandrakariva ny taranaka manjaka sy ny hahatonga ny fitahiana avy amin'ny razany mpanjaka hiantraika hatrany amin'izy ireny ka ho vokatr'izay dia ny vahoaka no hiadam-pinaritra ary tsy mba hanaiky mihtisy ny hiala amin'ny Mpanjakany mahasambatra azy.

Raha izany, dia ny Mpanjaka velona no tsy maintsy loha lahara amin'ny fanolorana fanajana fara-tampony amin'ny razany mpanjaka ka ny fomba amam-panao mavesa-danja indrindra, izay efa natokana ho azy rahateo dia ny *Fandroan'ny Mpanjaka velona* izany — no noheveriny avy hatrany fa tokony hoefaina ihany koa ho an'ny razany.

Kanefa tsy azo eritreretina ny fanatanterahana izany raha tsy atao aloha izay isian'ny *Razana Mpanjaka hita maso*, ara-batana sy azo *anefana fombafomba amam-panao*. Noho izany, ny dingana voalohany mba hahavanona sy hampisy dikany ny *Fandroan'ny Mpanjaka razana* (izany hoe ny fampandroana razana mpanjaka) dia ny fanamboarana DADY na JINY, izay tsy inona fa sombiny hita maso avy amin'ireo razana mpanjaka.

## Fanamboarana DADY na JINY

Izany moa dia azo anaovana fitantarana manokana satria maha-tritra telo na efa-bolana eo ho eo, aorian'ny nahafatesan'ny Mpanjaka ary alohan'ny anitrihana ny taolambalony, no ikarakaran'ny olona voatokana hanao izany ny fanomezana endrika ny DADY na JINY.

Raha tsorina dia sombiny tsy mety levona sy tsy lò nalaina tamin'ny razana no angonina, izany hoe, sombiny kely tamin'ny taolan-karandoha, volo, nify, hoho, ampelan-dohalika, sns..., ka na samy angalana daholo ireo voatanisa ireo na ny sasany ihany fa dia ny isam-paritra no mametra ny fanaony amin'izay. Soritana fa misy heviny daholo ireo sombiny notsongaina ireo : ny ohatra fantatra ka azo atolotra amin'izany dia ny any Menabe. Izy ireo dia mamboatra DADY misy ny silany kely avy amin'ny taolan-karandoha izay manambara ny saina matsilo sy maranitra ananan'ny Mpanjaka, miam-py nify iray izay sarin'ny teny aloaky ny vavan'ny Mpanjaka, hoho avy amin'ny fanondro izay mitory ny fandraisana an-tanana sy fanondroana ny lalan-kizoran'ny fanjakana sy vahoaka ka atoron'ny Mpanjaka, ary farany ampelan-dohalika havanana izay milaza ny fahaizan'ny Mpanjaka manjaka : sady mahay milefitra no mahay mihenjana araka ny zava-mitranga. Napetraka anaty tandrok'omby na sary tandrok'omby volafotsy na koa anaty vatakely volafotsy na volamena no fanao mba itahirizana azy ireny ary nasiana poti-javatra sy vovo-javatra maro karazana nefà masina daholo miaraka aminy. Aty ivelany dia voakaly tokoa ny nandravahana azy ireny amin'ny vakana miloko samihafa, vola tsy vaky, fantsika varahina peta-doha, sns..., dia mbola anjairana lamba lavalava amin'ny andaniny roa izy ireny mba itondrana azy ka na izy babena, na atao am-bozona, na an-kibo rehefa entina mandeha. Ary farany dia amoronana sy omena anarana ireny DADY na JINY ireny ka manomboka eo dia lasa fady ny fanononana ny anaran'ny Mpanjaka fony fahavelony fa dia ny anaran'ny DADINY indray no ahalalana azy. Rehefa izay dia mila fikarakarana ny DADY na JINY : fanokanana olona hikajakaja sy hiambina azy ireny, satria izay Mpanjaka velona very DADY dia very fanjakana miaraka amin'izay. Ny fitahirizana sy fiambenana ny DADY na JINY dia mitaky fanorenana trano faran'izay masina (Tranovinta, Zomba) ipetrahan'ny DADY mandavan-taona ary voahodidina tokotany malalaka sy fefy azo antoka mba ho fiarovana ary atao tsara ambina raha ilaina izany. Ka ny fitambaran'ny trano sy tokotany ary fefy no antsoina hoe DOANY.

### DADY namory an'i Menabe sy Boina

Alohan'ny idirana amin'ny antsipiriany momba ny Fandroan'ny Mpanjaka razana any Menabe sy Boina dia tsara angamba raha ho

fintinina amin'ny teny fohy ny tantaran'ireo Fanjakana sakalava roa ireo mba hanamarihana mazava tsara amin'izany ireo Mpanjaka razana nanjary DADY ka anaovana Fampandroana atao hoe FITAM-POHA any Menabe ary FANOMPOANÀ any Boina.

Rehefa nandao ny faritr'i Mangoky, ny sasany tamin'ireo taranak'i Maroserañana, ka sady nianavaratra no nanaraka iny morontsiraka andrefana iny mba hamaritra fanjakana ho azy, dia nisy filoha mpitarika ombam-bady aman-janaka sy vahoaka izay notsarovany lovantsofina ary notanany ho mpanorina fanjakana tonga nalaza taty aoriania. Ireny mpanorina fanjakana sady voalohany no malaza ireny ihany no natao DADY, ary telo izy ireo, izay tsy iza fa :

- 1) Tsialoza, fony fahavelony, nantsoina hoe ANDRIAMISARA nony natao DADY ;
- 2) ANDRIAMANDRESY (izay tsy nahitanay anarany mazava fony fahavelony) ;
- 3) Andriandahifotsy izay nanjary ny DADY ANDRIANIHNINA.

Tamin'ny fiafaran'ny fivadibadihan'ny tantara, rehefa vita ny famoriana ny Fanjakan'i Menabe tamin'ny fiandohan'ny taon-jato faha-XVIII, dia nolovàn'ny Mpanjakan'i Menabe ireo Dady telo voalohany ireo. Hatreо dia ny Dadin'ny Mpanjaka tao Menabe ihany, izay misy fito izy amin'izao fotoana izao (taona 1980) no tonga nanampy iretsy telo voalohany. Rehefa izany dia ireto ny anaran' ireo Dady 10 tahirizina ao amin'ny Tranovinta ao Belo amoron'i Tsiribihina ka iandraiketan'ny Mpanjaka Kamamy Lagera ankehitriny :

- 1) ANDRIAMISARA
- 2) ANDRIAMANDRESY
- 3) ANDRIANIHNINA
- 4) ANDRIAMANETSIARIVO
- 5) ANDRIAMANDRAIARIVO
- 6) ANDRIANTSOANARIVO
- 7) ANDRIANILAINARIVO
- 8) ANDRIAMANOTSIARIVO
- 9) ANDRIAMILAFIKARIO
- 10) ANDRIAMIHOATSIARIVO

Nanjary fanjakana zokiny i Menabe satria tamin'ireo Dadiny no nangalana ireo Dady izay nentin'ny Mpanjaka zandriny namaritra fanjakana ho azy indray raha nanohy ny dia mianavaratra izy io. Tamin'ny andron'Andriamanetsiarivo, izay zokiny lahimatoa, no nisehoan'izany tarehin-javatra izany nony nandao an'i Menabe ny zandriny Andriamandisoarivo. Mazava mihitsy ny amin'ny fano-renana ny fanjakana zandriny nataon'Andriamandisoarivo tao

Boina sy ny fiandohan'ny JINY (DADY ao Boina) mitondra ny anarana hoe ANDRIAMISARA EFA-DAHY raha ny lahatsoratra navoakan-dRabesihanaka no tsikeraina amin'izay lafiny izay. Ny antsipirany amin'ireny moa dia mbola hohitantsika rehefa handahatra ny andinidininy momba ny FANOMPOANA any Boina isika.

Fa ireny DADY na JINY rehetra ireny izany no Mpanjaka razana tena misy eo anivon'ny Tontolo iainan'ny velona ka mety ho hita maso rehefa avoaka ary azo anefana fomba amam-panao araka izay iheverana fa ilainy na mandavan-taona ka ataon'olona vitsivitsy na amin'ny fotoana manokana amoriana vahoaka sy mahalana ary mitsingerina, izay anantenana fahasoavan-dehibe indrindra, dia reliefs ampandroina izy ireny ka ankalazana amin'izany ny *Fandroan'ny Mpanjaka razana*.

### Ny Fandroan'ny Mpanjaka Razana

Manana rafitra ijoroany ihany koa ny Fandroan'ny Mpanjaka razana ary rehefanofakafakaina ny amin'izany dia hita fa itovizany amin'ny Asaramanitry ny vahoaka ny Fandroana an-driaka ary Fandroan'ny Andriana ihany koa izy io, izany hoe misy ny Fanomanana sy Fanatanterahana ary Famaranana. Saingy eo amin'ny *drafitra isehoan'ny Fandroan'ny Mpanjaka razana* aty ivelany dia miharihary fa lavalava kokoa ny fotoana laniana amin'ny dingana samihafa : momba ny Fanomanana, ohatra, dia misy ny efa atomboka herintaona mialoha, ny sasany kosa dia iray volana mialoha ary ny farany, herinandro mialoha. Ny Fanatanterahana dia maharitra herinandro ka amin'ny ANDROBE (andro Zoma izy io) no tena anaovana ny Fandroana ara-bakiteny. Ny Famaranana moa dia tsy mihoatra ny roa na telo andro raha ela indrindra.

Ao anatin'ny renirano Tsiribihina no anaovana ny Fandroana ara-bakiteny, raha ny FITAMPOHA no resahina, fa any Boina kosa dia fanondrahana tantly voatokana no anatanterahana azy io.

### FITAMPOHA (Menabe)

Amin'ny Asaramanitra, rehefa manomboka ny andro mafana ka misy mamony ny voninkazo any amin'ny faritanin'i Menabe, no vanim-potoana ankalazana ny FITAMPOHA ao anatin'ny taona, izany hoe, amin'ny volana Aogositra na amin'ny fiandohan' ny Sepitambra izany. Ary amin'izao tapany faharoa amin'ny taon-jato faha-XX izao dia isaky ny folo taona no anaovana azy. Tsy maintsy kendrena araka ny nanondroan'ny fanandroana «arabo» azy ny ANDROBE ka amin'ny andro Zoma rehefa misandratra na fenomanana ny volana no maha mety azy indrindra.

Noho ny asa fikarakarana sy ny fikojakojana isan-karazany tsy azo ialàna takian'ny FITAMPOHA dia «TOMPOA» no niantsoan' ny olona azy tany aloha tany Ny hoe FITAMPOHA dia teny anisan'ireo voatokana ho an'ny Mpanjaka velona : rehefa mandro amin' ny rano izy dia «mitampoka» izy izay ary ny Fitampoha izany milaza ny Fandroan'ny Mpanjaka velona. Fa nanjary nalaza io teny io rehefa nampiasaina ho an'ny *Fandroan'ny Mpanjaka razana* izay amoriaina vahoaka marobe sy anaovana lanonana maresaka ary korana mahoraka.

### RAFITRA FOTOTRA SY DRAFTTRY NY FITAMPOHA

(araka ny nahitana azy tamin'ny taona 1958 sy 1978)

### FANOMANANA SY FIONMANANA

Herintaona mialoha :

- fanapahan-kevity ny Ampañito (= Mpanjaka) (rehefa nifam-pidinika tamin'ny mpitahiry fomban-drazana sy mpanolotsaina)
- fampandrenesana ny havan'ny Ampañito sy i Menabe manontolo ary ny Sakalava am-pielezana
- fanangonana vola
- fanombohana kojakoja (fanenomana lamba, sns...).

Iray volana mialoha :

- vatasim-panjakana
- akany'ny mpandray anjara (mpibaby, sns...)
- fanambana farany ny toa-drazana hamenoana an'i Bemnaraha (izay karazana siny iray lehibe tany masaka vita vazaha ary ananan'ny Mpanjaka hatramin'ny taon-jato faha-XVIII).
- fitadiavana omby
- fangatahana mpandray anjara isam-pokony sy isan-tsokajiny : mpibaby, mpiamby, mpitoke, mpitsitsika, sns...)

Herinandro mialoha :

- fananganana ny tanàna any Ampasy (mikapa hazo, mitaona bozaka, mampijoro ny trano, sns...)
- fanangonana sy fitaterana sakafy sy kojakoja fandrahoankanina
- fananganana ny tandro-bolamena eo ambonin'ny Tranovinta. sns...

### *Herinandron' ny FITAMPOHA*

Ao Belo amoron'i Tsiribihina :

- A-8 tolakandro — famohana voalohany ny Tranovinta
  - fanadiovana ataon'ny mpiambry
  - vavaka ataon'ny mpitoke = filohan'ny mpitahiry fomban-drazana
  - sazoka
  - maromoňy, hazolahy
  - kolondoy.
  
- A-7 maraina — famohana fanindroany ny Tranovinta
  - fidiran'ny Ampaňito sy ny rahalahiny ao
  - fanomanana famonoana *omby manitsè*
  - fanononana ny DADY tsirairay avy
  - kabary fanazavana ny dikan'ny FITAMPOHA
  - sombily sy famonoana ilay omby
  - ala-faditra amin'ny rà sy fanamboarana menaka FIKONIKE avy amin'ny omby.
  
- A-7 tolakandro — famoahaha ny Dady
  - fandehanana hamony an'Ampasy.

### FANATANTERAHANA

Eny Ampasy (= tora-pasika malalaka nofaritana amoron'i Tsiribihina amin'ny faritra atsinanan' ny tananani'i Belo)

- A-7 tolakandro — fahatongavana eny Ampasy
  - fanamboarana ny RIVOTSE
  - fampidirana ny Dady ao amin'ny Rivotse
  
- hariva — moraingy
- alina — lalao, dihy.
  
- A-6 — fikarakarana ny filasiana
- A-5 tontolo andro — fandraisan'ny Ampaňito ny mpamangy
- A-3 — fivoriana, adi-hevitra miaraka amin'ny Ampaňito ao amin'ny ALODAHY
  
- hariva — Kolondoy
- alina — moraingy, dihy
  
- A-4 (alatsinainy) andro fady tsy azo anaovana na inona na
- A-2 (alarobia) inona satria vintan-dratsy ho an'ny Ampaňito sy ny Dady (nefa eo kosa no miheviharaha ny mpiandraikitra ny FITAMPOHA).

- A-1 maraina — fangalan'ny tovolahy bararata ary fananganana ny mijoha hihahazan'ny Dady aorian'ny Fandroany  
 — fananganana ny Kiban-tany na Kobany hamonoana omby aorian'ny Fandroan'ny Dady.
- antoandro — fivoriana sy adi-hevitra ao amin'ny Alodahy miaraka amin'ny Ampaïito.
- tolakandro — fitsidihana ao amin'ny Alodahy ataon'ny vahiny, ny mpanotrona, sns...  
 — filazana fa fady ny ranon'i Tsiribihina  
 — sazoka  
 — kolondoy.
- alina — moraingy  
 — lalao, dihy, « bal ».

A = ANDROBE = andro anaovana : Zoma

- maraina — fiomanana samihafa (fandroan'ny mpibaby, haingo, taovolon-drazana : dokodoko, firavaka, sns...)  
 — fahatongavan'ny vahoaka marobe sy mpijery tsy hita isa  
 — kolondoy  
 — sazoka  
 — hazolahy, maromoñy } manodidina ny Rivotse
- antoandro — famohana ny Rivotse  
 — kabary sy vavaka  
 — famoahana ny Dady  
 — filaharana  
 — fanatonana ny moron-drano  
 — fiomanana  
 — FITAMPOHA = fampirobohana tanteraka ny Dady tsirairay avy ao anaty Tsiribihina  
 — fanasana ny lambany sy fanosorana ny Dady  
 — fanasana sy fanosorana ny fiadiany (basy, lefona, viarara)  
 — vavaka  
 — fiverenana eny am-pasika  
 — fanantonana ny Dady eny amin'ny mijoha : mitraiky (= miyahy) ny Dady  
 — toa-drazana aidina avy amin'i Bemanaraha ho an'ny mpibaby  
 — famonoana omby manitse eo ambony kobany  
 — fankatoavan'ny vahoaka sakalava ny Dady.

- |        |   |
|--------|---|
| hariva | — fampidirana indray ny Dady ao anaty Rivotse<br>— kolondoy |
| alina  | — moraingy<br>— dihy, kilalao, « bal ».                     |

### FAMARANANA

Eny Ampasy :

- |               |   |
|---------------|---|
| A + 1 maraina | — fampirimana entana<br>— fiomanana hitodi-doha hody any Belo<br>— filaharana<br>— fandehanana manao fari-bolana imbetsaka. |
|---------------|---|

Ao Belo :

- |                 |   |
|-----------------|---|
| A + 1 antoandro | — fahatongavana eo anoloan'ny Tranovinta<br>— famohana ny Tranovinta<br>— kolondoy<br>— hazolahy, maromoñy<br>— fampidirana sy famerenana ny Dady amin'ny toerany tsirairay avy<br>— famonoana <i>omby manitse</i> (angalana izay anaovana fikonike mialin-taona sy ho zaraïna amin'ny fianakavian'ny Ampaïito sy ny nandray anjara tamin'ny fanatanterahana ny FITAMPOHA : mpibaby, sns...)<br>— fansorana fikonike ny Dady sy ny zavany<br>— kabary sy vavaka farany<br>— fanidiana ny TRANOVINTA.<br>— firavan'ny vahoaka — nefà kosa mbola misy fombafomba faramparany eo anivon'ny fianakavian'ny Ampaïito, na ny mpiandraikitra na ny Manaïila (= andriana) mandritra ny iray na roa andro. |
|-----------------|---|

### ***FANAZAVANA TENY SY FANAO ARY ZAVATRA SASANTSASANY VOATONONA AO AMIN' NY DRAFITRA***

— *mpandray anjara* : ny tiana holazaina amin'izany dia ireo olona manana anjara asa amin'ny fanatontosana ny Fitampoha. Taranak'ireo mpanotrona ny Mpanjakan'i Menabe hatrizay izy ireo, ka na taranaky ny Manaïila na taranaky ny Mpanompo izy ireny. Misi-misy ihany ny karazana asa : ao ny mpiambina ny Tranovinta, ao ny mpibaby na mpitondra ny Dady, ao ny mpitondra ny fiadian'

ny Mpanjaka, ao ny mpibata ny entan'ny Mpanjaka, ao ny mpitrika amin'ny vavaka (= mpitoke) na amin'ny dia, mpitana zavamaneno (= mpitsitsika hazolahy), sns... sns. Soritana fa ny anjara asa omena ny vehivavy, dia ny fanosorana menaka, fanasana ny lamban'ny Dady, fandoroana emboka, sns...

— *sazoka, misazoka, mpisazoka :*

— ny sazoka dia anisan'ny teny voatokana ihany koa ho an'ny Mpanjaka, izay efa lasan-ko razana eto, ary teny ilazana ny lolo na fahasivy na fanahin'io Mpanjaka razana io izay avy manatona ny olombelona ka miditra amin'ny olona iray nolidiny ary mampihe-tsika sy mampiteny io olona nofinidiny io ;

— misazoka izany no ilazana io olona hetsehin'ny fanahin'ny Mpanjaka razana iray io (ho an'ny sarambabem-bahoaka dia hetsehin'ny tromba na voan'ny tromba no lazaina rehefa tahaka ireny) ;

— mpisazoka indray no ilazana ilay olona efa nohetsehin'ny sazoka iray im betsaka tokoa. Ka azo neverina fa itoerany mihitsy aza. Raha vehivavy io olona io dia antsoina koa hoe kinangana.

— maromoïny, hazolahy : ireo dia zava-maneno ka ny maromoïny dia tsy inona fa antsiva, izany hoe ilay akorandriaka ngezabe, matetika fotsy na mipentina mavo-manja, ka loahana mba ho tsofina.

Ny «moïny» dia manoro eto fa ilay karazana antsiva mibokoboko no nampiasaina. Lavitra tokoa no andrenesana ny maromoïny rehefa tsofina mafy ka manampy amin'izany ny rivotra eny amoron-drano masina izay mitondra ny akony.

Karazana amponga ny hazolahy : natao tamin'ny vatan-kazo lavalava izy ary notampenana hoditr'omby tamin'ny ilany avy.

Samy maneho an-tsary ny feon'ireo Mpanjaka lasan-ko Razana na ny maromoïny na ny hazolahy, noho izany zava-maneno masina izy ireo eto, sady fananan'ny Mpanjaka Razana rehateo.

Tonga eo anivon'ny Velona amin'ny alalan'ny sazoka ary miantso ny Velona amin'ny alalan'ny maromoïny sy hazolahy izany ny Mpanjaka Razana.

— Kolondoy = anarana omena ireo antsa manokana fanaon'ny vehivavy, mpihiran'ny Mpanjaka, mandritra ny fankalazana ny FITAMPOHA manontolo. Ary antsa fanolorana fanajana ny Ampantito ny Kolondoy. Hazolahy iray lehibe dobohin'ny vehivavy iray no manampy ny hira sy ny tehaka amin'izany. Misy teny averim-berina foana amin'izy ireny, toy ny hoe :

«Tahio e... Tahio e...»

«Tsara tsara e ...»

«Malaim-barivary...»

«Tsara azo añato, soa añato...»

«Voa mihehy Remena...»

«Tsy fanaonaoñ-draiky...»  
 «Handresy laha malama e...»  
 sns...sns...

— sombily sy famonoana omby

ny sombily moa dia fomban'ireo taranak'«arabo» nifindra monina tany amin'ny morontsiraka atsimo atsinanan'ny Nosy ary fomba manahaka ny an'ny Silamo, izany hoe, tsy maintsy ombiasy na olomasina mahalala sy manaja ny vavaka silamo no misantatra ny famonoana omby. (Marihina fa ny Jiosy koa dia manana fomba tahatahaka izany : azo lazaina fa «semita» angamba no tena fiavian'io fomba io ráha izany). Ny fanarahana ny fanandroana «arabo» hatramin'izay dia niampy ny sombily tamin'ity indray mitoraka ity araka ny ahitana azy eto.

— fansorana menaka

Mazava ho azy fa menaka avy amin'ny omby vonoina amin'ny FITAMPOHA ka noho izany dia menaka masina izy io ary antsoina hoe fikonike. Ary ny manosotra DADY na fiadian'ny Mpanjaka Razana amin'io fikonike io no atao hoe mampikone.

Ny hevity ny fansorana menaka dia ny hahamandina ny DADY toraky ny velona (araka ny tena izy dia miaro azy mba tsy ho maina ka ho lasan-ko vovoka).

— Rivotse : io dia solon'ny Tranovinta fa eny Ampasy, toerana amoron'i Tsiribihina izay ilasiana alohan'ny Androben'ny Fitampoha. Nandritra ny taona maro dia lay lehibe natao tamin'ny lamba fotsy ny RIVOTSE ka novelarina sy natsangana mba ialofan'ny DADY amin'ny herinandron'ny Fitampoha. Fa tamin'ny taona 1978 dia rafitra trano hazo no najoro ary norakofana lamba fotsy tanteraka.

— moraingy : tsy inona izany fa karazana tolona ifanaovan'ny tovolahy matanjaka. Manao fari-bolana ny mpijery ary misy tovolahy iray amin'ny sisiny izay mively daba (fa tsy amponga) ho fainaiana sy fampirisihana. Ny tovovavy amin'izay mihiaka sy mihraka ary mampirisika sy manosika ny tovolahy hiady. Dia mivoaka ny tovolahy iray sady manaraka ny fari-bolana no mihaiky hiady, amin'ny totohondriny mivonkona akariny hatrany hatrany, izay sahy hanao aminy. Ary manatona azy ny iray te hamaly, dia mifamely diamanga aloha izay ireo vao samy miezaka handavo volohany ny anankiray. Tsy mihoatra ny 3 na 4 minitra ny ady ifanaovana dia sarahina izy ireo na misy mpandresy na tsia. Ary tovolahy ha-fa indray no mivoaka mihaiky hiady, sns...

— dihy : tany aloha tany dihin-drazana firavoravoana no fanao fa ankehitriny dihy miendrika «bal» no tian'ny be sy ny maro ary itony mozika mitovitovy amin'ny atao hoe «tapanimaitsos» itony no ankafiziny amin'izany.

— fivoriana sy adi-hevitra ao amin'ny ALODAHY

Vanim-potoana ifankahitàna sy andro ihaonana iray toa zato moa ny herinandron'ny Fitampoha ka eo indrindra no azo iresa-hana ny raharaha rehetra mavesa-danja na manahirana : famitram-pihavanana indray, fandaminana ny amin'ny fandaniam-bola, fapanahan-kevitra amin'ny fanomezana fankasitrahana, faminavinana sy fandaharana ny atao amin'ny manaraka, sns... sns... Ny lehilahy no mivory amin'izany ary satria toerana an-kalamanjana an-tanik'an-dro AMPASY dia atsangana sy tafoana ny ALODAHY mba aha-zoan'ny lehilahy aloka rehefa hiresaka mandritra ny ora maromaro.

— ALODAHY : tsy lavitra ny RIVOTSE ny faritra asiana azy ary tsora-kazo vaventiventy sy maromaro no atsatoka ao anaty fasika ka mamaritra toerana efa-joro azo ipetrahan'ny olona 30 na 40 eo ho eo. Rehefa izay dia atohy ny rafitra hazo atao tafo ary farany atao tsara fatotra eo ambonin'izay ny bozaka. Samy mipetraka amin'ny fasika daholo ao amin'ny ALODAHY ary toeram-pivoriana sy fandraisam-bahiny ary fihaonana amin'ny Ampañito mandritra ny Fitampoha ny ALODAHY.

— fandroan'ny mpibaby : amin'ny marainan'ny Androbe, raha mbola maizina ny andro, dia efa mandeha mitanjozotra araka ny ilaharany eo amin'ny fitondrana DADY ny mpibaby rehetra, mba hamonjy ny renirano Tsiribihina ka handro ao. Efa fady hatra ny omaly harivan'io moa ny rano ary dia miroboka tanteraka ao ny mpibaby, ataony misafo rano tsara ny tenany manontolo ary dia mipoitra avy ao indray hamonjy ny moron-drano sady mitafy lamba matevina na bodoftsy haingana noho ny hatsiaka izy.

Mifandray amin'ny hevity ny zavatra rehetra momba ny Fandroana iny fandroan'ny mpibaby iny ka tena dikany lalina dia tsy maintsy olona efa nohavaozina tanteraka ka manana AINA vaovao tsy mbola misy pentina mihitsy no mendrika hitondra ny DADY hamonjy ny Fandroany amin'ny Androbe.

— mijoha : io dia manondro ny tsato-kazo anantonana ny DADY eny Ampasy. Misy karazany roa ny mijoha : ny voalohany dia hazo fotsy namboarina sy nampalesina efa hatra ny ela ary tahirizina miaraka amin'ny DADY ao anaty Tranovinta. Entina eny Ampasy miaraka amin'ny DADY isaky ny Fitampoha izy ireo ary atsatoka milahatra tsara ao amin'ny RIVOTSE mba ihantonan'ny DADY. Ny karazany faharoa amin'ny mijoha dia tahom-bararata kapaïna atao mitovy ary atambatra vitsivitsy ka atsatoka milahatra tsara eo akaikin'ny RIVOTSE, izany hoe aty ivelany. Ireto mijoha ireto indray no anahazana ny DADY aorian'ny Fandroany tao anaty Tsiribihina.

— Kiban-tany, kobany, taky = ireo teny ireo dia milaza ny karazan-talantalana atao mahazaka omby, izay amboarina ao Belo'sy eny Ampasy mba ametrahana ny omby hovonoina. Ka intelo miantoana no anamboarana Kobany mandritra ny herinandron'ny Fi-

tampoha : ny voalohany dia eo anoloan'ny Tranovinta ao Belo re-hefa hanomboka ny Fitampoha ; ny faharoa eny Ampasy rehefaavy nitampoka ny Dady ka mitraiky izy ireo ; ny fahatelo dia eo anoloan'ny Tranovinta indray mba hamaranana ny Fitampoha.

— omby manitse : fepetra tokana no tsy maintsy arahina momba ny endriky ny omby atao sorona mandritra ny Fitampoha, toko ny ho «mazavaloha» izy io, izany hoe, fotosy ny lohany. Ny filazana azy ho «manitse» dia noho ny zavatra tsara azo avy aminy na arabakiteny izany (nofony hohanina, menaka ho fanosorana) na arakeviny (fitahiana avy amin'ny Razana Mpanjaka).

Ny hevitry ny famonoana omby manitse voalohany sy fahatelo eō amin'ny Fitampoha dia fiantsoana ny Razana Mpanjaka hanatrika sy hankasitraka izay kasaina, hatao ho azy. Ary rehefa mampaha-fantatra ny fahatongavany amin'ny alalan'ny sazoka sy ny feon'ny maromoň sy hazolahy izy ireny dia fihaonana amin'ny Mpanjaka Razana no dikany faharoa. Maneho izany fihaonana amin'ny Mpanjaka Razana izany ny fianakavian'ny Ampaňito ary koa ny mpan-drav anjara amin'ny fanefana ny fomban'ny Fitampoha rehefa miala-komana ny henan'io omby manitse io. Ny anjaran'ny Mpanjaka Razana kosa dia ny fikonike na menaka fanosorana azo avy amin'io omby manitse io ihany.

Ny famonoana omby manitse faharoa (izay atao eny Ampasy rehefa miyahy ny Dady) dia mandray roa eo amin'ny hevitra raketiny : sady tolotra avy amin'ny Mpanjaka velona, mitovitovy amin'ny «jaka avy amin'ny Andriana», izy io rehefa maka sombiny kely avy ny velondraiamandreny, no fiombonana amin'ny Mpanjaka Razana izy ary inoana fa ampirotsaka ny fitahiany amin'ireo velona miombona aminy, ireo Mpanjaka razana ireo.

### Fampitahana ny FITAMPOHA 1958 sy FITAMPOHA 1978

Ny holazaina farany eto angamba dia raha ampitahaina ny Fitampoha nankalazaina tamin'ny taona 1958 ary ny tamin'ny taona 1978 : ny hita avy hatrany dia fomba efatra no tonga 20 taona aty aorianana hanampy nyefa nisy teo aloha.

— ny voalohany amin'izany dia ny fijoroan'ny mpanao *sombily*, sy ny fikapohan'ny omby eo am-piandohana ny famonoana omby voalohany tamin'ny 1978. Ny mpitoka no nanao izay sady koa nanonona vavaka tamin'ny 1958 ;

— ny faharoa dia tamin'ny *fandehanan'ny tovolahy hikapa bararata* izay atambatambatra ho mijoha anantonana ny Dady aorian'ny Fitampoha rehefa miyahy izy ireny. Tamin'ny 1958 tsy nasiana fombafombany fa efavoakapa sy najoro avy hatrany ny mijoha ana-

hazana ny Dady. Fanatsarana sy fanatevenana ny efa nisy izany no natao tamin'ny 1978 ;

— ny fahatelo dia ny *fahazoan'ny olona nanatona ny Dady* izay mitraiky ka anehoany ny hataka tiany atao amin'izy ireny sy ampi-sehoany ny fankatoavana tanteraka azy ireny. Azo heverina ho fahaoahana ny fahitana ny Dady izay, satria rehefa nofoanana ny fady izay miaro indrindra ny Dady amin'ny tsy fahazoana manakaiky azy, mba hanamarihana ny fahamboriany sy ny fahamasinany dia tsy hay tohaina miaraka amin'izay ny fanirian'ny vahoaka hanakaiky ny Dady mba hahita azy ireny sy hiteny amimpajana na hitalaho amin'izy ireny ;

— ny fahefatra indray no teo amin'ny *famonoana omby manitse taorian'ny Fitampoha* ara-bakiteny teny Ampasy. Tsy nisy io tamin'ny 1958 ary ny endrika nisehoany tamin'ny 1978, izay naganan'ny velondraiamandreny rehetra te hahazo izany sombiny kely avy amin'ilay omby manitse, no nampahatsiaro ny «jaka avy amin'ny Andriana»..

Raha izany sy izany dia toraky ny efa nomarihina tamin'ny Fandroan'ny Andriana dia sady afaka mampitombo sy manampy tsara ny fanao eo amin'ny Fitampoha ny Ampaïto no ohetry ny zavatra mandeha ho azy izany raha ny fihetsiky ny Ampaïto sy ny fiheviny no dinihina.

### *HEVITRY NY FITAMPOHA*

Raha ireo fombafomba samihafa sy fanao isan-karazany mandritra ny FITAMPOHA no dinihina, dia tsapa fa mikasika zavatra maro loha mifamahofaho izy rehetra ireo.

Amin'ity indray mitoraka ity anefa, dia foto-javatra telo loha ihany, nefä nahatonga ny FITAMPOHA hanana ny endrika ivelany izay nisehoany, no hohalalinintsika : ny voalohany amin'izany dia ny fivavahana amin'ny razana, saingy eto moa dia Razana manana ny lanjany manokana no andrandraina, satria efa Mpanjaka teo aloha izy ireo ary lasan-ko Razana efa hatramin'ny ela na elaela, nefä izy ireo rahateo koa no Razan'ny Mpanjaka velona, izay eo ankehitriny. Ny faharoa horesahina, dia momba ny votoatin'ny FITAMPOHA, izany hoe, ny fampirobohana ny DADY ao anaty renirano Tsiribihina. Ary ny fahatelo dia mikasika ny Mpanjaka velona (Ampaïto) sy fanjakana sakalava, ary miaraka amin'izany, ny fifandraisana misy eo amin'izy ireo sy ny mpila ravin'ahitra nanorim-ponenana ao Menabe ary farany ny lazan'izy ireo ihany ivelan'i Menabe.

Raha izany dia hofakafakaintsika aloha ny momba ny *Fivavaha-na amin'ny Razana Mpanjaka*, rehefa ny FITAMPOHA no atrehina : nañana ny lazany manko ireo Mpanjaka lasan-ko Razana ireo ka na-naovana DADY.

Izany no natao dia satria fony fahavelony, namory fanjakana izy ireny rehefa nandresy vahoaka variana tamin'ny ady an-trano landava ka notereny, nony avy eo, mba tsy hihetsika intsony eo am-bany fahefany. Noho izany dia nitondra fandriam-pahalemana amin'ny tany ama-monina izy ireny ary tsy vitan'izany, fa mbola namela taranaka mandimby ho Mpanjaka velona hatrany eo amin'ny fanjakana izy ireny. Mitohy mandraka androany izany toe-javatra izany ka vao mainka mampitombo *hy laza sy ny lanjan'ireo Mpanjaka Razana ireo izany*.

Fantatra fa ny razana tsy an-kanavaka dia tsy anisan'ny Velona intsony ary misy tokoa ny finoana malagasy momba ireny razana ireny : lasa namonjy ny Tontolony izy ireny — Tontolo izay any an-koatra tsy hitan'ny mason'olombelona any ; manana ny fomba «iai-nany» izy ireny, any amin'ny Tontolony any ka «miriaria» any, nefo inoana koa ambonin'izay, fa afaka mitsidika ny Tontolon'ny Velona ny razana ary afaka manao zavatra ao anivon'ny Tontolon'ny Velona na miditra amin'ny fiainan'ny Velona mihitsy aza indrai-andray : ohatra — araka ny fahatsapan'ny Velona izany — rehefa mandefa nofy na tsindrimandry ny razana, rehefa misy fahasooavana misesy izay raisina ho fampirotsahana fitahiana avy aminy, rehefa mihantona ny zava-tsoa eo amin'ny fiaianana ka heverina ho mariky ny tsy fahafaliany, sns... sns...

Setrin'izay lafiny iray amin'ny finoana izay, dia mahazo miantso ny razana kosa ny Velona rehefa mila azy ireny, ka misahirana tokoa ary mihetsiketsika fatratra amin'ny fikarakarana azy ireny rehefa mby eo izy — izany dia mbola noho ny finoana ny razana ihany. Amin'izay fotoana izay ny fomba amam-panao hanatonto-sana ny fivavahana amin'ny razana dia milahatra toy izao :

- 1) fiantsoana ny razana,
- 2) fihaonana aminy,
- 3) famborahana ny hataka atao aminy,
- 4) fanehoam-panajana azy ireny,
- 5) fanolorana ny fanomezana foy ho azy ireny,
- 6) ary fandefasana ny razana hiverina any amin'ny Tontolony, rehefa vita ny nilàna azy ireny;

Hita soritra mazava tsara ao amin'ny FITAMPOHA ireo dingana notanisaina teo ireo, saingy mbola miampy ambaratonga vitsivitsy sy fankalazana amin'ny fomba manetriketrika araka izay azo atao,

satria Razana Mpanjaka no ampiantsoina sy ifanatrehana, ka ny mahatonga izany dia noho ny *sazoka* fa indrindra ny DADY. Hamafisina etoana izany fa endrika roa samihafa nefà mifameno ary samy manana ny anjara asany no hita taratratra amin'ny fomba «iainan'ny» Razana Mpanjaka , raha ny FITAMPOHA no ifotorana : andaniny, ny *sazoka* izay «miriaria» any amin'ny Tontolo any antkoatra nefà afaka hivezivezy ao amin'ny Tontolon'ny Velona ka noho izany dia mampifandray ireo Tontolo roa tsy mitovy ireo re-hefa mampitohy azy ireo na rehefa mitsangana ho mpanelanelana eo amin'ireo Tontolo roa samihafa ireo (ny mpisazoka no manefa izany) ; an-kilany, ny DADY izay sombiny amin'ny Mpanjaka Razana mitoby lalandava aty amin'ny Tontolon'ny Velona nefà tsy asehon'ny Velona imaso sy «velominy» ho amin'ny fiainana eto an-tany raha tsy amin'ny vanim-potoana voatokana sy voaomana ho amin'izany.

Maromaro ny fanao mandritra ny FITAMPOHA no hazavain'ny Fivavahana amin'ny Razana Mpanjaka ka mety hahazoana ny hevitra raketiny araka izany. Koa dia harahintsika araka ny filaharany ireny fombafomba ireny :

— *fiantsoana ny Razana*

Razana Mpanjaka no antsoin'ny Velona eo amin'ny FITAMPOHA : noho izany dia ny Mpanjaka velona irery ihany no mahazo mintso, satria taranany rahateo. Ny Mpanjaka velona no mandray fitenenana, manonona vavaka, milaza amin'ny Mpanjaka Razana izay kasain-katao sy izay hitadiavana azy. Marihina fa na dia misy olon-kafa aza asain'ny Mpanjaka velona misolo tena azy amin'ny fitenenana na vavaka na kabary, dia tsy maintsy avy aminy ihany no iavian'ny baiko fanombohana na fanatanterahana ny tokony hatao. Miendrika fanononana tetiarana manomboka amin'ny loham-pianakaviana niandohan'ny foko sakalava ary mifarana amin'ireo DADY folo ny fiantsoana Razana Mpanjaka eo am-piandohan'ny FITAMPOHA.

— *fibaonana amin'ny Razana*

Eto amin'ny FITAMPOHA dia samy manefa ny anjarany ny roa tonta mihaona : andaniny, ny Razana Mpanjaka izay mampahafantatra ny Velona fa 'mamaly ny antso izy ka tonga tokoa eo anivony. Mandre tsara ny feony (maromoñy, hazolahy) ary mahita azy «miaina» eo anivony (*sazoka* sy ny fihetsiny ary ny baikony) ny Velona sady manana ny porofo azo tsapain-tanana amin'ny maha eo azy (DADY izay solontenany sy RIVOTSE izay itobiany). An-kilany, ny Velona izay mandavorary an-tsakany sy an-davany ny fandraisana ireo Razana Mpanjaka sy izay hahatamana sy hahafinaritra

azy ireny eo anivon'ny Velona. Koa ny ezaka lehibe indrindra izay nataon'ny Velona amin'izany, dia ny manorina ety an-tany sarasin'ny Tontolo izay «iainan» ny Razana Mpanjaka any an-koatra any : amin'izay fotoana izay moa dia tsy hahatsiaro ho vahiny ny Razana Mpanjaka ary manaraka izany dia ho afaka mandia ny toerana ivezivezen'ny Razana Mpanjaka eto an-tany kosa ny Velona sady mahazo mihaona amin'izy ireny rehefa izany.

Araka izay dia vinavinain'ny Velona izay Tontolo mety hitovitovy amin'ny any an-koatra any ka azo tanterahina aty an-tany mandritra ny herinandron'ny FITAMPOHA : izany indrindra no mahatonga ny dian'ny mpibaby mitondra ny DADY anelanelan'i BELO sy AMPASY na koa anelanelan'ny RIVOTSE sy ny RANON'i Tsiribihina — na mandroso na miverina izany — ho tsy mba manao hitsin-dàlana, fa manao fari-bolana indraindray, sady mihodin-kavia amin'izay. Raha iny manao fari-bolana iny manko ny DADY dia tsy misy elanelana na fahabangana eo amin'izy rehetra, izany hoe, ny fahafolo farany dia manaraka avy hatrany ny voalohany izay tranaindy indrindra, ka foana miaraka amin'izay ny elanelam-potoana sy elanelan-toerana satria tafatambatra mitovy torosy ny vanim-potoana lasa rehetra «niainan»ireo DADY ireo ary tafahaona amin'ny toerana iray koa izy ireo. Rehefa eny AMPASY kosa dia ny atsimo atao hoe avaratra ary ny andrefana atao hoe atsinanana ; ampifamadihana izany ny vazan-tany efatra ka hafa noho ny an'ny tranon'ny Velona ny fitodiky ny RIVOTSE rehefa hajoro izy. Raha vao tody soa aman-tsara ao amin'ny RIVOTSE, izay toerana itobiany amoron'i Tsiribihina ny DADY dia rarahana toaka izy, ary izay olona ampahafantarın'ny DADY fa indramany vatana velona (mpisazoka) dia anolorana toaka izy iny, izany dia satria zava-tian'ny DADY izany. Tafahaona eny AMPASY ny Razana Mpanjaka sy ny Velona koa dia miroso amin'ny dingana manaraka.

#### *– famborabana ny hataka atao amin'ny Razana*

Matetika moa dia fanarenana ny nanjò na koa fanehoam-paniriana no italahaoan'ny Velona amin'ny razany, ka mety ho olona tokana no voakasika amin'izany, nefo mety ho olona vitsivitsy na maromaro ao anaty fianakaviana no miombona amin'izany fangatahana izany.

Eo amin'ny FITAMPOHA kosa, dia faritra iray manontolo sy ny vahoaka rehetra ao aminy ary otronin'ny zanaka am-pielezana ka tarihin'ny Mpanjakany no indray mihetsika. Koa dia araka izay ny hataka : atao ampahibemaso sy manenika ny mponina iray manontolo ary noho izay toe-javatra nitranga tao amin'io faritra io ka nahatonga ny fahatsapana fa tsy maintsy hankalazaina ny

FITAMPOHA. Raha aravona ny hataka novisavisaina tamin'ny FITAMPOHA 1978, ohatra, dia toy izao izy ireo :

- toetr'andro mahavanona ny fahalavorarian'ny voly sy ny fitombon'ny biby fiompy, izany hoe, sady tsy ho tondrano no tsy ho hain-tany ;
- tsy fision'ny aretina — indrindra fa ireo mamely olombe-lona, biby fiompy sy voly ;
- fahombiazana eo amin'ny fihariana harena ka hitombo ny vokatra sy voly ary omby ;
- fahasambarana ao anaty fainana lavorary sy tany ama-monna milamina.

Izany rehetra izany dia fehezin'ny teny hoe : «Aza asiana ratsy i Menabe ! «Omeo ny tsara ity tany ity !».

Soritana fa anisan'ny anjara asan'ny OMBY manitse vonoina voalohany ny mampita sy manamafy ny hataka atolotra ny Razana Mpanjaka ka izany no mahatonga ny famonoana OMBY manitse voalohany ao amin'ny FITAMPOHA hotanterahina aorian'ny fampahafantarana ny hataka. Ambonin'izay dia misy ny sasantsasy amin'ny mpitahiry fomban-drazana na mpitoke izay afaka manolatra hataka amin'ny *sazoka* ary koa afaka mampahafantatra ny olona ny mikasika ny teny ampilazain'ireo *sazoka* ireo, koa dia izy ireny no manatona ny mpisazoka ary mampiditra resaka na mifampiresaka amin'ny mpisazoka. Ary tamin'ny FITAMPOHA farany teo dia nisy aza fotoana — rehefa «nitraiky» ny DADY — izay nahazoan'izay naniry izany teo amin'ny sarambabem-bahoaka. nanatonany ny DADY ka nanambarany *azy* miivantana izay mba tiany holazaina.

#### *— faneboam-panajana sy fanoloram-panomezana ny Razana*

Eto amin'ity dingany ity ny Velona no mampiseho ny fankatoavany ny razany an-tsakany sy andavany ary koa ny filany sitraka amin'ny razany. Raha ny FITAMPOHA indray no neverina, dia mifanindry amin'ny tena votoatin'ny FITAMPOHA ity dingana ity. Efa nolazantsika manko fa ny haja inoana fa fara-tampony atolotry ny Mpanjaka velona ny Razany dia ny Fampandroana azy ireny. Ary manamafy izany ny anarana omena an'ity fomba manetriketrika sady manokana anatanterahana fivavahana amin'ny razana ity, dia ny hoe FITAMPOHA izany : mandritra ny vanim-potoana sy amin'ny alalan'ny endrika izay ifandraisan'ireo Razana Mpanjaka ireo amin'ny Tontolon'ny Velona indrindra, no hararaotina mba hanefana amin'izy ireny ny fombafomba ataon'ny Velona amin'ny Velona. Koa amin'izany, mandritra ny herinandron'ny FITAMPOHA izay anaovana ny azo atao rehetra mba hitobian'ny Mpanjaka

Razana sy hivezivezeny eto amin'ny Tontolon'ny Velona, dia tsy raisina ho mahagaga raha ny FANDROAN'NY DADY izay atao ara-bakiteny anaty RANO, no fanehoam-panajana tontosaina amin'izany. Ny amin'ny fanoloram-panomezana kosa, dia izay fanomana-rehetra natao mba hankalazana ny FITAMPOHA no avela hotombatombanan'ny Mpanjaka Razana sy lanjalanjainy eo : ny lamban'ny DADY izay nohavaozina, ny toa-drazana izay nokajiana fatratra, ny OMBY manitse izay nasiana famonoana intelo miantoana, ny fanamiana izay vaovao daholo ka nanaovan'ny mpandray an-jara, sns... sns...

Ny tena hevity ny Fandroan'ny DADY moa dia mbola hovela-belarintsika rehefa avy eo, fa hozohintsika hatrany amin'ny farany, alohan'izany, ny fivavahana amin'ny razana. Koa dia ny dingana mamarana ny fivavahana amin'ny razana no asiantsika teny izao.

*– fandefasana ny Razana hiverina any amin'ny Tontolony*

Raha zava-tsoa ho an'ny Velona ny mihaona amin'ny razany mandritra izay fotoana natokana ho amin'izany, dia tsy tsara velively kosa ny iainan'ny Velona miaraka amin'ny razana mandrakariva, sao misy ny fivadihan-javatra ka ny Velona no ho sahirana indrindra amin'izay fotoana izay :efa samy natao banana ny Tontolo iainany avy manko na ny Velona na ny razana. Rehefa avy namangy ny Tontolon'ny Velona dia tokony hiverina any amin'ny Tontolony any an-koatra any ny razana ary ny Velona izay niantso ary ireny ihany no tsy maintsy manatontosa ny fandefasana azy ireny hody amin'ny Tontolony. Mitovitovy amin'ny fiantsoana azy ny fomba atao amin'ny fampandehanana ny razana, izany hoe, misy ny vavaka sy ny sorona (famonoana OMBY na AKOHO, nefo mety hosoloina fanaterana ho an'ny razana izay inoana fa zava-tiany), saingy ny teny atao amin'izany no miova satria mifantoka amin'ny fodiana.

Fa eo amin'ny FITAMPOHA kosa, dia ambaratongan-javatra roa no manamarika ny fandefasana ny Razana Mpanjaka hiverina any amin'ny Tontolony. Ny voalohany dia momba ny DADY izay averina sy apetraka ao amin'ny TRANOVINTA ao Belo amoron'i Tsiribihina, ka tsy hohetsehina intsony raha tsy amin'ny FITAMPOHA manaraka indray. Ny faharoa moa dia ny fialan'ny sazok'ireo Razana Mpanjaka avy eo amin'ny Velona sy ny Tontolony : saro-pady ny fombafomba amin'izany ary anjaran'ny mpisazoka sy mpitahiry fomban-drazana ny momba io ka tsy hita miharihary izay ataony amin'izany.

Ny fanosorana fikonike ny DADY sy ny fanidiana ny varavarana' ny TRANOVINTA — izay ivelarana lamba fotsy manakona

ny mpiamby manodina lakile — no mitory ny fanapahana ny fifandraisana eo amin'ny DADY sy ny Velona : ny lamba fotsy no karazana sisintany mampisaraka ny Velona sy ny DADY. Ny fihinanan'ny mpisazoka — ary miaraka amin'ny mpandray anjara tamin'ny FITAMPOHA izy amin'izany — ny hena avy amin'ny OMBY manitse fahatelo dia vatsy omena ny *sazoka* alohan'ny handaozany ny Tontolon'ny Velona ka inoana fa hahatafita azy ireny hatrany amin'ny Tontolony any, sady fiangaviana azy ireny hody rahateo izany.

Hitantsika hatreo fa ny finoana ny Razana Mpanjaka sy ny fivavahana aminy — izay naterak'izany finoana izany — no nahafaha-na nanakatra ny hevitra fototra voalohany izay ijoroan'ny FITAMPOHA ka manazava ny antonanton'ny endrika ivelany izay iseho-ny : tsy inona io hevitra fototra io fa ny fahefana mbola ananan'ny Mpanjaka Razana amin'ny Tontolon'ny Velona izay efa nandalova-ny, izany hoe, ny fahazoan'izy ireny manao zavatra eo anivon'ny Velona amin'ny alalan'ny DADY sy ny *sazoka*.

Izao dia azontsika hiverenana ilay zava-dehibe faharoa izay sady ifotorantsika no votoatin'ny FITAMPOHA ka mahatonga ny fanaovana azy ara-bakiteny rehefa mananteraka ny FANDROAN' NY DADY ao anaty RANO, dia ny reniran'o Tsiribihina izany. Eo amin'ny tena fandehany dia mifandimby MITAMPOKA NY DADY, izany hoe, esorina avy eny amin'ny mpibaby ary ampandroina sy karakaraina tanteraka tsirairay avy aloha ny DADY folo, izay vao indray ampandroina sy karakaraina ny *fadian'izy* rehetra (lefona, viarara, basy). Ny DADY ~~voalohany dia~~ plentika im-pito anaty RANO fa ny sivy manaraka dia inefatra ihafhy. Rehefa avy nalenti-ka ~~forany~~ ny DADY dia hosorana ~~vovo~~ kodi-kazo antsoina hoe «fihosotsy» izy, izany hoe, ahosotra ny DADY tsirairay avy ny «fihosotsy» raha ~~iny~~ vao avy NITAMPOKA iny izy.

Ka inona marina no dikan'izany fombafomba sy fanao izany ? Ara-keviny dia soritana aloha fa mandritra ny vanim-potoana izay itsidihan'ny Razana Mpanjaka ny Tontolon'ny Velona, ka ijanonan-ny elaela eo anivon'ny Velona, dia anisan'ny Velona tanteraka izy ireny amin'ny alalan'ny DADY izay hita maso ao amin'ny RIVO-TSE itobiany. Manaraka izany, tsy nahatsiaro ho vahiny mihitsy eo anivon'ny Velona ny Razana Mpanjaka satria eo daholo ny mpisazoka izay mpanalalana azy rehefa te-hiresaka na manan-kolazaina amin'ny Velona izy ireny. Raha izany dia azo raisina tanteraka ho an'ny FITAMPOHA ny Hevitra Fototra ijoroan'ny FANDROAN' ny Velona — indrindra fa ny FANDROAN'NY MPANJAKA VELONA — koa angamba tsy mahadiso amin'izay fotoana izay ny ilaza-na ny FITAMPOHA ho FANDROAN'NY MPANJAKA RAZANA. Noho izany dia azontsika adika avy hatrany ho nahazo «AINA»

VAOVAO ny DADY raha nipoitra avy ao anaty RANO rehefa avy nilentika farany tamin'ny fahafitony na fahefany. Ary io «AINA» VAOVAO io dia nankaherezana eo no ho eo ihany rehefa nampitain'ny «fihosotsy» tamin'ny DADY ny HERY vao sy feno tanjaka napetraky ny FAHARIANA hotahirizin'ny voaàry sasantsasany voatendry ho amin'izany, toy ny zava-maniry izay nanana ny HASINY manokana, ka ny ohatra mazava amin'izany eto dia tsy inona fa ny hazo antsoina hoe «handy» izay angalana ny «fihosotsy». Marihina ambonin'izay fa ny *sazoka* dia ifindran'io «AINA» VAOVAO azon'ny DADY io, ka iny no hoentiny «hiainana» indray any amin'ny Tontolo misy azy any sy hahafahany manao zavatra be lavitra noho ny vitan'Olombelona amin'ny AINA ananany. Tsy hoe mitovy amin'ny AINA ananan'ny Velona ety an-tany ny an'ny DADY sy *sazoka*, fa «AINA» mifanaraka amin'ny maha izy azy ny any an-koatra any, sady «iriariavany» any no ahafahany mampitohy ny Tontolony any sy ny Tontolon'ny Velona rehefa te-hamonjy ny Tontolon'ny Velona izy ireny.

Mbola manamafy ny fanavaozana ny «AINA» ny hevity ny fomba tamin'ny nandehanan'ny tovolahy hikapa bararata anaovana ny mijoha hihahazan'ny DADY aorian'ny nandroany. Ny bararata manko dia «sarin'ny fahavelomana» ary «maneho hasalamàna», satria «maniry ao anaty rano velona, rano mandeha, rano manara». Ny hiran'ny tovolahy tamin'izany kosa dia manandratra ny «halonaka sy fahavokarana ary fitohizan'ny AINA».



(*Mbola hitohy*)